

Malagasy

***Ny
Fahefan'ny
Mino***

***Nosoratan'i
A.L. Gill***

www.gillministries.com

*Ny
Fahefan'ny
Mino*

*Nosoratan'i
A.L. Gill*

Boky Mifandraika Amin'ity Fampianarana Ity

*Ahoana ny fomba fiatoana amin'ny faharesena ary
manomboka mandresy*

Ny Fiangonana Mpandresy

Ao Amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly

Ny Fanomezan'Andriamanitra Ho An'ny Fanasitranana

Mandray Ary Mizara

Ny Herin'ny Fanasitranan'Andriamanitra

Ny Asa Fanompoana

Apostoly, Mpaminany, Evanjelistra

mpiandry, Mpampianatra

Fiderana Sy Fiankohofana

Tonga Mpitsaoka An'Andriamanitra

Fahagagan'ny Filazantsara

Ny Planin'Andriamanitra Ahatratrarana Izao Tonotolo Izao

Fiainana Modely

Ao Amin'ny Testamenta Taloha

Endriky Ny Olom-Baovao

Fahalalana Ny Mahaizy Anao Ao Amin'i Kristy

Fiainana Mahagaga Tsy Takatry Ny Saina

Amin'ny Fanomezan'ny Fanahy Masina

Mikasika Ny Mpanoratra

A.L. sy Joyce Gill dia fantatra eran'izao tontolo izao ho mpitory teny, mpanoratra ary mpampianatra ny Baiboly. Ny fanompoana apostolika an'i A.L. dia nitondra azy hitety mihoatra ny firenena dimampolo eran'izao tontolo izao, mitory teny amin'ny vahoaka mihoatra ny iray hetsy ary anapitrisany maro amin'ny haino aman-jery sy vata fahita lavitra.

Tany Etazonia dia efa nahalafa mihoatra ny roa tapitrisa izy ireo ny amin'ny bokiny sy ny fampianarany. Ny bokin'izy ireo, izay voadika amin'ny teny maro, dia hampiasaiana any amin'ny sekoly biblika sy ny fiofanana eran'izao tontolo izao.

Ny herin'ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra izay manova ny fiainana dia misy fiantraikany mahery amin'ny fiaianan'ny hafa amin'ny alalan'ny tori-teny, fampianarana, boky ary tori-teny amin'ny horonan-tsary sy horonam-peo.

Ny voninahitra mahagaga amin'ny fanatrehan'Andriamanitra dia tsapa amin'ny fampiofanana momban'ny fiderana sy fiankohofana ataony rehefa hain'ny mino ny fomba hananana fifandraisana lalina sy tena izy amin'Andriamanitra anatin'ny fiankohofana. Betsaka no nahita abaratonga vaovao amin'ny fandresena sy faherezana amin'ny alalan'ny fampianarana momba ny fahefan'ny mino.

Ny fianakaviana Gills dia nampianatra kristiana maro hiditra ao amin'ny fanompoany manokana tsy takatry ny saina izay nomen'Andriamanitra miaraka amin'ny herin'ny fanasitranan'Andriamanitra miseho amin'ny alalan'ny tanan'izy ireo. Betsaka no nianatra ny ho être surnaturellement naturels rehefa nalefa mba hampihatra ireo fanomezana sivy avy amin'ny Fanahy Masina amin'ny fanompoana sy ny fiainana andavanandro.

A.L. sy Joyce dia samy manana mari-pahaizana amin'ny Fianarana Teolojia. A.L. ihany koa dia mendrika tamin'ny nahazoana doctorat amin'ny Filozofia Teolojika tao amin'ny Vision Christian University. Ny asa fanompoany dia mafy orina tsara amin'ny Tenin'Andriamanitra, ary mifantoka amin'i Jesosy, nahery tamin'ny finoana ary nampianatra tamin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Ny fanompoany dia fanehoana ny fitiavana ao am-pon'Andriamanitra. Ny toriteniny sy ny fampianarany dia arahin'ny hosotra mahery, famantarana, porofo, ary fahagagana ataon'ny Herin'Andriamanitra.

Izay manatrika ny fivoriany dia mahatsapa fifohazana miaraka amin'ny fimehezana amin'ny fanahy, fitomaniana eo antrehan'ny Tompo ary fisehoan'ny hery sy ny voninahitra'Andriamanitra lehibe.

Teny Fohy Ho An'ny Mpampianatra Sy Ny Mpianatra

Ity fianarana momba **Ny Fahefan'Ny Mino** ity dia hitondra fanambarana ny amin'ny fanjakana naverina ao amin'ny fiainan'ny mpianatra tsirairay. Hianatra izy hoe ahona ny ahatonga anao tsy ho resy lava ary hanomboka handresy amin'ny zava-tsarotra rehetra amin'ny fiainana. Ny mino dia lasa mazoto amin'ny alalan'ny fanambarana vaovao ny maha izy azy ao amin'I Jesosy Kristy. Ity fianarana ity dia hanome fahatokiana sy fahazoana antoka ny fandresena ao amin'ny fiainan'ny mpianatra.

Alohan'ny hampianarana dia soso-kevitrany ny hihainoanao na hijerenao ny horonan-tsary mirakitra ity fampianarana ity na ihany koa hamaky ny boky izay natolotra ao amin'ny **Soso-kevitra Ho An'ny Boky Tokony Hovakiana**. Arakaraka ny fahafenoan'ny Tenin'Andriamanitra ao aminao mikasika ny fahefan'ny mino sy ny ady ara-panahy, no handehanan'ny fahamarinana ao amin'ny sainao sy ny fanahinao. Ity boky ity dia hanome anao famintinana izay fampiasa raha eo am-pamitana izany fahamarinana izany amin'ny hafa ianareo.

Ny fanomezana ohatra momba ny tena manokana dia tokony tena ho atao mba ho fampianarana mahomby. Tsy nataon'ny mpanoratra tao anatin'ny asany izany mba ahafahan'ny mpampianatra manome ohatra avy amin'ny traikefany manokana, na an'olona hafa, izay tombon-tsoa ho an'ny mpianatra.

Tokony ho tadidinao foana fa ny Fanahy Masina no tonga mba hampianatra ny zavatra rehetra, ary, rehefa mianatra na mampianatra isika, dia tokony hotarihiny sy ho hampaherezin'ny Fanahay masina hatrany.

Ity boky ity dia tsara ho an'ny fandalinana manokana na ho an'ny vondron'olona, sekoly Biblika, sekoly Alahady, ary vondrom-bavaka an-trano. Tena zava-dehibe ny hananan'ny mpampianatra na ny mpianatra ity boky ity ho fandalinana.

Ny boky tsara dia feno naoty, voatsipika, saintsainina ary tsakotsakoana tsara. Noho izany ny mpianatra tsirairay dia tokony hanana ny bokin'ny manokana. Nasianay malalaka mba ahafahanao mandray naoty na mandray fanampi-pahazavana. Ny firafitra dia nataonay tamin'ny fomaba tsotra mora hampiasaina raha hanao famerenana na hitady andalana amin'ny fomba mora kokoa. Amin'ity rafitra manokana ity ny olona tsirairay dia afaka, mampianatra ny ao antiny amin'ny hafa rehefa avy nandalina ny fampianarana izy.

Paoly nanoratra tamin'i Timoty :

Izay renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro, dia omeo olona mahatoky, izay afaka mampianatra izany amin'ny hafa ihany koa.

Ity fampianarana ity dia voatondro tahaka ny fampianarana fampiharana ny Baiboly amin'ny endrika MINDS (Ministry Development System) izay fomba fanao manokana novelarina amin'ny fampianarana voarindra tsara. Izany fomba fijery izany mba ho an'ny fitomboana amin'ny fiainan'ny maro, amin'ny fanompoana ary ny fampianarana amin'ny ho avy ny mpianatra. Ny mpianatra teo aloha, izay nampiasa ity boky ity, dia afaka mampianatra amin'ny fahamorana ity fampianarana ity.

Ireo Lohahevitra

Lesona Voalohany	Mahafantatra ny Fahavalo	6
Lesona Faharoa	Fahefana Ambonin'ny tany	14
Lesona Fahatelo	Ny Planina Famitahan'i Satana	23
Lesona Fahaefatra	Dia Tonga Jesosy– Ilay Planin'Andriamanitra	30
Lesona Fahadimy	Jesosy Nanao Ny Asa fanompoany Tamin'ny Fahefana	40
Lesona Fahaenina	Avy Eo Amin'ny Hazofijaliana Mankamin'ny Fiandrianana	47
Lesona Fahafito	Ny Fahefana Naverina Indray Tamin'ny Olona	55
Lesona Fahavalo	Ny Fomba Fiasan'i Satana Amin'izao Fotoana Iza	66
Lesona Fahasivy	Ny Fiangonana Sy Ny Fahefany	74
Lesona Fahafolo	Ny Fanalahidin'ny Fanjakana	83
Lesona Faha Iraika ambin'ny folo	Ny Anaran'i Jesosy	92
Lesona Faharoa ambin'ny folo	Ady Ao Amin'ny Tontolon'Ny Fanahy	
	Feno Fandresena	102
Tenin'Andriamanitra Atao Tsianjery		111

Lesona Voalohany

Mahafantara Ny Fahavalo

ANATY ADY ISIKA

Ady

Amin'ny maha Kristiana antsika, dia mila fantatry ny saintsika isika fa isika dia tafiditra anaty ady. Anisan'ny tena fomba fiadin'ny Satàna voalohany ny manajamba antsika tsy ahalala izany ady misy antsika izany, ary ny hahatonga antsika tsy hanana fiarovana manoloana ny fanafihany. Nefa Andriamanitra dia nanome antsika ny fitaovam-piadiana rehetra izay ilaintsika mba hanomezany antsika ny fandresena ny fahavalontsika !

2 Korintiana 10:3,4 Fa na dia velona amin'ny nofo aza izahay, dia tsy mba miady araka ny nofo fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy.

1 Timoty 6:12 Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazòny ny fiainana mandrakizay; fa ho amin'izany no niantsoana anao koa sy nanaovanao ilay fanekena tsara teo imason'ny vavolombelona maro.

Zava-dehibe ny mahatsiahy hoe ireo fitaovam-piadiana dia tsy ao amin'ny tontolo hita maso. Fa ao amin'ny tontolon'ny fanahy.

Betsaka amin'ireo mpanoratra ny Testamenta Vaovao no mampiasa teny momba ny ady. Tsy hoe teny manambara fotsiny ihany, fa famaritana ny ady izay misy antsika. Izany ady izany dia tokony atao ao amin'ny tontolo ara-panahy.

Ny Fahavalontsika

Isika dia eo ambanin'ny fanafihan'ny fahavalo amin'ny lafiny rehetra sy ny fifandraisantsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro, ao amin'ny

- Fianakaviansika
- Ara-bolantsika
- Asantsika
- Fisainantsika (mental)
- Tenantsika (fahasalamana)
- Tokantranontsika
- Mpifanila vody rindrina amintsika
- tananantsika
- Firenentsika

➤ Tontolontsika

Ny zava-dehibe tena tokony ho tsaroana dia tsy amin'olona ny adintsika. Fa amin'ny satana sy ny fanahy ratsiny. Ao amin'ny tontolon'ny fanahy izany. Ny fananana ady amin'olona dia miteraka fahaverezan-tsaina sy faharesena amintsika.

IZA NO FAHAVALONTSIKA?

Raha fantatsika fa anaty ady isika dia zava-dehibe ny manao lisitra ny fahavalontsika:

Ny fahavalontsika dia-

- Ny fianakaviansika?
- Ny mpiara-miasa amintsika?
- Ny fanjakantsika?
- Ny ara-bolantsika?

Tsia!

Mpitondra- Manam-pahefana Hery- Herin'ny Fanahy

Ny Apostoly Paoly dia manao famaritana an-tsary an-tsaina ny amin'ny fahavalontsika. Miteny amintsika izy fa isika tsy mitolona amin'ny olona manodidina antsika. Nilaza antsika ny mba tsy hitolona amin'ny nofo aman-drà izy.

Efesiana 6:12 Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra.

Ny devoly

Petera dia maneho mazava tsara fa ny fahavalontsika dia ny devoly.

1 Petera 5:8 Mahonàna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mieronina mitady izay harapany.

Fanangolena

Ny fanangolen'ny Devoly dia fomba fiasa na planina fanakiviana izay ampiasainy hahavoantsika. Manana planina fiadiana mitovy amin'ny fanaon'ny miaramila izy ampiasainy, hiezahany handresy antsika. Matetika, satria mahazo fampitandremana ny amin'ny planiny isika, dia mila mahafantatra bebe kokoa ny akanjo fiarovana sy ny fitaovana enti-miady izay nomanin'Andriamanitra amin'ny adintsika. Ny fitafiana entina miady dia mba ho fiarovana antsika. Ary ny fitaovam-piadiana dia ho fanafihana arahim-pandresena amin'ny fahavalontsika.

Efesiana 6:11 Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly.

Fampitandremana

- *Ho Variana Amin'I Jesosy*
- *Mahafantatra Ny Fahefana*
- *Tsy Manaiky Lembenan'ny Devoly Izany*

Isika tsy tokony ho sahirana, variana amin'ny devoly, ny demonia sy ny fanangoleny. Fa kosa, tokony ho variana miaraka amin'I Jesosy isika. Rehefa mifantoka Aminy ny masontsika, dia tonga saina isika (mahatsiaro) ny mahaizy antsika ao Aminy. Rehefa fantatsika ny fahefana naverina tamintsika tamin'ny alàlan'I Jesosy, dia hisy fahatokiana mihalehibe ao anatintsika. Tsy ho hanaiky lembenan'ny devoly sy ho azon'ny fanangoleny isika.

ANDRIAMANITRA DIA NANORINA ZAVA-MANAN'AINA ANJELY

Andriamanitra Dia Mandrakizay

Andriamanitra dia Mandrakizay. Efa nisy foana Izy ary Izy no nahary ny zavatra rehetra. .

Jaona 1:1-3 Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza.

Jaona 1:14 Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina* tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana.

Ny “Teny” dia Jesosy.

Andriamanitra Dia Nahary Ny Anjely

Amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy , Jesosy dia namorona ny zava-drehetra ary anisan'izany ny anjely. Tsy noforoniny fotsiny ihany izy ireny, fa noforoniny ho an'ny asany araka an'Andriamanitra.

Kolosiana 1:16,17 fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy ety ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana*, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra.

Manana Rafitra Ny Anjely

Rehefa nanao ny lisitry ny fiandrianana I Paoly, ny fanjakana, ny fahefàna sy ny hery, dia nitodika tamin'ny anjely izany..

Manana anarana samy hafa:

- Ariananjely
- Kerobima
- Serafima
- Zava-manan'aina velona

Manana asa samy hafa izy:

- Fiandrianana
- Fanjakana
- Fanapahana
- Hery

ANDRIAMANITRA NO NAHARY AN'I LOSIFERA

Hatramin'ny nahafantarantsika fa Jesosy no nahary ny zavatra rehetra dia fantsatsika fa Izy no nahary an'i Losifera.

Ny Toeran'i Losifera Voalohany

Ny toerana nisy an'I Losifera teny am-piandohany dia tena toeram-boninahitra lehibe. Anisan'ny anarany ny hoe "Fitarikandro".

Esaïe 14:12 *Te voilà tombé du ciel, Astre brillant, fils de l'aurore! Tu es abbatu à terre, toi, le vainqueur des nations!*

Job 38:7 *Alors que les étoiles du matin éclataient en champs d'allégresse, et que tous les fils de Dieu poussaient des cris de joie?*

Famaritana An'i Losifera

Ezekiela sy Isaia mpaminany no manome famaritana momba an'i Losifera antsika.

- *Ohatra Ny Fahatsarana*
- *Feno Fahendrena*
- *Tanteraka Amin'ny Hatsaran-Tarehy*

Ezekiela 28:12b *...Izao no lazain'i Jehovah Tompo: Ry ilay mahatanteraka* ny rafitra tsara tarehy tonga marika sady feno fahendrena no tena tsara tarehy.*

- *Mitafy Vatosoa*

Ezekiela 28:13a *Tany Edena, sahan'Andriamanitra, ianao; Ny vato soa rehetra ny eloelo teo amboninao, dia ny karneola, ny topaza, ny onyksa, ny krysolita, ny beryla, ny jaspy, ny safira, ny robina, ny emeralda ary ny volamena Ny fampanenoana ny*

ampongatapakao sy ny sodinao* dia tao aminao, tamin'ny andro namoronana anao dia natao koa ireo.

➤ *Feo Kanto*

Ezéchiél 28:13b ... Ny fampanenoana ny ampongatapakao sy ny sodinao* dia tao aminao, tamin'ny andro namoronana anao dia natao koa ireo.

Ny ampongatapakao dia zava-maneno velesina.

Ny kipantsona dia zava-maneno tahaka ny sodina.

Esaïe 14:11a Ta magnificence est descendue dans le séjour des morts, avec le son de tes luths.

Ny feony dia tahaka ny fiarahan'ny zava-maneno be dia be.

➤ *Tsisy Tsiny*

Ezekiela 28:15 Tsy nanan-tsiny ianao tamin'ny nalehanao hatramin'ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka tao aminao.

Ny Asan'i Losifera

Ezekiela mpaminany dia namaritra ireo asa fanaon'i Losifera tany am-piandohana.

➤ *Mpiandry Ny Fiandrianana*

Ezekiela 28:14 Hianao dia kerobima voahosotra izay manaloka, fa voatendriko ianao; Tao an-tendrombohitra masin'Andriamanitra ianao; Tao amin'ny vato mirehitra no nitsangantsangananao.

Na dia nisy kerobima aza tamin'ny sisiny roa amin'ny propitiatoire manarona ny fiaran'ny fanekena (Eksodosy 25:18-22), Losifera dia teo akaikin'Andriamanitra teo amin'ny toeram-boninahitra lehibe kokoa. Amin'ny maha "Fitarikandro" sy "Zanaky Ny Maraina" azy, dia nanarona sy niaro ny seza fiandrianan'Andriamanitra izy ary naneho ny famirapiratana sy ny voninahitr'Andriamanitra. Nohosorana ho kerobima mpiambina mandrakariva izy. Andriamanitra dia nanome azy toerana tena feno andraikitra lehibe.

➤ *Mpitarika Fiderana*

Noho ny amin'izay feo tena kanto izay, dia izy no nitarika ny anjely tamin'ny fiderana sy hy fiankohofana ataon'izy ireo amin'Andriamanitra ary izy no nitandrina ny seza fiandrianan'Andriamanitra tamin'ny fitafiana fiderana sy fitsahoana.

ADY TAO AN-DANITRA–NIANJERA SATANA

Noho Ny Amin'ny Avonavona / Ny Fikomiana

Ny fahatakarana ny fikomian'i Losifera, ny fianjeràny ary ny vokatry ny ady tao an-danitra dia manome antsika ny fahazahoana ny dikan'ny ady izay misy antsika ety an-tany.

Ezekiela 28:15,17 Tsy nanan-tsiny ianao tamin'ny nalehanao hatramin'ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka tao aminao.

Niavonavona ny fonao noho ny hatsaran-tarehinao; Efa nahasimba ny fahendrenao mbamin'ny famirapiratao ianao; Nazerako eny an-tany ianao sady natolotro ho fitalanjonan'ireo mpanjaka,

Losifera dia tanteraka nandrapifantohany ny fijeriny tamin'ny fahatsaran-tarehiny raha tokony ny fahatsaràn'Ilay namorona azy. Niseho ny avonavona. Variana tamin'ny famirapiratan'ny manokana izy raha tokony niambina nifantoka tamin'ny famirapiratan'Andriamanitra tenany.

“Izaho”

Nisy sitrapo anankiray, dia ny sitrapon'Andriamanitra, izay nanjaka tamin'ny tontolo ary rehetra mandra-pidiran'ny avonavona tao amin'I Losifera.

Isaia 14:12-17 Endrey! latsaka avy tany an-danitra ianao, ry ilay fitarik'andro, zanaky ny maraina; Voakapa hianjera amin'ny tany ianao, ry ilay mpandripaka firenena.

Ary ianao efa nanao anakampo hœ: Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin'ny kintan'Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; Dia hipetraka eo an-tendrombohitra; fivoriana any am-parany avaratra aho; Hiakatra ho any ambonin'ny havoan'ny rahona aho ka ho tahaka ny Avo Indrindra

Kanjo hampidinina hatrany amin'ny fiainan-tsi-hita* ho any ampara-vodilavaka ianao

Izay mahita anao hibanjina anao sy hihevitra anao hœ: Moa io va ilay lehilahy nampihorohoro ny tany sy nampihozongozona ny fanjakana

Ary nanao izao tontolo izao ho efitra sy nandrava ny tanànan'ny Ary tsy nandefa ny mpifatotra hody?

Hatramin'io fotoana io dia tsy nisy afa-tsy sitrapo iray ihany no teo amin'ny tontolo, ny sitrapon'Andriamanitra. Tamin'ny alàlan'ny fikomiana, Losifera dia nampiasa ny sitrapony ho fanoherana ny sitrapon'Andriamanitra. Arakan y hita tamin'i Losifera fa nisy “Izaho” indimy, ny

fisehon'ny fitaka sy ny fisehon'ny fikomiany dia nitombo hatrany hatramin'ny faniriana hisolo ny toeran'Andriamanitra eo amin'ny seza fiandrianany any an-danitra.

Ny Ady

Apokalypsy 12:7-10 Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady, nefa tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra.

➤ *Noroahina Satana Sy Ny Anjeliny*

Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy.

Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe: Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan'Andriamanitsika, Ary ny fahefan'ny Kristiny, Satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika, dia ilay mpiampanga azy eo anatrehan'Andriamanitsika andro aman'alina.

Ezekiela 28:16 Noho ny habetsahan'ny varotra nataonao dia nofenoina loza tao aminao, ka nanota ianao; Ary dia nolotoiko ka nariako niala tamin'ny tendrombohitr'Andriamanitra ianao, Ary nosimbako ianao, ry kerobima manaloka, hiala tao amin'ny vato mirehitra.

Voaroka ny lanitra Satana sy ny anjeliny.

Ny Vokatry Ny Ady

Ny ampahatelon'ny anjely dia teo ambanin'ny fahefan'i Losifera ka dia lavo niaraka taminy. Ny anjely hafa tambanin'ny fahefan' (fiadidian') Mikaela sy Gabriela dia nijanona natoky tamin'Andriamanitra.

➤ *Ny Ampahatelon'ny Anjely No Nianjera*

Apokalypsy 12:4a Ary ny rambony dia manala ny ampahatelon'ny kintana amin'ny lanitra ka manjera ireny ho amin'ny tany

Losifera sy “ny anjeliny” dia nazera tety ambonin'ny tany.
Apokalypsy 12:9 Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy.

➤ *Niova Anarana*

Niova ireo anaran'i Losifera. Na dia nomena azy aza ny anarana tsara indrindra tahaka ny hoe Zanaky Ny Maraina sy ilay Keroboma voahosotra, dia lasa izao no anarany:

- dragona
- menarana
- devoly
- Satana

Ireo anjely teo ambanin'ny fahefàn'I Losifera; ireo izay nanaraka ny fikomiany dia nihazona ny lamina efa misy ny amin'ny ambaratongam-pahefana amin'ny fiandrianana, hery, fanapahana ary fahefana saingy ny anarany dia niova araka izay toetra nahalavo azy izay. Iza izy dia lasa antsoina hoe devoly, demony ary fanahy ratsy.

➤ *Fiovana Natiora*

Niova tanteraka ny natioran'i Satana. Teo aloha izy:

- “Fitarikandro”
- “Zanaky Ny Maraina”
- ilay nitarika ny fiderana sy fitsahoana
- ilay niambina sy niaro ny fiandrianan' Andriamanitra

Dia lasa:

- lo
- afa-baraka
- nariana ivelan'ny lanitra

Very:

- ny halehibehin'ny fahatsaran-tarehiny
- ny toerany avo tao amin'ny fanjakan' Andriamanitra

Ny mahaizydia lasa:

- maloka
- ratsy tarehy
- ratsy
- feno fankahalana

Izany no vokatry ny fahotàny ny amin'ny avonavona sy fikomiana.

FANONTANIANA VALIANA

1. Farito ny asa sy toerana nisy an'i Losifera tena am-piandohàna.
2. Lazao ny fikomiana, ny fianjeràny ary ny vokatry ny ady.
3. Iza no tena fahavalon'ny mpino amin'izao fotoana izao?

Lesona Faharoa

Fahefana Ambonin'ny Tany

FAMORONANA NY TANY

Nataon'Andriamanitra

Ao amin'ny Genesisy dia voalaza fa Andriamanitra no nahary ny tany.

Genesisy 1:1 Ary tamin'ny voalohany, Andriamanitra nahary ny tany sy ny lanitra.

➤ *Mba honenana*

Araka ny lazain'Isaia, ny tany dia tsy noforonona mba ho foana. Nomena endrika izy mba honenana.

Isaia 45:18 Fa izao no lazain'i Jehovah, Izay nahary ny lanitra sady namorona ny tany sy nahavita azy (Izy no nandamina azy; tsy ho tany tsy misy endrika tsy akory no namoronany azy, fa nataony honenana, izaho no Jehovah, ary tsy misy hafa.

➤ *Lasa Tsy Nisy Endrika*

Toutefois, Genesisy 1:2 dia milaza ny tany ho tsy misy endrika, foana sy maizina. Tsy izany no famaritana ny tany vonona mba honenana. Amin'ny teny hebreo ny teny hoe "teo aloha" dia afaka adika tsara ihany koa hoe "lasa".

Genesisy 1:2 Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary aizina no tambonin'ny lalina. Ary ny fanahin'Andriamanitra nanomba tambonin'ny rano.

Io teny Hebreo io ihany no hita fa nampiasaina sy nadika ao amin'ny Jeremia.

Jeremia 4:23-25 Nojereko ny tany, ka, indro, tsy nisy endrika izy sady foana, ary ny lanitra koa, ka, indro, tsy nanam-pahazavana izy; Nojereko ny tendrombohitra, ka, indro, nihorohoro izy, ary ny havoana rehetra nihozongozona; Nojereko, ka, indro, tsy nisy olona, ary ny voro-manidina rehetra efa nandositra.

➤ *Lasa Maizina Sy Foana*

Jeremia dia manazava fa ny fitsaran'Andriamanitra dia nanova ilay tany tanteraka (tsisy tsiny) ho teoerana feno fahasimbàna (fahamaizinana).

Jeremia 4 : 23 Nojereko ny tany, ka, indro, tsy nisy endrika izy sady foana, ary ny lanitra koa, ka, indro, tsy nanam-pahazavana izy.

Tohizan'i Jeremia ny fanazavana ny fitsaran'Andriamanitra ny tany.

Jeremia 4:26-27 Nojereko, ka, indro, ny saha mahavokatra* aza efa tonga efitra, ary ny tanànanany rehetra dia rava teo anatrehan'i Jehovah, dia teo anoloan'ny firehetan'ny fahatezerany

Fa izao no lazain'i Jehovah: Ho lao ny tany rehetra, nefa tsy dia holevoniko avokoa izy.

➤ *Tonga Teto An-tany Satana*

Satana dia nariana tambonin'ny tany tamin'ny fotoana teo anelanelan'ny Genesisy 1:1 sy Genesisy 1:2. (jereo ny naoty ao amin'ny pejy 13)

Andramo alaina sary an-tsaina Satana rehefa nazera tambonin'tany. Izy no nanana ny toerana avo indrindra tao an-danitra. Nanana fahatsaran-tarehy tsy hay faritana. Izy no taratry ny fahatsaran'Andriamanitra. Natetika tao amin'ny fikomian, dia mbola nitady mihoatra izany izy. Naniry ny hanjaka tao an-danitra izy.

Nisy ady. Izy sy ny anjeliny izay nanaraka azy dia nariana tambonin'ny tany. N'aiza n'aiza jeren'i Satana dia nampatsiahy azy an'Andriamanitra Mpamorona izay halany amin'izao. Ny zavatra rehetra dia nampatsiahy azy ny zavatra veriny tao anatin'ny fikomiany..

Angamba Satana, amin'ny maha tonga mba “hangalatra, hamono, ary handringana”, tao anatin'ny fahatezerany sy ny fankahalàny nahajamba azy dia nanimba ity tany ity. Ny zavatra iray mba hananany ho fanjakany dia foana, tsisy endrika, ary ao anatin'ny fahamaizinana tanteraka.

Satana dia nanana faniriana hanjaka amin'ny tontolo rehetra. Ankehitriny, ny sisa mba hananany dia tany kely, maizina sy foana.

Ny Tany Namboarin'Andriamanitra Indray

Ao amin'ny Genesisy 1:2, dia mamaky isika fa ny Fanahin'Andriamanitra dia nanomba tambonin'ny rano. Genesisy 1:3 milaza fa izao no lazain'Andriamanitra “Misia ny mazava.” Fantatr'I Satana izay feo izay!

Efa henony izany tamin'ny mandrakizay efa lasa. Alaio sary an-tsaina ny fahatairany raha nahare ny feon'Andriamanitra. Na dia ety an-tany aza izy dia tsy afaka miafina an'Andriamanitra. Na dia ety aza, tsy havelan'andriamanitra amin'izao fotsiny izy.

Akory ny mety ho fihorohoron'i Satana raha nahita an'Andriamanitra namerina indray ny fahatsaran'ny tany teo aloha nandritra ny dimy andro nisesy.

“Hoy Andriamanitra”

Nohariana indray tamin'ny alalan'ny teny ny tany. Tena zava-dehibe ny mahatakatra fa andriamanitra dia nampisy indray ny zavatra rehetra simba tamin'ny teniny.

Genesisy 1:3 Ary Andriamanitra nanao hoe: Misa mazava; dia nisy mazava.

And.6 Ary Andriamanitra nanao hoe: Misa habakabaka eo anelanelan'ny rano; ary aoka hampisaraka ny rano amin'ny rano izy.

And.9 Ary Andriamanitra nanao hoe : Aoka hiangona ny rano eny ambanin'ny lanitra ho eo amin'ny fitoerana iray, ary aoka hiseho ny maina; dia nisy izany.

And.11 Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny tany haniry ahitra sy anana mamoa ary hazo fihinam-boa izay mamoa, samy araka ny karazany avy, ka manam-boa ao aminy, eny ambonin'ny tany; dia nisy izany.

And.14 Ary Andriamanitra nanao hoe: Misa fahazavana eny amin'ny habakabaky ny lanitra hampisaraka ny andro sy ny alina; ary aoka ho famantarana sy ho fotoana ary ho andro sy taona ireo.

And.20 Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny rano ho be zava-manan'aina; ary aoka hisy vorona hanidina ambonin'ny tany eny amin'ny habakabaky ny lanitra.

And.24 Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny tany hamoaka zava-manan'aina samy araka ny karazany avy, dia biby fiompy sy biby mandady sy mikisaka ary bibi-dia, samy araka ny karazany avy; dia nisy izany.

And.26 Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika ; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voromanidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany.

And.29 Ary Andriamanitra nanao hoe: Indro, efa nomeko anareo ny anana manintsam-boa rehetra izay ambonin'ny tany rehetra ary ny hazo rehetra izay misy voa sady manintsam-boa; dia ho fihinana anareo ireny.

Ny Fihetsik'i Satana

Izay rehetra tanteraka, izay rehetra nosimbàna tety ambonin'ny tany, dia naverin'Andriamanitra ho tanteraka indray. Fa inona ilay planin'Andriamanitra teo aloha? Fa maninona Andriamanitra no liana amin'ity planeta ity? Alaio sary an-tsaina Satàna miantsoantso amin'ny demoniny hoe, “Fa maninona Andriamanitra no tsy afaka mamela antsika miadana? Manana ny tontolo rehetra Izy ho hanjakany ary ny mba hananantsika dia ity tany kely ity!”

Ny fahatairana sy ny fankahalàna dia mety tena nihazona an'i Satàna nandritra io dimy andro io, izay nandrenesana ny feon'Andriamanitra. Raha niteny Andriamanitra, ny tany dia tafaverina tamin'ny fahatsarany teny am-piandohàna. Mety nihalehibe isanandro ny hamafin'ny fankahalàn'i Satàna an'Andriamanitra.

Fanamarihana: Ny mpianatra ny Baiboly dia tsy miombon-kevitra amin'ilay vanim-potoana mifandraika amin'ny fianjeràn'i Satàna sy ny namoronana ny olombelona. Le matériel de cette leçon est basé sur "la théorie du vide" izay mampianatra fa misy fotoana « foana » eo anelanelan'ny andininy voalohany sy ny faharoa amin'ny toko voalohany amin'ny bokin'ny Genesisy. Io théorie io dia mampianatra fa Satàna dia nazera tambonin'ny tany tao aorinan'ny fikomiany ary vokatr'izany, ny andininy faharoa dia manazava fa ny tany dia lasa tsy nisy endrika, foana ary tanaty aizina.

Misy ny mampianatra fa ny fianjeràn'i Satàna dia niseho taty aorinan'ny namoronana ny olombelona. Ary ihany koa, ny mpianatra rehetra dia tsy miombon-kevitra amin'ilay fotoana nandroahana an'i Satàna avy tany an-danitra ary nazera tety ambonin'ny tany.

Tsy tena zava-dehibe loatra ny mahafantatra mazava ny vanim-potoana ny amin'ny tranga izay voazava anatin'ity lesona ity, tahaka ny hoe mahazo tsara fa ny olona, noforonina araka ny endrik'Andriamanitra, izay nomeny ny fahefàna sy ny fanjakàna rehetra amin'ity tany ity. Zava-dehibe ihany koa anefa ny mahazo tsara fa izany no anton'ny hankahalain'ny Satàna loatra ny olombelona.

NY FAHEFANA NOMENA NY OLONA

Noforonina Araka Ny endrik'Andriamanitra

Tao aorinan'ny namoronan'Andriamanitra ny tany, dia namorona ny lahy sy ny vavy araka ny Endriny Izy. Ary nomena azy ny fahefàna amin'ny zava-manan'aina rehetra teo amin'ny faritry ny tany.

➤ “Mba hanajaka izy”

Ao amin'ny toko voalohany ny Genesisy, dia lazaina amintsika fa ny olombelona dia noforonina araka ny Endrik'Andriamanitra. Ao amin'ny toko fahasivy dia izay ihany no zavatra averina lazaina amintsika.

Genesisy 1:26 Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika ; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany.

Genesisy 9:6 Izay mandatsaka ny ran'olona, dia mba halatsak'olona kosa ny ràny, satria tahaka ny endrik'Andriamanitra no nanaovany ny olona.

Ny fahalalana fa ny lahy sy ny vavy dia nohariana araka ny Endrik'Andriamanitra dia zava-dehibe amin'ny

fahazahoana ity lohahevitra ity, satria ny Endrik'Andriamanitra dia anisan'ny iray amin'ny fahefàna.

Genesisy 1:27 Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy.

Nanome Ny Fiainan'Andriamanitra

Andriamanitra nanao ny endrikin'ny olombelona tamin'ny vovon-tany tamin'ny Tanany, avy eo nasiany tao aminy ny fofon'ain'Andriamanitra manokana. Ny mahalzy an'Andriamanitra manokana no nofofoiny tanatin'ny olombelona.

Omeny antsika ny fiainany. Ny fiainan'Andriamanitra no ao amintsika!

Genesisy 2:7 Ary vovo-tany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony; dia tonga olombelona izy.

Fahefana amin'i Satana

Tao aorinan'ny ady tao an-danitra, dia nazera tety ambonin'ny tany Satàna. Azonao alaina sary an-tsaina ve ny fihorohorony rehefa nijery an'Andriamanitra namorona ny olona izy, manisy fofon'aina azy ny fiainan'Andriamanitra, ary avy eo manome anio zava-boahary vaovao io ny fahefàna sy ny fanjakàna amin'ny zava-manan'aina rehetra ambonin'ny faritry ny tany?

Satàna nivelona tety ambonin'ny tany! Ny fanjakàna nomena ny olona dia miarakamin'ny fahefàna amin'I Satàna sy ny mpanompony.

Nomena Azy Roa Ny Fahefana

Andriamanitra nanome endrika an'i Eva, ary izy sa Adama, nanana fahefàna ary nanjaka tamin'ny zavatra rehetra tamin'ny tany.

Ao amin'ny Genesisy 2 isika dia manana ny tantaran'ny namoronana an'i Eva.

Genesisy 2:21-24 Ary Jehovah Andriamanitra nahasondrian-tory an-dralehilahy, ka dia natory izy; dia naka ny taolan-tehezany anankiray izy ka nanakombona nofo ho solony.

Ary ny taolan-tehezana izay nalain'i Jehovah Andriamanitra tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy ka nentiny tany amin-dralehilahy.

Ary hoy ralehilahy: Ankehitriny dia taolana avy amin'ny taolako sy nofo avy amin'ny nofoko ity; ity dia hatao hoe vehivavy satria lehilahy no nanalana azy.

Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; dia ho nofo iray ihany ireo.

➤ *Tsy Ho An'ny Adama*

Hatramin'ny nilazana ny olona voalohany, Andriamanitra dia niteny hoe, “manjakà ianareo.”tsy niteny izy hoe “manjakà ianao”

Genesisy 1:26-28 Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika ; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany.

Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy.

Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy; ary manjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin'ny tany.

Ny lahy tsy mampiasa ny fanjakàny amin'ny vavy, ary ny vavy koa tsy amin'ny lahy, fa amin'ny maha-nofo iray, dia tokony hiara-mandeha izy amin'ny fanjakana sy fahefàna ambonin'ny tany.

Niaraka , nomena azy ny fahefàna amin'ny:

- Ny hazan-drano amin'ny ranomasina
- Ny vorona eny amin'ny lanitra
- Ny biby
- Ny tany rehetra
- Ny zava-manan'aina rehetra izay mandady

➤ *Tsy Amin'ny Olona Hafa*

Ny olombelona tsy natao tokony ho nanana fahefàna amin'ny olombelona hafa. Nanana ny fahefàna tamin'ny zava-boaharin'Andriamanitra rehetra tambonin'ny tany ary Satàna sy ny anjeliny izy.

Amin'izao Andriamanitra dia manana fahefàna sy fanjakana amin'ny tontolo rehetra afa-tsy ny planeta tany. Ety Izy dia nanome ny fahefàny amin'ny zava-boahary vaovao izay noforoniny mitovy endrika amin'Andriamanitran izay antsoina hoe lehilahy sy vehivavy.

Mandray fahafahana Ny Olombelona

➤ *Sitrapo*

Nomen'Andriamanitra an'i Adama ny fahafahana. Nanana ny hery hisafidy izy na hankatoa na tsy hankatoa an'Andriamanitra. Ny olombelona dia mandray sitrapo, safidy, ary fahafahana iray.

Ny sitrapon'ny olombelona dia tokony zahàna toetra tao amin'ny zaridaina, na fankatoavana na tsy fankatoavana, na mihinana ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy, na tsy mihinana.

Mbola manana fahafahana ny olona.

Genesisy 2:16-17 Ary Jehovah Andriamanitra nandidy andralehilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany;fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao.

HALAN'I SATANA NY OLOMBELONA

Halan'i Satana Adama sy Eva satria noforonina araka ny endrik'Andriamanitra. Tamin'ny fotoana namoronana azy ireo, Andriamanitra dia nanome azy izay rehetra nohezahan'i Satana halaina an-kery.

- Mitovy endrika amin'Andriamanitra izy ireo.
- Miteny tahaka an'Andriamanitra izy ireo.
- Mitovy fandeha amin'Andriamanitra izy ireo.

Nahazo ny fanjakana amin'ny zavatra rehetra ety ambonin'ny tany izy ary Satana tafiditra anatin'izany. Tafiditra anatin'izany izay rehetra nanjakany. Tafiditra anatin'izany ny fanjakany rehetra.

Ny tahotra lehibe an'ny Satana

Mahafantatra ny fahefantsika Satana. Fantany izay nolazain'Andriamanitra sy nataony.

Tena zava-dehibe ho azy mihitsy ny tsy nahafantarantsika ny fahefantsika— Ny tsy ahalalantsika sy ny tsy hanombohantsika mandeha ao amin'ny fahefana sy ny fanjakana izay nomen'Andriamanitra antsika. Tena misy antony mihitsy ny fahatahoran'ny Satana ny lehilahy sy ny vehivavy izay mandeha ao amin'ny fahefana izay nomen'Andriamanitra azy.

Ireo «Izaho » an'i Satana

Andeha tadidiantsika ireo “izaho” izay nomena ao amin'Isaia.

Isaia 14:13-15 Ary ianao efa nanao anakampo hoe: Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin'ny kintan'Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; Dia hipetraka eo an-tendrombohitra; fivoriana any am-parany avaratra aho;

Hiakatra ho any ambonin'ny havoan'ny rahona aho ka ho tahaka ny Avo Indrindra;

Kanjo hampidinina hatrany amin'ny fiainan-tsi-hita* ho any ampara-vodilavaka ianao

Nomena ny Olombelona daholo ny zava-drehetra

Izay rehetra tian'i Satana ho izy nandritra ny fikomiany, dia noforonon'Andriamanitra mba ho izay ny olombelona !

➤ Hoy Satana, “Hiakatra any an-danitra aho.”

Ny olona dia noforonina mba hanana fifandraisana amin'Andriamanitra. Noforonina isika mba hiresaka sy handeha hiaraka amin'ny Andriamanitra izo tontolo izao ! Noforonina isika mba hanjaka hiaraka Aminy.

Apokalypsy 20:6 Sambatra sy masina izay manana anjara amin'ny fitsanganana voalohany; ireo tsy mba ananan'ny fahafatesana faharoa fahefana, fa ho mpisoron'Andriamanitra sy Kristy ireo ka hiara-manjaka aminy arivo taona.

➤ Hoy Satana, “Ataoko ambonin'ny kintan'Andriamanitra ny fiandrianako.”

Ny kintan'Andriamanitra dia milaza ny amin'ny anjely. Satana dia nanana faniriana ny ho ambonin'ny anjely, manan-danja kokoa noho ireo.

Ny Apostoly Paoly dia nilaza fa indray andro isika hitsara ny anjely.

1 Korintiana 6:2,3 Sa tsy fantatrareo fa ny olona masina dia hitsara izao tontolo izao? Ary raha hitsara izao tontolo izao ianareo, moa tsy miendrika hitsara izay zavatra madinika indrindra va ianareo?

Tsy fantatrareo va fa hitsara anjely isika? mainka fa izay zavatra momba izao fiainana izao.

➤ Hoy Satana, “Hipetraka eo amin'ny tendrombohitry ny vahoaka aho, any amin'ny farany alavitra avaratra indrindra.”

Isika dia miara-mipetraka amin'i Jesosy any an-danitra.

Efesiana 2:6 ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy,

➤ Hoy Satana, “Hiakatra eny an-tampon'ny rahona aho.”

Isika dia hitsena an'i Jesosy eny amin'ny habakabaka– eny amin'ny rahona.

1 Tesaloniana 4:16 Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'ny Kristy no hitsangana aloha;

1 Tesaloniana 4:17 ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitœtra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.

.

➤ Hoy Satana, “Hitovy amin'Ilay Avo indrindra aho.”

Ny olombelona dia noforonina araka ny endrik'Andriamanitra. Mitovy amin'Andriamanitra isika! Mbola manontany tena ve ianao oe fa maninona Satana no mankahala ny olombelona ?

Noforonina isika mba:

- Hitovy endrika amin'Andriamanitra
- Hiteny tahaka an'Andriamanitra
- Handeha tahaka an'Andriamanitra ary
- Hanapaka miaraka amin'Andriamanitra !

Toa fahafaham-baraka ho an'i Satana izany hoe nomena antsika daholo ireo zavatra izay nohezahany nalaina tanatin'ny fikomiany.

FANONTANIANA VALIANA

1. Hazavao amin'ny fomba fitenin'ny manokana ny niandohan'ny tany, ny fianjeran'i Satana ary ny vokatrany ny fitsarana ambonin'ny tany.

2. Hazavao ahoana no fomba niasan'Andriamanitra tamim-pahefana sy tamim-panjakana rehefa namorona ny tany indray Izy.

3. Hazavao fa maninona Satana no mankahala anao. Inona no nataonao nahatonga izany fankahalana izany?

Lesona Fahatelo

Ny planina famitahan'i Satana

Hitan'i Satana fa Adama sy Eva, sy ny olona rehetra, dia nandray fiainana sy natiora izay mitovy amin'ny ananan'Andriamanitra. Nety ho toran-kovitra Satana fa ankehitriny ny olona dia manana fahefana amin'ny zavatra rehetra ambonin'ny tany.

Mitovy amin'Andriamanitra ny Olombelona. Mihetsika tahaka an'Andriamanitra izy. Ny fankahalan'i Satana rehetra XXX an'Andriamanitra, dia natodiny ho amin'ny olona. Tsy mety aminy ny mamela ny olona hahomby. Noho izany, nihevitra ny planiny manokana izy!

NY PLANIN'I SATANA

Fitaka

Satana dia namitaka ny anjely tany an-danitra, ary ny ampahatelony dia nanaraka azy tamin'ny fikomiana. Nanana traikefa izy amin'ny fampiasana ny fitaka.

Andriamanitra dia nanome ny olona ny fahafahana— nanana safidy izy ny hankatoa na tsy hankatoa. Nomeny sazy ihany ko izy ireo ny amin'ny tsy fankatoavana.

Genesisy 2:17 fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao.

➤ *Naka endrika*

Ary nanontany an'Andriamanitra

Nifidy ny haka ny endriky ny menarana Satana mba hahafahany mankao amin'ny saha nefa tsy fantatra hoe iza. Tsy nanan-jo ho ao an-tsaha izy ary noroahan'i Adama izy raha nahasahy niditra ka tsy naka endrika hafa.

Genesisy 3:1a Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon'i Jehovah Andriamanitra.

“Fetsy” dia midika hoe XXXXveut dire être fin ou adroit.

Nanao sary endrika menarana Satana rehefa niresaka tamin'i Eva. Amin'izao fotoana izao ny devoly dia mbola manana vatana. Izany no fiovan'ny endrika sy fanaronany ny ratsy tiany hotanterahana.

Genesisy 3:1b Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky! efa nataon'Andriamanitra hoe: Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin'ny saha?

Manontany Satana hoe inona no nolazain'Andriamanitra, ary amin'izany izy dia tsy mba miresaka ny sazy ny amin'ny fahotana.

➤ *Nanonona an'Andriamanitra izy*

Jereo fa Satana dia nilaza ny tenin'Andriamanitra, nampiasainy mba hitondra azy ireo amin'ny fitaka.

Genesisy 3:2,3 Fa hoy ravehivavy tamin'ny menarana: Ny voan'ny hazo eo amin'ny saha dia azonay ihinanana ihany; fa ny voan'ny hazo eo afovoan'ny saha kosa no efa nataon'Andriamanitra hoe: Aza hihinanareo na tendrenareo izany, fandrao maty ianareo.

Nampian'i Eva hoe "ihany" izay tena nolazain'Andriamanitra, nefa mbola nahatadidy ny famaizana izy.

➤ *Ny laingan'I Satana*

and.4b Tsy ho faty tsy akory ianareo.

Manohitra izay nolazain'Andriamanitra Satana, fa Eva dia nanohy nihaino. Avy eo Satana mampanantena valisoa ho an'ny fahotana.

➤ *Ho tahaka an'Andriamanitra ianareo*

and.5 fa fantatr'Andriamanitra fa na amin'izay andro hihinanareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo, hahalala ny ny tsara sy ny ratsy.

Hoy Satana tamin'I Adama sy Eva, "Hahiratra ny masonareo ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo!" Efa nitovy tamin'Andriamanitra izy ireo fa Satana nitondra azy haniry mihoatra kokoa.

NANOTA I ADAMA SY EVA

Nanota izy roa

Matetika tokoa, dia azontsika sary an-tsaina Eva irery niaraka tamin'i Satana, izay naka endrika menarana, nanantona azy. Tsy izany no voalazan'ny soratra masina. Iza no voasoratra ao amin'ny andininy fahaenina, "ary nomeny koa ny vadiny, izay teo akaikiny, ka dia nihinana izy."

Niaraka nijanona tsy nanaraka ny tenin'Andriamanitra izy, nanaraka ny fahatsapana ara-boajanahary, nihaino an'i Satana, ary nihinana ny voa.

And.6 Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny; ka dia nihinana izy.

Rehefa tsy nankatoa an'Andriamanitra adama sy Eva ary nihinana ny voa, dia nivoaka niala tamin'izy ireo ny natioran'Andriamanitra. Nitafy fahazavana feno voninahitra izy ireo – ny natioran'Andriamanitra – izao izy mitanjakas.

Ny fampiasana ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy, no namitahan'i Satana an'i Adama sy Eva, nametsy azy ary nandresy.

Tsy niova Satana. Mbola izany ihany no fampiviliany amin'izao andro izao!

Nilaozana izy ireo

- *Resy*
- *Nitanjaka*

Noresen'i Satana izy, ary nalaina tamin'ny olona ny firakofany, ny fanjakany sy ny fahefany.

Genesisy 3:7 Dia nahitra ny mason'izy mivady, ka fantany fa mitanjaka izy; ary nanjaitra ravin'aviavy izy, ka nataony sikina ho azy..

- *Natahotra*
- *Niafina*

Nandresy an'i Adama sy eva Satana. Ankehitriny, ireo izay nanjaka tambonin'ny tany dia natahotra ary niafina tao ambadika hazo!

Genesisy 3:10 Dia hoy izy: Nandre Anao tao amin'ny saha aho; dia natahotra aho, satria mitanjaka, ka dia niery.

- *Mbola araka ny endrik'Andriamanitra*

Zava-dehibe no mahazo fa na dia tao aorinan'ny fahotan'i Adama sy Eva aza, dia mbola nijanona ho araka ny endrik'Andriamanitra no nanaovana azy. Saingy, tsy manana ilay fiainan'Andriamanitra ao aminy intsony izy. Maty arapanahy izy ireo.

Genesisy 9:1,2,6 Ary Andriamanitra nitso-drano an'i Noa sy ny zanany hoe; Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany. Ary ny tahotra sy horohoro anareo hahazo ny bibi-dia rehetra sy ny voro-manidina rehetra; ireny mbamin'izay rehetra mandady na mikisaka amin'ny tany sy ny hazandrano rehetra ao amin'ny ranomasina dia efa natolotra eo an-tananareo.

Izay mandatsaka ny ran'olona, dia mba halatsak'olona kosa ny rany, satria tahaka ny endrik'Andriamanitra no nanaovany ny olona.

Ny olona dia mbola tokony:

- Hamokatra
- Hihamaro
- Hameno ny tany
- Assujettir
- Hanjaka sy hanapaka

Ankehitriny, izany dia atao amin'ny fahoriana, amin'ny fatsembohan'ny tava, ary ny zava-manan'aina rehetra dia hiaina amin'ny tahotra ny olombelona.

Famerenana

Andriamanitra nahary an'i Adama sy Eva mba hanjaka ambonin'ny tany . Fa rehefa tsy mankatoa an'Andriamanitra ny olona ary manao ny sitrapony izay mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra, dia maty ara-panahy izy. Nalaina taminy ny akanjom-pahefana sy akanjom-panjakana nomen'Andriamanitra.

Ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy dia ny hanana fahefana sy hanjaka.

Ny sitrapon'I Satana ho an'ny olombelona dia ny fikomiana amin'Andriamanitra.

*Nanan-tsafidy atao Adama sy Eva-
Nanana sitrapo ho atao izy-
nataony nifanitsy amin'i Satana ny sitrapony.*

*Nangalarin'i Satana tamin'i Adama ny toerany:
andriamanitr'izao tontolo izao.
mpanapaka izao tontolo izao.
andrianan' izao tontolo izao.*

TAO AORIAN'NY FAHOTAN'NY OLOMBELONA

Tonga ny ozona

➤ *Tamin'ny menarana*

Satria ny menarana namela an'i Satana hampiasa ny vatany, dia nisy ozona napetraka tamin'ny menarana rehetra.

Genesisy 3:14 Ary hoy Jehovah Andriamanitra tamin'ny menarana: Satria nanao izany ianao, koa amin'ny biby fiompy rehetra sy ny bibi-dia rehetra dia ianao no voaozona: ny kibonao no handehananao, ary vovo-tany no hohaninao amin'ny andro rehetra hiainanao.

➤ *Tamin'ny vehivavy*

Nisy karazany roa ny ozona tao amin'ny vehivavy. Amin'ny fahoriana no hananany anaka ary ny lehilahy hanapaka aminy.

Genesisy 3:16 Ary hoy koa Izy tamin-dravehivavy: Hahabe dia hahabe ny fahoriana Aho, indrindra fa raha manan'anaka ianao;

ary fahoriana no hiterahanao zanaka; ary ny vadinao no hianteheran'ny faniriana, ka izy no hanapaka anao.

Rehefa manaiky an'i Jesosy ho mpamonjiny manokana ny vehivavy anankiray, dia mahazo indray ny toerana namoronana azy izy. Jesosy no tonga ozona ho azy.

Galatiana 3:13 Kristy nanavotra anay tamin'ny ozon'ny lalàna, satria tonga voaozona hamonjy anay izy; fa voasoratra hoe : Voaozona izay rehetra mihantona amin'ny hazo

➤ *Tamin'ny lehilahy*

Ny ozona tamin'ny lehilahy dia ny hiasany ny tany amin'ny fahoriana mba hahazoany hanina.

Genesisy 3:17 Ary hoy koa Izy tamin'i Adama: Satria efa nihaino ny feon'ny vadinao ianao, ka nihinananao ny hazo, izay nandrako anao hoe: Aza ihinananao izany, dia voaozona ny tany noho izay nataonao; fahoriana no hihinanao ny vokany amin'ny andro rehetra hiainanao.

➤ *Tamin'ny tany*

Voaozona koa ny tany

And 18-19 Ary haniry tsilo sy hery ho anao izy; ary hohaninao ny anana famboly. Ny fahatsembohan'ny tavanao no hahazoanao hanina mandra-piverinao any amin'ny tany; fa ny tany no nanalana anao; fa vovoka ianao, ary hiverina ho amin'ny vovoka indray ianao.

➤ *Tamin'ny Satana*

Tamin'ny fotoana nandresen'i Satana ny olombelona, dia nanonona ozona taminy Andriamanitra.

Genesisy 3:15 Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahan-tongony.

Andriamanitra dia niteny tamin'i Satana, izay tao anatin'ny menarana, ary nilaza fa izy hanorotoro ny lohany.

Fampanantenana fanavotana!

Ny ozona tamin'i Satana ihany koa dia ny fampanantenana voalohany ny amin'ny Mesia. Ny “ombelahi-tongony” dia ny faminaniana ny amin'i Jesosy izay tsy maintsy ho hatera-behivavy.

Satana dia ho ambanin'ny tongotr'i Jesosy. Hohitsahina sy hotorotoroina ny lohany.

Tandindon'ny ho avy

Ao amin'ny tantaran'ny fahalavoan'ny olombelona dia misy karazany, na tandindony, ny amin'ny ho avy.

➤ *Ny ravina aviavy*

Ny ravina aviavy izay nampiasain'i Adama sy Eva mba hirakofany dia tandindon'ny olona izay miezaka manarona ny fahotany. Ireny dia tandindon'ny fombam-pivavahana naorin'ny olona.

➤ *Novonoina ny biby*

Ny fandatsahan-dra voalohany dia nataon'Andriamanitra mba hanaronana an'I Adama sy Eva. Izay no famantarana, na tandindona ny amin'i Jesosy izay handatsaka ny ràny noho ny amin'ny fahotan'izao tontolo izao.

Ny planin'Andriamanitra

Na dia tamin'ny fotoana tena maizina tamin'ny tantaran'ny zanak'olombelona aza, Andriamanitra dia nanana planina famonjena ho an'ny olombelona.

Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fahafahany manokana, dia hanolotra ny fiainany ho antsika.

Amin'ny alalan'ny fahafatesany, no hitondrany ny faharesen'i Satana. Satana handratra ny faladian'i Jesosy (hanorotoro ny ombelahn-tongon'i Jesosy), fa Jesosy hanitsaka ny lohan'I Satana. Ny fahefan'I Satana dia hohitsahina ary izay fahefana izay dia averina amin'ny olombelona indray araka ny planin'Andriamanitra tany ampiandohana.

SATANA NO MIFEHY!

Ny fitak'i Satana

Satana tsy nitsahatra nankahala sy natahotra ny lehilahy sy ny vehivavy izay noforonina mba hitovy endrika sy hitondra-tena tahaka an'Andriamanitra. Ny planiny ny amin'ny fitaka dia tsy nitsahatra. Tamin'ny alalan'ny fitaka, dia an-taonany maro no nalaina tamin'ireo mpitarika ara-panahy ny heriny . Tonga "jamba mitarika jamba" izy.

Ny Asan'i Satana

Satana dia nanomana ny miaramilany ho amin'ny ady tanteraka. Misy mpanapaka ny maizina napetrany isaky ny firenena, ny lehilahy, vehivavy, sy ny zaza, mba ho andevony. Nasainy hangalatra, hamono ary handringana izy ireo.

Andriamanitra dia mitondra ny lalàna amin'ny olombelona mba hahafahany mahazo famelàna ny helony ary mba handehanany miaraka Aminy. Fa nandritra ny efatra arivo

taona Satana dia niaina tamim-pahefana tambonin'ny tany
noho ny amin'ny tsy fankatoavan'ny olombelona.

*Ny olona izay noforonina
mba hanjaka amin'ity tany ity dia :
jamba sy mpangataka amoron-dàlana,
mifamatotra amin'ny fanahin'ny aretina
ary azon'ny demonia maro. .*

*Ny tarehy sy vatana, noforonina mba hitovy
amin'Andriamanitra,
dia nohanin'ny fahabokàna mahatsiravina.*

*Ny lehilahy sy ny vehivavy noforonina mba hanjaka sy
hanapaka dia niaina tao anatin'ny faharesena!*

FANONTANIANA VALIANA

1. Hazavao fa maninona no dia halan'i Satana loatra ny lehilahy sy ny vehivavy izay noforonina.

2. Hazavao ny vokatry ny fahalavoan'ny olombelona.

3. Inona no fampanantenan'ny fanavotan'Andriamanitra izay nambara ao amin'ny Genesisy
3 :15 ?

Lesona Fahaefatra

Ary Tonga Jesosy - Ilay Planin'Andriamanitra

ILAY ADAMA VOALOHANY – ILAY ADAMA FARANY

Nandefa ny Zanany Andriamanitra

Rehefa nanota Adama sy Eva, Andriamanitra dia nanmpanantena ny handefa ny Zanany ho “ombelahin-tongon'ny vehivavy” mba hanitsaka ny lohan'i Satana. (Genesisy 3:15) Miresaka io vanim-potoana io Paoly ary mampifandray izany amin'ny fampanantenana voalohany ny amin'ny fanavotana.

Galatiana 4:4-5 fa rehefa tonga ny fotoan'andro, dia nirahin'Andriamanitra ny Zanany, nateraky ny vehivavy, nateraka tao ambanin'ny lalàna, hanavotany izay ambanin'ny lalàna, mba handraisantsika ny fananganan'anaka.

Ny fifandraisan'ny olombelona amin'Andriamanitra sy ny fahefany dia tokony ho tafaverina amin'ny alalan'ny fanatipisoronana izay tokony tanterahin'i Jesosy amin'ny fahafatesana eo amin'ny alalan'ny hazo fijaliana.

Voavidy tamin'ny ota, ny amin'ny saziny, ary ny vokatry ny ozon'ny lalàna, dia afaka ny ho hateraka indray ny olombelona ao amin'ny ankohonan'Andriamanitra. Afaka ny ho tonga olom-baovao izy. Afaka indray izy, ny handray ny fanahin'Andriamanitra ao anatin'ny.

Adama Nitondra Ny Fahotana

Niditra teto amin'ity izao tontolo izao ity ny fahotana tamin'ny alalan'i Adama.

Romana 5:12 Koa izany dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra;

Jesosy nitondra

➤ *Fanamarinana*

Tamin'ny alalan'ny fankatoavan'ny Olona iray, Jesosy, dia maro no afaka tonga ho marina.

And.19 Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsi-fanarahan'ny olona iray, no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fanarahan'ny Anankiray.

➤ *Vaovao Mahafaly*

Tao aorinan'ny nanotan'i Adama sy Eva, rehefa fantany fa handalo Andriamanitra, dia niafina tao ambadika ny hazo.

Ankehitriny, Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra dia tonga ary hoy ny anjely, "Aza matahotra! Milaza teny soa mahafaly aminareo aho."

Lioka 2:10-11 Ary hoy ny anjely taminy: Aza matahotra; fa, indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an'ny olona rehetra; fa Mpamonjy no teraka ho anareo anie ao an-tanànan'i Davida, dia Kristy Tompo.

➤ *Fiadanana Ho An'ny Olona*

Anjely iray no nanomboka nilaza ny vaovao tamin'ireo mpiandry ondry tany amin'ny sisin'ny tendrombohitry Betlehema io alina io, fa ny fifaliana tao an-danitra dia lehibe loatra, ny fanjakana ara-panahy no miseho ao amin'ny fanjakana ara-boajanahary.

And.13-14 Ary nisy anjely maro be avy any an-danitra niseho tampoka niaraka tamin'ilay anjely teo ka nidera an'Andriamanitra nanao hoe:

Voninahitra any amin'ny avo Indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany* .

Akory ny hatsaran'izany fampanantenana nomena antsika izany, tamin'ny fotoana nahaterahan'i Kristy. "Fiadanana ho an'ny olona ankasitrahany!"

Tsy misy teny afaka hanazavana ny fifaliana tsapa tamin'ny tontolo rehetra.

*Nientanentana
loatra ny anjely
ka niseho tamin'ny mpiandry ondry
sady nihira fiderana.*

Na dia ny kintana aza dia nanambara ny fahaterahany!

JESOSY DIA NIASA TAMBONIN'NY TANY AMIN'NY MAHAOLO NA AZY!

Jesosy ve niasa tamim-pahefana sy hery teto ambonin'ity tany ity amin'ny maha-Andriamanitra, sa amin'ny mahaolona - tamin'ny herin'ny Fanahy Masina ?

Jesosy Ilay Adama Farany

Paoly dia mampitaha an'i Jesosy ho "Ilay Adama Farany."

1 Korintiana 15:45 Ary araka izany koa no voasoratra hoe: Adama voalohan-dahy natao manan'aina , Adama farany natao fanahy mahavelona.

Jesosy, ilay Adama farany, dia nandeha ary nampiasa ny fahefany tahaka ny namoronana an'ilay Adama voalohany sy ny tokony ho ataony.

Tena zava-dehibe mihitsy ny mahazo izany satria tamin'ny alalan'ny fanantanterahana ny lalàna ihany tahaka an'ilay Adama farany no nahafahany nanafaka antsika tamin'ny lalàna. Amin'ny mahaolona Azy dia afaka ny ho tonga Mpamonjintsika fotsiny Izy. Nilaina ny fandreseny an'i Satana, amin'ny mahaolona Azy, mba hahazo indray ny fahefany izay nangalarin'i Satana tamin'ny Adama voalohany.

Satria Jesosy no olona voalohany tanteraka hatramin'i Adama, dia nanana ny fahefana nomena an'i Adama Izy. Rehefa nilatsaka taminy ny Fanahy Masina, dia nanana ny herin'Andriamanitra tao Aminy koa Izy.

Ny Batisan'I Jesosy

➤ Nilatsaka taminy ny Fanahy

Jaona mpanao batisa dia nahita ny Fanahin'Andriamanitra nilatsaka tamin'i Jesosy ary izany fotoana izany dia tena sarobidit loatra ka voasoratra ao amin'ny filazantsara efatra. (Marka 1:10, Lioka 3:22, Jaona 1:32).

Matio 3:16 Ary raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka tamin'izay Izy; ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin'Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny.

➤ Fahagagana tanteraka

Jesosy dia tsy ary nanao fahagagana nandritra ny telopolo taona voalohany niainany, fa rehefa nanomboka ny fanompoany ampahibemaso tamin'ny fiainany Izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina. Noho izany, tamin'ny herin'ny Fanahy Masina, dia nanomboka nanao fahagagana Jesosy.

Ny fahefan'Andriamanitra miasa miaraka amin'ny Fanahin'Andriamanitra no hery avo roa heny ny fandresena!

Nafoin'i Jesosy ny zon-ny Amin'ny mahaAndriamanitra

➤ Nolaviny

Ny Apostoly Paoly dia manome antsika fijery manan-danja ny amin'ny fahatsapan'i Jesosy tao anatiny rehefa nankety ambonin'ny tany Izy. Paoly di amanoratra fa Jesosy dia

nifikitra mafy ny mahaAndriamanitra Azy. Nanetry tena ho tsinontsinona Izy.

Philipiens 2:5-8 Ayez en vous les sentiments qui étaient en Jésus-Christ: existant en forme de Dieu, il n'a point regardé son égalité avec Dieu comme une proie à arracher, mais il s'est dépouillé lui-même, en prenant une forme de serviteur, en devenant semblable aux hommes; et il a paru comme un vrai homme, il s'est humilié lui-même, se rendant jusqu'à la mort de la croix.

Jesosy naniry:

- Ny tsy hanana laza ho Azy
- Ny haka ny endriky ny mpanompo
- Ho tonga tahaka ny olona
- Ny hanetry ny Tenany
- Ny hankatoa hatramin'ny fahafatesana

Jesosy dia nanana ny natioran'Andriamanitra, nitovy tamin'Andriamanitra Izy nefa, Izy ihany no nanafoana ny zony maha-Andriamanitra Azy, mba hiasa eto amin'ity tany ity tahaka ny olona. Nanetry ny tenany Izy ary nankatoa hatramin'ny fahafatesana. Tonga teto an-tany tahaka ny olona Izy ary ny heriny tety an-tany dia tonga tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Fa maninona izany no manan-danja?

Adama, ilay olona voalohany, dia tsy nankatoa an'Andriamanitra ary nanome ny fahefany an'i Satana. Jesosy, Ilay Adama farany, dia manao ny zava-drehetra ety ambonin'ny tany mba ho feno ny Fanahy Masina. Izy no olona ho tanteraka ety ambonin'ny tany izay hiasa araka ny tokony ho nataon'I Adama.

Tahaka Ny Zanak'Olonana

Rehefa tety ambonin'ny tany Jeosy, ny fahefana izay nampiasainy dia ny fahefan'ny zanak'Olonana. Amin'ity andalan-tsoratra masina ity, i Jaona dia mampiasa safidy tena mahaliana amin'ny teny: "Zanak'Andriamanitra"– "Zanak'Olonana."

Jaona 5:25-27 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Avy ny andro* ary tonga ankehitriny, izay handrenesan'ny maty ny feon'ny Zanak'Andriamanitra; ary izay mandre dia ho velona. Fa tahaka ny Ray manana fiainana ho Azy, dia tahaka izany koa ny Zanaka nomeny hanana fiainana ho Azy; ary nomeny fahefana hitsara Izy, satria Zanak'olona.

Ny maty dia handre ny feon'ny Zanak'Andriamanitra. Ivelan'ity tany ity, Jesosy dia niasa amin'ny maha telo izay iray an'Andriamanitra.

Tambonin'ity tany ity, Jesosy dia nandeha tamim-pahefana satria Izy Zanak'Andriamanitra. Ny olona dia noforonina

mba handeha amin'ny fahefana sy ny fanjakana. Izay ilay Olona Jesosy izay nanana fahefana. Izay, satria Izy ilay Zanak' Olona , Ilay Adama farany, fa tsy hoe satria Zanak'Andriamanitra Izy.

Raha Nataon'i Jesosy Izany, Dia Afaka Ataontsika Koa!

Izay tokony ho nataon'ny olona araka ny namoronana azy ihany no nataon'i Jesosy. Nandeha tao amin'ny Herin'ny Fanahy Masina Izy, fa tsy tao amin'ny herin'ny **Zanak'Andriamanitra!**

Zava-dehibe ho antsika izany! Raha Jesosy niasa tahaka ny olona tety ambonin'ny tany, noho izany dia afaka manao ny zavatra rehetra izay nataony isika. Sahala ny herintsika, ny fahefantsika, ary ny zo hanao izay rehetra nataon'i Jesosy rehefa tety ambonin'ny tany tahaka ny **Olona Izy.**

NIATRIKA NY FAKAM-PANAHY TAHAKA NY OLONA

Nalaim-panahy tahaka antsika

Andriamanitra dia nanome an'i Adama sy Eva fahafahana, safidy, sitrapo. Izany ihany koa no sitrapo nananan'I Jesosy. Ho an'ny "Adama farany" feno, Jesosy koa dia tsy maintsy niaritra fakam-panahy.

Adama sy Eva dia nalaim-panahy tamin'ny fomba telo:

- **Vatana** – Hitan'i Eva ilay voa, izay nanana tsiro tsara.
- **Aina** – Satana nampanantena azy fahendrena, hanavaka ny tsara amin'ny ratsy.
- **Fanahy** – Farany dia nampanantenainy izy fa hitovy amin'Andriamanitra.

Jesosy koa dia nalaim-panahy tamin'ireo fomba telo ireo.

Fakam-panahy voalohany– Vatana

Tany an'efitra efa nandritra ny efapolo andro Jesosy. Tamin'io faharerahan'ny vatana io, Satana dia niezaka naka fanahy an'i Jesosy hampiasa ny Heriny amin'ny maha Zanak'Andriamanitra Azy mba hanome fahafaham-po ny vatany. Fa navelan'i Jesosy ny toerana mahaAndriamanitra Azy rehefa tonga tety ambonin'ny tany mba hiasa tahaka ny Zanak'Olona.

➤ **Manome Fahafaham-po ny Filan'ny Vatana**

Matio 4:1-3 Ary Jesosy dia nentin'ny Fanahy nankany an-efitra, mba halain'ny devoly fanahy.

Ary nifady hanina efa-polo andro sy efa-polo alina Izy, koa nony afaka izany, dia noana.

Dia nanatona ny mpaka fanahy ka nanao taminy hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, dia teneno ho tonga mofa ireto vato ireto.

“Raha Zanak’Andriamanitra Ianao, porofoy izany, alaivo indray ny zo-nao mahaAndriamanitra.” Rehefa tongan ny mpaka fanahy, dia hoy izy, “Raha Zanak’Andriamanitra Ianao, dia avadio ho tonga mofo ireo vato ireo.”

Raha navadik’i Jesosy ho tonga mofo ireo vato, dia tsy niasa tahaka ny olona Izy. Fa nampiasainy ny toerana mahaAndriamanitra Azy. Raha izany no nataony, dia ho resin’i Satana izy roa, ilay Adama voalohany sy Ilay Adama farany.

➤ *Jesosy Namaly hoe*

Novalian’i Jesosy tamin’ny filazana ny tenin’Andriamanitra Satana.

Matio 4:4-5 Fa Izy kosa namaly ka nanao hœ: Voasoratra hœ: Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra.

Jereo tsara fa Jesosy dia nanamarika ny tenany ho tahaka ny olona ihany.

Ary ny devoly nitondra Azy nankany amin'ny tanàna masina ka nampitœtra Azy teo an-tampon ny tempoly.

Fakam-panahy Faharoa – Ny Aina

Ny fakam-panahy faharoa dia ny Aina. Nalain’I Satana fanahy Jesosy mba hisaina mifanohitra amin’ny sitrapon’Andriamanitra ho an’ny fiainany ka hanaraka ny fihetsem-pony.

➤ *Porofoy Iza Ianao*

And.6 ...dia nanao taminy hœ: Raha Zanak’Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any; fa voasoratra hœ: Izy handidy ny anjelin’ny aminao; Ary eny an-tànany no hitondran’ireo Anao, fandrao ho tafintohina amin’ny vato ny tongotrao

Izay ihany no tohin’ily fakam-panahy teo. “Raha zanak’Andriamanitra Ianao...” Satana dia nahafantatra fa Izy no Zanak’Andriamanitra. Ny fiainan’I Jesosy teto an-tany dia tokony ho tahaka ny fiainan’ny Zanak’Olona, Ilay Adama farany.

➤ *Jesosy namaly hoe*

Nandresy an’i Satana Jesosy teo am panononana ny Tenin’Andriamanitra . Fantatr’i Jesosy fa Izy no Tompo ary fantatr’i Satana ihany koa izany .

And.7 Hoy Jesosy taminy: Voasoratra hœ koa: Aza maka fanahy an’i Jehovah Andriamanitrao

Fakam-Panahy Fahatelo –Fanahy

Tao amin'ny fakam-panahy fahatelo,nomen'i Satana an' i Jesosy daholo ny fanjakana rehetra teto an-tany .Tsy noho izany ve ny antony nahatongavan 'i Jesosy teto an – tany ? Tsy haka ny tany teo am-pelatanan'i Satana ve ny naha- teto Azy ?

➤ *Aoka Ho Andriamanitr ' Izao Tontolo Izao*

Matio 4:8-9 Ary ny devoly nitondra Azy Indray nankany antendrombohitra avo dia avo ka naneho Azy ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo izao mbamin'ny voninahiny, dia nanao taminy hœ: Izao rehetra izao dia homeko Anao, raha hiankohoka eto anatrehako Hianao.

Nanana zo ny hanome ireo fanjakana ireo an'i Jesosy i Satana .Tamin' ny fotoana nangalarana sy namitahan'i Satana ny fahefana tamin'ny Adama ,dia izy no masimandidy teto an-tany .

Fa tsy nahaliana an'i Jesosy na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana ny hiverina haka ny tany amin'i Satana amin'ny tsy fankatoavana ny Rainy

➤ *Jesosy Namaly hoe*

Tsy nirotsaka tamin'ny fiadian-kevitra amin'i Satana i Jesosy. Tsy niady hevitra taminy Izy hoe iza no masimandidy eto an tany.Fa nasain ' i Jesosy nandeha izy.Ary nilaza ny Tenin'Andriamanitra indray Izy.

Matio 4:10 Fa hoy Jesosy taminy: Mandehana ianao, ry Satana: fa voasoratra hœ; Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao.

Famerenana

Raha naka fanahy an'i Jesosy i Satana mba hihetsehany tahaka ny Zanak'Andriamanitra , dia nafoiny ny zony amin'ny maha- “Zanak'olona” Azy .Tsy afaka ny hameno ny fepetra feno takiana ny ho sorona mba hanome ny fanavotana ho an'ny olombelona Izy.

Natolotr'i Satana an'i Jesosy ny zavatra azony: ny zo hanjaka amin'ity tany ity. Mora kokoa ny nanao izany amin'ny fomba fanaon'i Satana - tsiy fahafatesana eo amin'ny hazofijaliana . Fantatr'i Jesosy fa raha tsy ny amin'ny fandatsahana ny ràny dia tsy misy famelan-keloka .

Tamin'ny fotoana nahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana , Satana dia naniratsira an'i Jesosy tamin'izany teny izany ihany tamin'ny alalan'ny vahoaka.

Matio 27:40 ka nanao hœ: Ry Ilay mandrava ny tempoly sy manangana azy amin'ny hateloana, vonjeo ny tenanao. Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, midina hiala amin'ny hazo fijaliana.

Matetika i Satana dia hanome antsika ny zavatra tena nampanantenain'Andriamanitra antsika. Ny zavatra tokony ataontsika fotsiny dia ny mitady marimaritra hiraisana amin'ny lafiny sasany. Ny fomba andresentsika ny fomba fiasany dia ny mahalala sy ny miteny Tenin'Andriamanitra.

JESOSY, ILAY MODELINTSIKA AMIN'NY FANOHERANA FAKAM-PANAHY

Azon'i Jesosy Tsara Ny Atao Hoe Fakam-Panahy

Satria resahana ao amin'ny Matio ny tantaran'ny nakana fanahy an'I Jesosy dia manana fahafahana isika hianatra ny fomba handresena an'I Satana amin'io sehatra io. Manana fahafahana ny hisafidy koa isika . Isika koa dia ho alaim-panahy, fa afaka ihany koa isika, tahaka an'i Jesosy, miala lavitra am-pandresena!

Paoly dia manamafy fa satria Jesosy dia ory raha nalaim-panahy, dia afaka manampy izay alaim-panahy Izy.

Hebreo 2:18 Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin'ny fahoriana nentiny*, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy.

Jesosy Dia Nalaim-panahy Tahaka Antsika

Isika dia afaka manana traikefa ny amin'ny fahasahiana lehibe amin'ny fahafantarana fa Jesosy dia nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika. Satria Izy tsy latsaka tamin'ny fakam-panahy, isika koa afaka manantona an'Andriamanitra ary mandray ny fanampiany amin'ny fomba tsy takatry ny saina mba hijoro manoloana ny fakam-panahy.

Hebreo 4:14-16 Koa satria Isika manana Mpisoronabe lehibe, Izay lasa namaky ny lanitra, dia Jesosy, Zanak'Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika. Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika, fa Izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota. Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasovana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasovana ho famonjena amin'izay andro mahory.

Ny Fakam-panahy Rehetra Dia Mitovy

Anisan'ny fomba fiasan'i Satana ny mampahatonga antsika hahatsapa hoe miavaka, fa ny fakam-panahintsika mahazo antsika dia manokana, na hoe lehibe kokoa nohon'ny iaretan'ny sasany. Fa ny fakam-panahy rehetra dia mitovy daholo ary Andriamanitra dia nanome fomba hivoahana mba hahafahantsika mizaka izany.

1 Korintiana 10:13 Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan'ny olombelona; nefa mahatoky Andriamanitra ka

tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany lalana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany.

Manaraka Ny Ohatr'i Jesosy

Jesosy no modelintsika. Tahaka an'i Jesosy namaly tamin'ny tenin'Andriamanitra, dia tokony hanao tahaka izany mihitsy isika.

Rehefa nanantona an'i Jesosy Satana, Jesosy tsy

- Niady hevitra tamin'I Satana
- Nanamarina an'i Satana
- niraharaha ny fomba fanaon'i satana

Niteny ny tenin'Andriamanitra Jesosy.

Matio 4:4 Fa lzy kosa namaly ka nanao hoe: Voasoratra hoe: Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra.

Izany no fomba naharesy an'i Satana. Tokony hivoaka amin'ny vavantsika ny tenin'Andriamanitra.

Rehefa mitady hiditra ao amin'ny tenantsika ny aretina, dia afaka miteny isika hoe, “voasoratra hoe, “ny dian-kapoka taminy no nahasitranana ahy.”

Rehefa manafika ny ara-bolantsika ny fahantrana, dia afaka miteny isika hoe, “voasoratra hoe,” Ny Andriamanitra mahatanteraka izay iriko...”

Rehefa mitady hanalavitra ny lalana an'ny zanantsika Satana , afaka miteny isika hoe, “voasoratra hoe, “Ny zanako rehetra dia ho ampianarina momba ny Tompo.”

Teneno ny vahaolana, fa tsy ny olana.

Teneno ny valiny, fa tsy ny ilaina

Teneno ny tenin'Andriamanitra, ary

Satana dia:

ho resy

tanteraka,

manontolo

ambongadiny!

Dia hahazo ny fandresena ianao!

FANONTANIANA VALIANA

1. Fa maninona no zava-dehibe ho anao ny mahafantatra fa Jesosy dia nahafoy ny maha-Andriamanitra Azy ary nivelona tahaka ny olombelona tamin'izy tety ambonin'ny tany?
2. Inona no ohatra azonao omena momba an'i Jesosy nampiasa ny fahefan'ny olona tamin'Izy tety ambonin'ny tany?
3. Amin'ny fanarahana ny ohatr'i Jesosy, ahoana no ahafahanao mandressy an'i Satana sy ny demoniny rehefa maka fanahy anao tsy hankatoa an'Andriamanitra izy?

Lesona Fahadimy

Jesosy Dia Nanao Ny Asa Fanompoany Tamin'ny Fahefana

NY PLANIN'ANDRIAMANITRA HO AN'NY MINO REHETRA

Jesosy Tahaka Ny Olona

Jesosy dia niasa tety an-tany tahaka ny olona. Tsy nataony ho zavatra mihitsy ny zony maha-Andriamanitra noho ny tanjona mazava tsara. Niaritra fakam-panahy tahaka ny olona Izy. Ny mahaOlona Aazy no nandreseny an'i Satana.

Ilay Jesosy Olona no nanana fahefana tety an-tany. Nanana ny fahefana Izy, satria Izy Ilay Zanak'Olona, ilay Adama farany, Fa tsy hoe satria Zanak'Andriamanitra Izy.

Jesosy dia tonga amin'ny maha Adama farany Azy mba hanantanteraka izay rehetra namoronan'Andriamanitra ilay Adama voalohany. Tamin'ny fanatanterahana ny planin'Andriamanitra ho an'Ilay Adama voalohany, Jesosy dia nandeha tamin'ny fahefana sy fanjakana tanteraka tety an-tany.

Zava-dehibe no mahalala ny fahefana izay nandehanan'i Jesosy. Raha izany fahefana izany no ilay fahefana nomen'Andriamanitra ny olona, tamin'ny famoronana, noho izany dia afaka ihany koa isika mandeha amin'izany fahefana izany amin'izao andro izao tahaka ny lehilahy sy vehivavy voavidy.

Lioka 10:19 Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo ianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory.

Ary ihany koa, amin'ny maha olom-baovao ao amin'i Jesosy, dia afaka ve isika ho tonga ilay lehilahy sy vehivavy araka ny namoronana antsika ho ao amin'ny planin'Andriamanitra. Amin'ny famakiana ny filazantsara sy ny fahitana an'i Jesosy mandeha tahaka ny olona tanteraka ihany no hahazoantsika tsara ny fomban'Andriamanitra mba hiainantsika sy handehanantsika amin'ny fahefana sy ny fanjakana tanteraka isanandro eo amin'ny fianantsika.

LIOKA DIA MIRESAKA NY FAHEFAN'I JESOSY

Fampianarana Voalohany

➤ *“Ao Amin'ny Herin'ny Fanahy Masina”*

Rehefa natao batisa tao amin'ny reniranon'ny Jordana Jesosy, ny Fanahy Masina dia nilatsaka taminymba hanome

Azy hery ho an'ny fanompoany ety ambonin'ny tany. Tao aoriana kelin'izay ihany, dia noentina tany an'efitra Izy, izay nandreseny an'i Satana sy ny fakam-panahyamin'ny alalan'ny fitenenana ny tenin'Andriamanitra. Tamin'ny nanehoany ny fahefany tambonin'ny tany amin'ny mahaolona miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina Azy, dia vonona Izy ny amin'ny fanombohany ny fanompoany tety an-tany.

Nanomboka ny fanompoany tao Galilia Izy, voahosotry ny herin'ny Fanahy Masina ary niteny tamim-pahefana.

Lioka 4:14,16,18-21 Ary Jesosy niverina tamin'ny herin'ny Fanahy nankany Galilia; dia niely tamin'ny tany rehetra manodidina ny lazany.

Dia tonga tao Nazareta, izay nahabe Azy Izy; ary araka ny fanaony dia niditra tao amin'ny synagoga tamin'ny andro Sabata Izy ka nitsangana hamaky teny.

Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, Sy fampahiratana amin'ny jamba, Hanafaka izay nampahorina,

Hitory ny taona ankasitrahan'i Jehovah

Ary rehefa nahorony ny boky ka naveriny tamin'ny mpanao raharaha, dia nipetraka Izy. Ary nandinika Azy ny mason'izay rehetra teo amin'ny synagoga.

Ary Jesosy niteny taminy hœ: Androany no efa tanteraka eto anatrehanareo izany soratra izany.

(Namaky ny Isaia 61:1, 2 Jesosy)

Fampianarana Faharoa

Avy eo Jesosy nampianatra tany Nazareta, nampianatra tany Kapernaomy. Nahagaga ny olona ny tamin'ireny toerana ireny ny fahefany.

➤ *Nanana Fahefana*

Lioka 4:31,32 Ary nidina tany Kapernaomy, tanàna any Galilia, Jesosy ka nampianatra ny olona tamin'ny Sabata. Dia talanjona ny olona tamin'ny fampianarany, satria nisy fahefana ny teniny.

➤ *Ny Demonia Navoakany*

And.33-35 Ary nisy olona tao amin'ny synagoga, izay nanana ny fanahin'ny demonia maloto, dia niantso tamin'ny feo mahery izy

ka nanao hoe: Indrisy! moa mifaninona akory izahay sy Hianao, ry Jesosy avy any Nazareta? avy handringana anay va Hianao? Fantatro fa Ilay Masin'Andriamanitra Hianao.

Fa Jesosy niteny mafy azy ka nanao hoe: Mangina ianao, ka mivoaha aminy. Ary ny demonia, nony namotraka azy teo afovoan'ny olona, dia nivoaka taminy, nefa tsy naharatra azy.

Nodidian'i Jesosy ny demonia mba hivoaka, ary satria fantany ny fahefan'i Jesosy, dia nivoaka izy.

➤ *“Fahefana sy Hery”*

And.36 Ary talanjona avokoa izy rehetra ka niresaka hoe: Manao ahoana izao teny izao! fa amin'ny fahefana sy ny hery no andidiany ny fanahy maloto, dia mivoaka ireo.

NY FAHEFAN'I JESOSY TAMIN'NY DEMONIA, NY ARETINA, NY HAZO, NY TAFIOTRA

Marka ihany koa dia manoratra ny amin'ny fanompoan'i Jesosy tany Kapernaomy ary ny fahagagan'ny vahoaka tamin'ny fahefana izay nampiasainy tamin'ny fanompoany. Tohizan'I Marka ary tantarainy ihany koa ny momba ny olona hafa izay azon'ny demonia sy ny marary izay sitrana.

Fahefana Tamin'ny Demonia

Jesosy dia nanana fahefana tamin'ny demonia.

Lioka 4:40-41 Ary raha nilentika ny masoandro, ny olona rehetra izay nanana marary tamin'ny aretina samy hafa dia nitondra azy teo aminy; ary dia nametra-tanana tamin'izy rehetra tsirairay lzy ka nahasitrana azy. Ary nisy demonia nivoaka tamin'ny maro ka niantso hoe: Hianao no Zanak'Andriamanitra. Nefa norarany ireo ka tsy navelany hiteny, satria nahalala Azy ho Kristy.

Fahefana Tamin'ny Aretina

Jesosy dia nanana fahefana tamin'ny aretina.

Marka 1:40-41 Ary nisy boka nanatona Azy ka nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hoe: Raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy.

Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tãnany, dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova ianao.

Fahefana Tamin'ny Vatan'ny Olombelona

Jesosy dia niteny tamin'ilay lehilahy izay maty tanana. “Ahinjira ny tananao!”

Marka 3:1-3 Ary niditra tao amin'ny synagoga indray Jesosy: ary nisy lehilahy anankiray maty* tanana teo. Ary nizaha taratra Azy ny olona, na hahasitrana io amin'ny Sabata lzy na tsia, mba

hiampanganany Azy. Dia hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy maty tanana: Mitsangàna etsy afovoany.

Fantatr'i Jesosy fa ho sitrana ilay lehilahy. Hoy Izy, "Miarena ianao."

And.4-5 Ary hoy koa Izy tamin'ny olona: Inona moa no mety hatao amin'ny Sabata, ny manao soa va, sa ny manao ratsy? ny mamonjy aina va, sa ny mahafaty? Fa tsy nety niteny ny olona. Ary nony nijerijery azy tamin'ny fahatezerana Izy sady nalahelo noho ny hamafin'ny fony, dia hoy Izy tamin-dralehilahy: Ahinjiro ny tananao. Dia nahinjiny, ka sitrana ny tànany.

Tamin'ny fahefana, Jesosy, no niteny tamin'ilay lehilahy ary nahinjiny ny tanany dia sitrana izy.

Fahefana Amin'ny Zava-boahary

➤ Ozona Tamin'Ilay Aviavy

Jesosy dia nanana fahefana tamin'ilay aviavy.

Matio 21:19 Ary nahita hazo aviavy anankiray teo amoron-dalana Izy, dia nankeo aminy, kanjo tsy nahita na inona na inona teo aminy, afa-tsy ravina ihany; dia hoy Izy taminy: Aza misy voa avy aminao intsony mandrakizay. Dia maina vetivety foana ilay hazo aviavy.

Fahefana Tamin'ny Zava-misy

➤ Nampitsahatra Ny Tafiotra

Jesosy dia niresaka tamin'ny rivotra sy ny ranomasina ary nanaiky azy ireo.

Marka 4:35-38 Ary androtrizay ihany, rehefa hariva ny andro, dia hoy Izy taminy: Andeha isika hita ho eny am-pita. Ary rehefa nampodin'ny mpianany ny vahoaka, dia nentiny tamin'io sambokely io tamin'izao ihany Jesosy. Ary nisy sambokely sasany koa niaraka taminy. Ary nisy tafio-drivotra mahery, ary nianjerazeran'ny alondrano ny sambokely ka nila ho feno rano. Ary Jesosy natory teo am-bodin'ny sambokely tambonin'ny ondana; ary namoha Azy izy ireo ka nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, tsy mampaninona Anao va izao hahafatesanay izao?

And.39-40 Ary nifoha Izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangina, mitsahara. Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro. Ary hoy Izy taminy: Nahoana no saro-tahotra ianareo? Tsy mbola manam-pinoana va ianareo?

Izao no navalin' i Jesosy “Nahoana no saro-tahotra ianareo? Afaka mampitsahatra ny tafiotra ianareo. Aiza ny finoanareo?”

And.41 Ary natahotra indrindra izy ireo ka niresaka hoe: Iza moa Ity, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy?

JESOSY, ILAY MODELINTSIKA

Jesosy no modelintsika amin'ny fomba andehanantsika sy ampiasantsika fahefana ao amin'ny fanompoana. Ny asany tety an-tany amin'ny maha “Adama farany” Azy dia ohatra ho antsika, amin'ny mahaolona voavidy sy voavoatra antsika, izay tokony ho ataontsika amin'izao fotoana izao amin'ny asan'i Jesosy eto an-tany. Rehefa manao ny asany isika dia tokony hiaina sy hiasa amin'ny fahasahiana amin'ny fanompoana miaraka amin'io fahefana izay nampiasain'i Jesosy io ihany.

Jaona 14:12 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria izaho mankany amin'ny Ray.

Notenenin'i Jesosy Mafy Ny Tazo

Niteny tamim-pahefana Jesosy rehefa “nandrahona” ny tazo tamin'ny rafozambavin'i Petera.

Lioka 4:38-39 Ary nony nitsangana niala tao amin'ny synagoga Jesosy, dia niditra tao an-tranon'i Simona. Ary azon'ny tazo mafy ny rafozam-bavin'i Simona; ary izy ireo nangataka taminy hahasitrana azy. Dia nitsangana teo akaikiny Izy, ka noteneniny mafy ny tazo, dia niala tamin-dravehivavy izany; ary nitsangana niaraka tamin'izay izy ka nanompo azy ireo.

Fitsanganan'i Lazarosy

Niteny tamin'ny fahatokiana sady “niantso” mafy Jesosy teo amin'ny fasan'i Lazarosy.

Jaona 11:43 Ary rehefa nanao izany teny izany Izy, dia niantso tamin'ny feo mahery hoe: Ry Lazarosy, mivoaha!

Manao Ny Asan'i Jesosy

N'aiza n'aiza nalehan'i Jesosy, dia nanao asa fanompoana tamin'ny fahasahiana Izy noho ny fahafantarany ny fahefany amin'ny maha Zanak'OLona Azy. Rehefa navoakany tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina izany fahefana izany, dia nanasitrana ny marary Izy, nandroaka ny demonia ary nanangana ny maty. Nataony izany ho ohatra ho an'ny mpino tamin'izany fotoana izany sy amin'izao fotoana izao.

Jesosy dia niteny tamin'ny mpianatra mba hanao ny fanompoana amin'izany fahefana izany ihany ary hanatanteraka ny asa izay notanterahany.

Matio 10:8 Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana.

Afaka nanao izany asan'i Jesosy izany ny mpianatra satria ny fahefana izay niainany sy nampiasainy ihany no nomeny azy.

Lioka 10:19 Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo ianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory.

Fahefana Feno Fahasahiana

Ny asa fanompoan'i Jesosy dia manome antsika ohatra ny fahasahiana sy hery, fa tsy tahotra na henatra.

2 Timoty 1:7 Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena.

Tamin'ny fahatokiana no nitorian'i Jesosy ny filazantsara, ny nandroahany ny demonia sy ny naninjirany ny tanany tamin'ny marary ary ny nahitany azy sitrana raha nanao ny asa fanompoany tamin'ny fahefana Izy. Jesosy, Ilay modelintsika , dia namela antsika tamin'ireto teny ireto rehefa handeha.

Marka 16:15 -18 Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra

Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina

Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy;

handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny

Rehefa manaraka ny ohatr'i Jesosy isika, ilay Adama farany, dia ho hitantsika fa ho mpankatoa an'i Jesosy isika, amin'ny maha mpamorona Azy, mankamin'Ilay Adama voalohany. Hahita ny tenantsika lasa mpanapaka sy mpanjaka amin'ity tany ity isika ary amin'ny zavatra rehetra anisan'izany ny aretina, ny fanandevozana, fahantrana sy fahafatesana. Dia lasa afaka manatanteraka ny anton'ny namoronana antsika indray isika.

Mihorohoro Satana

Raha nanao ny asa fanompoany teto an-tany Jesosy, dia mety tena nihorohoro mihitsy Satana raha nijery azy. Indro, Jesosy miasa amin'ny mahaolona Azy, naka ny fanjakana, niteny ary nanao ny asa fanompoany tamin'ny fahefana ary nandrava ny asan'I Satana amin'ny fanaovana izany.

1 Jaona 3:8 Izay manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly.

Amin'izao fotoana izao, raha manaraka ny ohatr'i Jesosy isika, dia hiaina sy hiasa amin'ny fahefana izay nomen'Andriamanitra ihany koa isika. Isika ihany koa dia “handrava ny asan'ny devoly.”

FANONTANIANA VALIANA

1. Araka ny Jaona 5:25-27, Niasa tamin'ny maha Zanak'Andriamanitra Azy ve Jesosy sa tamin'ny maha Zanak'Olon azy?
2. Manomeza ohatra momban'i Jesosy mandeha amin'ny fahefana manoloana ny zava-misy, ny aretina, ary ny fanahin'ny demonia.
3. Ahoana no fihetsiky ny olona manoloana an'i Jesosy raha niasa tamim-pahefana Izy tety an-tany?
4. Ahoana no mety ho fihetsiky ny olona aankehitriny raha mahita anao mandeha amin'ny fahefana eto amin'ity tany ity?

Lesona Fahaenina

Avy Amin'ny Hazo Fijaliana mankamin'ny Fiandrianana

MIATRIKA ADY ISIKA

Rava ny fanjakan'i Satana, ary fantatr'i Satana fa tokony hovanoina Jesosy. Nahomby ny famitahana tamin'ny anjely. Nahomby tamin'ny Adama sy Eva. Fa tsy nahomby tamin'i Jesosy!

Tamin'izany, dia nampiasa ny famitahana indray Satana. Namitaka ny mpitondra fivavahana izy tamin'ny fitadiavana ny hafatesan'i Jesosy. Nampiasainy ny vatan'i Jodasy mba hanatanterahana ny famadihana tahaka ny nampiasainy ny vatan'ilay menarana hamitahana an'I Adama sy Eva.

Halan'i Jesosy loatra Jesosy ka tsy ny fahafatesany ihany no notadiaviny, fa tiany ho nahodikodina ihany koa. Ny fanapahan'i Satana rehetra, ny heriny, ny fanjakany amin'ny maizina, sy ny fanahy ratsy rehetra dia niravoravo. Tena mety ho niomana mihitsy izy ho an'ny fotoana lehibe indrindra amin'ny fandreseny sy ny fankalazana izany rehefa tonga ny fandravana azy.

Voafitaka (nisy namadika) Jesosy, (dia) voavono, voahombo.

Ilay Mpamitaka Ngezalaha, Voafitaka

Satana, ilay mpamitaka ngezalaha, dia voafitaka. Tao amin'ny fankahalany jamba, dia tsy fantany hoe nahatonga ny fahafatesan'ny Olona izay, tamin'ny alalan'izany fahafatesana izany sy ny fitsanganana taorinan'izany, dia nandresy azy tanteraka ary nividy ny olombelona rehetra tamin'ny sazy avy amin'ny fahotana.

Novidin'i Jesosy tamin'ny alalan'ny fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana ny sandan'i fahotana.

Nitondra ny fahotantsika rehetra Izy, ny aretina sy ny rofy rehetra teo amin'ny toerany fanasaziana. Rehefa noesorina tamin'i Jesosy ny fahotan'izao tontolo izao rehetra, dia nilatsaka taminy ny herin'Andriamanitra. Nihorohoro ny tany rehetra nandritra io fotoanan'ny ady lehibe teo amin'ny tontolon'ny fanahy io. nodépuilla Jesosy Satana sy ny demonia. Hatramin'i Adama, Satana dia nihazona ny olona tambanin'ny fahefany. Nalain'i Jesosy tamin'i Satana ny fanalahidin'ny fahefana .

INONA NO NITRANGA TETO AN-TANY?

Nisy ady nanditra ny telo andro. Hoy Jesosy hoe tahaka ny nitoeran'i Jona hateloan'andro sy hateloan'alina tao an-kibon'ny hazan-drano lehibe, no hitoeran'i Zanak'olona hateloan'andro sy hateloan'alina ao antin'ny tany.

Matio 12:40 fa tahaka ny nitoeran'i Jona hateloan'andro sy hateloan'alina tao an-kibon'ny hazandrano lehibe, dia toy izany no hitoeran'ny Zanak'olona hateloan'Andro sy hateloan'alina ao anatin'ny tany.

- *Ny Efitra Lamba Nitriatra Nizara Roa*
- *Nihorohoro Ny Tany*
- *Nitresaka Ny Vatolampy*
- *Nisokatra Ny Fasana*

Tsy tafasaraka amin'Andriamanitra intsony ny olona. Ny efitra lamba tao amin'ny tempoly, tao amin'ny efitra masina indrindra, dia nitriatra nizara roa. Nihorohoro mafy dia mafy ny tany rehefa noravan'i Jesosy ny hery mihazona ny fahafatesana tao an-kibon'ny tany.

Matio 27:50-53 Ary rehefa niantso tamin'ny feo mahery indray Jesosy, dia nanolotra ny fanahiny.

Ary, indro, ny efitra lamba tao amin'ny tempoly dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany; dia nihorohoro ny tany, ka nitresaka ny vatolampy; ary nisokatra ny fasana, ka maro ny fatin'ny olona masina izay efa nodi-mandry no natsangana, ka nivoaka avy tao amin'ny fasana ireo taorian'ny nitsanganan'i Jesosy, dia nankao amin'ny Tanàna Masina ka niseho tamin'ny maro.

INONA NO NITRANGA TAO AMIN'NY TONTOLON'NY FANAHY?

Ny ady dia tamin'i Jesosy, ilay avotra ho antsika, sy Satana sy ny miaramilany dia ny demonia.

Rehefa voahombo teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy, dia toa nanganin'i Satana ny demoniny rehetra mba ho vavolombelon'izany fotoana manan-danja izany. Tena zava-dehibe loatra ka tsy tokony hisy tsy hahita an'ilay izy! Rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy, Satana sy ny demoniny dia niomana tamin'ny une allégresse diabolique noho ny fiheverany fa fotoam-pandresena lehibe ho azy izany .

Tsy ampy ho an'i Satana ny nahita ny tenan'i Jesosy tsisy aina voahombo teo amin'ny hazo fijaliana. Tao amin'ny fankahalana nahajamba azy, dia nihikiaka mafy Satana hoe, "Tokony hariana any amin'ny halalin'ny fiainan-tsy hita Izy !" Tao anatin'ny adalan'ny tsy fahalalany Satana sy ny demoniny dia nanomboka grisante, fa fankalazana fohy

satria nihidy tsy nandray an'I Jesosy ny “varavaran'ny fiainan-tsy hita”.

Raha nivesatra ny fahotana mahatsiravina an'izao tontolo izao Jesosy, dia nizaka ny fampijalian'ny fiainan-tsy hita rehetra tamin'ny tsy fananan-kery ary nidina tany amin'ny lalina indrindra. Tao Izy, no nijanona ary nanafaka ny namela ny fahotanarehatra izay vita na mbola ho atao. Dia naleviny ny fahotana mba tsy ho tadidy intsony izany.

Salamo 103:12 Tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana No halavitry ny anesorany ny fahotantsika amintsika.

Nambaran'I Davida

➤ *Nitondra Ny Sazin'ny Fahotana*

➤ *Nitondra Ny Fitsarana Vokatry ny Fahotana*

Nazavain'i Davida izay nitranga tamin'i Jesosy tao aorinan'ny fahafatesany. Eo am-pivesarana ny fahotantsika, dia toy ny ohatr'ny tsy nanam-panantenana Izy rehefa nihevitra ny fanimbana Azy hatramin'ny farany Satana. Nidina tany amin'ny lalina indrindra amin'ny fiainan-tsy hita Izy. Tao, ireo izay maty tsy nino dia nohazonina ho amin'ny fampijaliana sy ny fitsarana.

Nankany amin'ny fiainan-tsy hita Jesosy, nitondra ny sazy sy ny fitsarana ny otantsika.

Salamo 88:3-7 Fa diboka ny fahoriana ny fanahiko; Ary ny aiko manakaiky ny fiainan-tsi-hita.

Natao ho isan'izay midina any an-davaka aho Ary efa tahaka izay tsy manan-kery; Efa nafoy ho any amin'ny maty aho*, Tahaka izay voavono, mandry ao am-pasana, Izay tsy tsarovanao intsony, Fa voafongotry ny tananao. Efa nametraka ahy any an-davaka ambany indrindra Hianao, Ao amin'ny maizina, dia ao amin'ny lalina.

Ny fahatezeranao manindry ahy mafy, Ary ny alon-dranonao rehetra azeranao amiko.

Davida dia naminany mikasika ny fitsanganan'i Jesosy.

Salamo 16:10 Fa tsy ho foinao ho any amin'ny fiainan-tsi-hita ny aiko; tsy hamela ny Iray Masinao ho latsaka ao amin'ny lavaka Hianao

Nambaran'Isaia Mpaminany

Isaia mpaminany dia nanambara ny fitsanganan'i Jesosy.

Isaia 53:8-12 Ny fampahoriana sy ny fitsarana no nentinanaisotra Azy; ary iza tamin'ny niara-belona taminy no nihevitrafa nofongorana niala tamin'ny tanin'ny velona Izy, ka ny fahadisoan'ny oloko no nikapohana Azy? Ary nokasaina hatao tao amin'ny olo-meloka ny fasany (Nefa teo amin'ny

mpanankarena Izy, rehefa novonoina), na dia tsy nanao ratsy aza Izy, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany.

Nefa sitrak'i Jehovah ny hanorotoro sy hampangirifiry Azy; Rehefa manolotra fanati-panonerana Izy, dia hahita taranaka sady ho maro andro, ary ny sitrapon'i Jehovah dia hambinina eo an-tànany.

Noho ny fisasaran'ny fanahiny dia hahita izany Izy ka ho afa-po; Ny fahalalana Azy no hanamarinan'ny Mpanompoko marina ny olona maro, ary Izy no hivesatra ny helok'ireo.

Zanak'Ondrin'Andriamanitra

- *Nitondra Ny Fahotan'ny Maro*
- *Nifona Ho An'ny Meloka*

Koa dia hanome Azy anjara amin'ny lehibe Aho, ary hizara babo amin'ny mahery Izy; Satria naidiny ho amin'ny fahafatesana ny ainy, Ary natao ho isan'ny mpanota Izy; Eny, Izy no nitondra ny fahotan'ny maro sady manao fifonana ho an'ny mpanota.

Teo amin'ny hazofijaliana, no nanatanterahan'i Jesosy ny asan'ny fanatitra ny amin'ny zanak'ondry ao amin'ny Testamenta Taloha.

Jaona 1:29 Nony ampitso dia nahita an'i Jesosy avy manatona azy Jaona, ka dia hoy izy: Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra* ny fahotan'izao tontolo izao!

Osilahy

Rehefa noentin'i Jesosy tany amin'ny halalin'ny tany ny fahotantsika, dia notanterahany ny asa ataon'ny osilahy izay nitondra ny fahotana lavitra ny olona.

Levitikosy 16:10,21,22 Fa ny osilahy izay niharan'ny filokana ho an'i Azazela kosa dia hapetraka velona eo anatrehan'i Jehovah hanaovana fanavotana ho azy, mba handefasana azy hankany an-efitra ho an'i Azazela.

Dia hapetrak'i Arona amin'ny lohan'ny osilahy velona ny tånany roa, ka hekeny eo amboniny ny heloky ny Zanak'Isiraely rehetra sy ny fahadisoany rehetra, dia ny fahotany rehetra; dia hametraka izany eo amin'ny lohan'ny osilahy izy ka hampandeha azy ho entin'ny lehilahy voatendry hankany an-efitra. Ary ho entin'ny osilahy ho any an-efitra ny helok'izy rehetra; dia halefany any ny osilahy.

TSY AFAKA NOHAZONINA JESOSY

Rehefa nitondra ny fahotantsika tany amin'ny halalin'ny tany Jesosy, dia nilatsaka taminy ny herin'Andriamanitra.

Asan'ny Apostoly 2:27 Fa tsy ho foinao ho any amin'ny fiainan-tsi-hita ny aiko; Ary tsy hamela ny Iray Masinao ho tratry ny lò Hianao

Tsy afaka nandresy an'i Jesosy ny vavahadin'ny fi'ainan-tsy hita. Raha namakivaky ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita," Izy dia naka tamin'ny Satana ny fanalahidin'ny fahafatesana, ny fiainan-tsy hita ary ny fasana.

Resy Ny Devoly sy ny Anjeliny

Ny tantaran'ny ady taloha sy ny faharesen'ny fahavalo dia manome antsika fahalalana tsara ny dikan'ity andinin-tsoratra masina manaraka ity.

Kolosiana 2:15 ary nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany* ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy.

Ny hery sy ny fahefana, araka izay efa nianarantsika, dia manambara ny fandaminan'i Satana sy ny anjeliny.

Tany aloha be, rehefa naharesy ny fahavalo ny miaramila, dia nalainy daholo ny fitaovam-piadiana rehetra, naka ny akanjony, nofatorany niaraka, ary nanala ny voninahiny, nanandevo, ka nampandeha tongotra azy nankany amin'ny firenen'ny mpandresy.

Jesosy manokana dia "naka ny fiadiana rehetra" tamin'i Satana sy ny demonia tsirairay. Nalainy ny fiadiany. Nalany ny akanjony. Nasehony ho hita ampahibe maso.

Ceux qui quelques jours auparavant célébraient quand Jésus fut déshabillé, nu et humilié sur la croix, sont maintenant humiliés de la même façon.

Satana nandresy an'I Adama sy Eva

- Navelany hitanjaka izy,
- Nanala ny akanjom-pahefany

Nihevitra Satana hoe nandresy an'i Jesosy izy

- Ary nanala ny akanjony, nitanjaka
- Voahombo teo amin'ny hazo fijaliana.

Cependant, Jesosy no nandresy an'i Satana sy ny anjeliny

- Nampitanjaka azy,
- Nanala ny akanjom-pahefany mandrakizay!

Ny Fitsanganana

Tamin'ny nandoavany ny sazin'ny fahotana tamin'ny nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana sy nanalany ny fahotantsika tany amin'ny halalin'ny tany, no nakan'i Jesosy ny fanalahidin'ny fahafatesana, ny fiainan-tsy hita ary ny fasana teo an-tanan'i Satana.

Tamin'ny nandresen'i Jesosy an'i Satana sy ny nandravany ny herin'ny fahafatesana, dia tsy afaka nihazona ny tenan'i Jesosy intsony ny fasana. Tamin'ny fipoahan'ny fandresena lehibe, dia nitsangana tamin'ny maty Jesosy. Resy Satana sy ny demonia rehetra!

Efesiana 1:19-21 ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany, izay nataony tao amin'i Kristy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty sy ny nampitøerany Azy eo amin'ny tânany ankavanana any an-danitra, ambony lavitra noho ny fanapahana rehetra sy ny fahefana sy ny hery sy ny fanjakana ary ny anarana rehetra izay tononina, tsy amin'izao fiainana izao ihany, fa amin'ny ho avy koa,

NAKARINA JESOSY

Tamin'ny Fandresena

Tamim-pandresena no niakaran'i Jesosy tany an-danitra indray ary nitondra "babo maro nanaraka Azy."

Efesiana 4:8-10 Koa izany no ilazany hoe: Raha niakatra ho any amin'ny avo Izy, dia nitondra olona maro ho babo Ka nanome fanomezana ho an'ny olona

Ary ny amin'ny hoe niakatra, inona moa izany, afa-tsy ny efa nidina ho any ambanin'ny tany koa?

Izay nidina, dia Izy koa no llay niakatra any ambonin'ny lanitra rehetra, hamenoany ny zavatra rehetra.

Rehefa noentin'i Jesosy ireo "babo amin'ny fahababoana," di manana sary isika momba an'i Jesosy izay mpifehy lehibe mandresy, ary mitondra ny fahavalo resy en parade— tsisy fiadiana, nitanjaka, mifatotra, afa-baraka tanteraka eo imason'ny anjelin'ny lanitra rehetra. Satana sy ny devoly tsirairay dia resy tanteraka ary anatin'ny tsy famendrehana tanteraka dia aseho manoloana rehetra.

Rehefa nalain'i Jesosy tamin'i Satana ny fanalahidin'ny fahefana, dia nalainy indray ny fanalahidin'ny fahefana izay nomen'i Adama an'i Satana tamin'ny tsy fankatoavany. Rehefa nalain'i Jesosy teny an-tanan'i Satana indray ilay fanalahidin'ny fahefana, dia nanala ny fiadian'i Satana Izy,

dia ilay fahefana amin'ny olombelona ety an-tany. Resin'i Jesosy tanteraka Satana sy ny anjelin'ny tsirairay.

Nandray Tamim-Pifaliana

Tsy misy teny ahafahana manazava ny fifalian'ny miaramilan'ny tamin'ny fiverenan'ny Zanak'Andriamanitra teo amin'ny toerany any an-danitra.

Ahoana no ahafahan'ny olona manazava izany fiverenana amim-pandresena izany?

Davida dia nahazo aingam-panahy mba hanome antsika fanazavana izany fotoana izany.

Salamo 24:7-10 Asandrato ny lohanareo, ry vavahady, ary misandrata ianareo, ry varavarana fahagola, mba hidiran'ny mpanjakan'ny voninahitra.

Iza izao Mpanjakan'ny voninahitra izao? Jehovah mahery tsitoha, Jehovah mpiady mahery.

Asandrato ny lohanareo, ry vavahady; ary manandrata ny lohanareo, ry varavarana fahagola, mba hidiran'ny Mpanjakan'ny voninahitra.

Iza ary izao Mpanjakan'ny voninahitra izao? Jehovah, Tompon'ny maro, Izy no Mpanjakan'ny voninahitra.

Nanambara ny Fandresena!

Ny apostoly Jaona dia manome antsika ny tenin'i Jesosy, rehefa nanambara ny fandreseny Izy!

Apokalypsy 1:18 dia ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita.

NANANA NY FANALAHIDY JESOSY!

Niditra tao an-danitra Jesosy sady niantso mafy hoe, “Ray ô! Aty amiko ny fanalahidy! Resy Satana ary azoko ny fanalahidy!”

Notazonin'i Jesosy teny an-tanany ny fanalahidin'ny fahefana izay nalainy indray teny an-tanan'i Satana izay nangalatra izany tao amin'ny saha rehefa namitaka an'i Adama sy Eva.

Ny Maha Zava-Dehibe Ny Fanalahidy

Nalain'i Jesosy tamin'i Satana indray ny fanalahidy, fa tsy notazominy. Nomeny ny olona indray izany.

Tao amin'ny fanambarana voalohany ny fiangonana, Jesosy dia niteny tamin'ny mpianatra fa hanome azy ny “fanalahidin'ny fanjakan'ny Lanitra”

Matio 16:19 Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.

Ao amin'ny Isaia dia misy taratr'izany fanalahidy izany koa. **Isaia 22:22 Ary hapetrako eo an-tsorony ny fanala hidin'ny tranon'i Davida; Dia hamoha izy, ka tsy hisy handrindrina; Ary handrindrina izy, ka tsy hisy hamoha.**

Tamin'ny fotoan-dasa ; ny fanalahidy dia tena lehibe, mavesatra ary manana endrika. Ny olona mpanan-karena no matetika mitondra ireny eo amin'ny sorony satria mavesatra, fa indrindra noho ny fahatsarany. Matetika dia mateika dia andevo roa na telo no manaraka ilay mpana-karena sady mitondra ilay fanalahidy eo amin'ny sorony. Izany dia fanehoana fananan-karena tamin'izany.

Rehefa maminany ny amin'ny fahatongavan'ny Mesia Isaia , dia mampitaha izany amin'ny dikan'ny fanalahidy izay lanjaina eo an-tsoroka izy.

Isaia 9:5a Fa Zaza no teraka ho antsika, Zalahy no omena antsika; Ary ny fanapahana dia eo an-tsorony

Ny fanalahidy, ny fanjakana sy ny fahefana dia teo antanan'i Jesosy! Nalain'i Jesosy izany fanalahidy izany ary natolony ny fiangonany.

***Ny fahefana teto an-tany
dia nomena
ny olona indray!***

FANONTANIANA VALIANA

1. Tao aorinan'ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana, dia taiza no nitondran'i Jesosy ny fahotantsika sy ny fahadisoantsika?
2. Inona no tian'ny Soratra Masina hambara rehefa nilaza fa “nesorin'i ”Jesosy ny Mpanapaka sy ny hery ary nalain'i baraka?
3. Inona no soloin'ny “ fanalahidy ” toerana voalazan'i Jesosy ao amin'ny Apokalipsy 1:18 ?

Lesona Fahafito

Nomena Ny Olona Indray Ny Fahefana

VITA NY ASAN'I JESOSY!

Efa vita (teo aloha), ary vita(ankehitriny) ny asan'i Jesosy!

Rehefa nahary an'i Adama sy Eva Andriamanitra, dia nomeny fahefana hanjaka eto an-tany izy. Tamin'ny alalan'ny fahotana, dia veriny io fahefana no lasan'i Satana io. Avy eo Jesosy, Ilay Olona tanteraka, Ilay Adama farany, dia nandeha tety amin'ity tany ity tamin'ny fomba rehetra namoronan'Andriamanitra ny olombelona. Nitondra ny fahotan'ny olombelona rehetra teo Aminy Jesosy ary maty teo amin'ny hazofijaliana nitondra ny sazin'ny fahotana rehetra.

Niaritra ny fahafatesana ho an'ny olona rehetra Izy. Noentiny tany amin'ny halalin'ny tany izany fahotana izany ary avy eo nilatsaka taminy ny herin'Andriamanitra. Nandresy an'I Satana sy ny anjelin'ny rehetra Izy teo amin'ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita. Nalain'i Jesosy indray ny fanalahidin'ny fahefana.

Nalain'i Jesosy izay rehetra nangalarina tamin'ny olona. Izay rehetra antony namoronan'Andriamanitra an'i Adama sy Eva sy izay hananany dia nalainy ary nomen'i Jesosy ny olombelona indray.

Rehefa niresaka ny fiangonana izay ho atsangany Jesosy, dia hoy Izy,

Matio 16:18 ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hit* tsy haharesy azy. Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any andanitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any andanitra.

Jésus Dans Le Ciel

Ilay nanoratra ny boky tamin'ny Hebreo dia manome antsika ny toeran'i Jesosy ankehitriny

Hebreo 10:12-13 fa Izy kosa, rehefa nanao fanatitra iray monja ho mandrakizay noho ny ota, dia efa mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra ka hatramin'izao dia miandry Izy mandra-panaony ny fahavalony ho fitoeran-tongony.

Jesosy dia mipetraka eo ankavanan'ny Ray.

Davida ihany koa dia niresaka ny amin'ny toeran'I Jesosy ankehitriny.

Salamo 110:1 Iza no lazain'i Jehovah amin'ny Tompoko: Mipetraha eo an-tanako ankavanana Ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.

Davidia dia naminany fa Jesosy dia hipetraka eo ankavanan'ny Ray.

Miandry Jesosy

Davidia sy ilay nanoratra ny boky tamin'ny Hebreo dia milaza fa Jesosy dia tsy mipetraka fotsiny eo ankavanan'ny Ray. Miandry Jesosy mba ho fitoeran-tongony ny fahavalony.

Iza no hanao amin'ny fahavalony ho fitoeran-tongony?

Miandry Jesosy mba hahalalan'ireo izay novidin'ny Tompo indray ny famerenana ny fahefany ary mba hampiseho amin'i Satana fa fahavalo resy izy. Feno ny asan'i Jesosy! Miandry Izy mba ho fitoeran-tongony ny fahavalony. Anjara asan'ny mpino ny mametraka an'i Satana eo amin'ny toerany. Ny mpino dia tokony hametraka an'i Satana sy ny demonia ambanin'ny tongotr'i Jesosy.

Nataon'i Jesosy izay rehetra tokony ho ataony. Ankehitriny dia isika no tompon'andraikitra. Isika no vatany ety ambonin'ny tany. Isika no tanany, ny ranjony, ny tongony. Isika no ireo tokony hanjaka ankehitriny.

NY VAVAK'I PAOLY

Ny Apostoly Paoly dia nanao vavaka manan-danja, vavaka mahery ho an'ny olona masina. Ny fivavahany dia couvrait ny toeran'i Jesosy eo ankavanan'ny Ray, ny toerantsika, ny herintsika sy ny andraikitsika.

Efesiana 1:18-23 ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany, izay nataony tao amin'i Kristy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty sy ny nampitœrany Azy eo amin'ny tânany ankavanana any an-danitra, ambony lavitra noho ny fanapahana rehetra sy ny fahefana sy ny hery sy ny fanjakana ary ny anarana rehetra izay tononina, tsy amin'izao fiainana izao ihany, fa amin'ny ho avy koa,

Dia nampanaiky ny zavatra rehetra ho eo ambanin'ny tongony Izy ka nanao Azy ho Lohany manapaka ny zavatra rehetra ho an'ny fiangonana

izay tenany, dia ny fahafenoan'izay mameno izao zavatra rehetra izao amin'ny rehetra.

Ny Toeran'i Jesosy

Araka ny Apostoly Paoly,

- Jesosy dia nitsangana tamin'ny maty
- Mipetraka eo ankavanana any an-danitra
- Ambonin'ny fanjakana , fahefana, hery, famendrehena rehetra
- Ambonin'ny anarana rehetra izay nomena
- Ambanin'ny tongony ny zavatra rehetra
- Natao Tompo

Jesosy dia ambonin'ny fahefan'ny demonia rehetra. Jesosy dia tena ambonin'ny anarana rehetra izay nomena, na mety mbola homena. Ny zavatra rehetra dia ambanin'ny tongotr'i Jesosy.

Ohatra Amin'ny Hery

Misy ohatra roa ny amin'ny hery. Iray ao amin'ny Testamenta Taloha ary ny iray ao amin'ny Testamenta Vaovao.

Ao amin'ny Testamenta Taloha ny ohatra ny hery dia ny fampisarahana ny ranomasina mena

Ao amin'ny Testamenta Vaovao ny ohatra ny hery dia ny herin'ny fitsanganan'i Jesosy ary mbola izay hatramin'izao.

Paoly nanoratra hoe,

araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany, izay nataony tao amin'i Kristy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty (Efesiana 1:19b, 20a)

Ny Toeran'ny Mpino

Ny apostoly Paoly dia nivavaka mba hohazavaina ny sain'ny mino; mba hahafantarany:

- Ny fanantenana mifamatotra amin'ny antsony
- Ny haren'ny amin'ny voninahitry ny lovany
- Ny halehiben'ny heriny tsy manam-pahataperana
- Fa Isika no tenany
- Fa isika no fahafenoiny

Isika dia tokony hanana ny fahalalana ny haren'ny amin'ny voninahitry ny lovany sy ilay hery lehibe tsy azo hampitahaina ho antsika izay mino. Izay hery lehibe nanangana an'I Jesosy tamin'ny maty izay ihany no tokony ho entintsika miasa!

Paoly nivavaka ho an'ny “fiangonana, izay tenany, ho an'ny fahafenoiny ilay mameno ny zavatra rehetra amin'ny rehetra.”

Raha isika, fiangonany, nameno banga na foana teo anatrehan'ny Zanak'Andriamanitra, oviana izay foana izay no niseho? Angamba io “foana” io dia avy amin'ny andron'i Losifera, ilay “kerobima voahosotra sy mpiaro” izay nazera avy any an-danitra niaraka tamin'ny anjeliny izay nanaraka azy tamin'ny fikomiany.

Ezekiela 28:14 Hianao dia kerobima voahosotra izay manaloka, fa voatendriko ianao; Tao an-tendrombohitra masin'Andriamanitra ianao; Tao amin'ny vato mirehitra no nitsangantsangananao.

Fitariahan'ny Anjely

Satria misy telo izay iray ao amin'Andriamanitra, dia nisy telo izay iray tahaka an'izay koa tao amin'ny mpitarika ny anjely. Nisy an'i Mikaela, Losifera ary Gabriela.

➤ *Ny Ampahatelonny*

Rehefa nikomy losifera, dia voalaza fa “ny anjeliny” dia nariana niaraka taminy.

Apokalypsy 12:7-9 Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady, nefa tsy naharesy, sady tsy nisy fitserana ho azy intsony tany an-danitra.

Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy.

Ny anjely izay voafaritra ho anjelin'i Satana ary izay nazera tety ambonin'ny tany niaraka taminy, dia ny ampahatelon'ny anjely tany an-danitra.

Apokalypsy 12:4 Ary ny rambony dia manala ny ampahatelon'ny kintana amin'ny lanitra ka manjera ireny ho amin'ny tany; ary ny dragona nijanona teo anatrehan'ilay vehivavy efa hiteraka mba handrapaka ny zanany, raha vao teraka;

➤ *Mikaela*

Mikaela ihany no iray izay taratry ny “arkanjely”.

Joda 1:9a Fa Mikaela arikanjely aza...

I Mikaela sy ny “anjeliny”, dia ireo anjely mpiady no niady tamin'ny Satana “ilay dragona sy ny anjeliny”.

Apokalypsy 12:7 Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady

Angamba amin'ny maha “arikanjely”, i Mikaela sy ny ampahatelon'ny anjely teo ambanin'ny fahefany, dia mpanompon'ny Ray.

➤ *Gabriela*

Angamba Gabriela, Izay miseho foana amin'ny maha anjely mpitondra teny azy, sy ny ampahatelon'ny anjely teo ambanin'ny fahefany, dia mpanompon'ny Fanahy Masina.

Niseho tamin'i Zakaria izy, mba hitondra teny ho azy fa Elizabeta vadiny dia hanan'anaka izay “hofenoina ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny”.

Lioka 1:19 Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Izaho no Gabriela, izay mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra; ary nirahina hiteny aminao aho ka hilaza aminao izany teny mahafaly izany.

Gabriela ihany koa dia niseho tamin'ilay virijina antsoina hoe Maria.

Lioka 1:30,31,35 Ary hoy ilay anjely taminy: Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita fitia tamin'Andriamanitra ianao.

Ary, indro, hitœ-jaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Jesosy.

Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao; koa ny Masina izay hateraka dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra.

Gabriela dia nanambara ny asan'ny Fanahy Masina.

Losifera

Angamba mety hoe, Losifera sy ny anjeliny no nanompo ny Zanak'Andriamanitra?

Ny asa fanompoan'i Losifera dia kerobima mpiaro, et il était représenté par les deux chérubins qui étaient de chaque côté du Propitiatoire. Teo anilan'ny fiandrianan'Andriamanitra izy. Araka ny hitantsika, ny asany dia ny fiderana sy ny fiankohofana.

Rehefa, tao anatin'ny fikomiany tampoka, Losifera sy ny anjeliny dia nazera avy any an-danitra, ahoana no hamenoana io banga io?

Nangataka tamin'i Mikaela sy Gabriela ve ny Ray mba hanendry sasantsany amin'ny anjeliny mba hameno ny banga amin'ny fanompoana ny Zanany? Tsy misy filazana izany amintsika mihitsy.

Angamba ve nanana planina tsara kokoa Andriamanitra rehefa namorona ny olona araka ny endriny, mba ho ireo hidera Azy, mba ho ireo “mipetraka eo akaikiny ao an-danitra”, mba ho eo anilany ary hanjaka miaraka Aminy mandrakizay?

Nofenoina Ny Banga

Ny olombelona voaforona araky ny endrik' Andriamanitra , dia tsy afaka ny ho feno sy ho tanteraka raha tsy hasian'ny Mpahary fofon'aina indray ao aminy amin'ny fotoanan'ny famonjena. Fenoiny amin'ny fiainany ny banga eo amin'ny fiainana. Ankehitriny ny tenany dia tokony hameno ilay banga eo Aminy amin'ny fanoloran-tena Aminy ao amin'ny alalan'ny fanompoam-piderana sy fiankohofana.

Tanya m-piandohana, tsy nisy asa fanompoana afa-tsy iray ihany, ny asa fanompoam-piderana sy fiankohofana. Rehefa nijanona izany, dia lasa nisy asa fanompoana maro tena nilaina– Ny asa fanompoana fanasitranana, ny fanafahana, ny fampihavanana, ny famerenana amin'ny laoniny sy ny hafa.

Satria efa tafaverina eo amin'ny fiangonana ny asa fanompoana amin'ny fiderana sy fiankohofana, dia midika ve izany fa ankehitriny ny hafa tsy ilaina intsony ao amin'ny tenan'i Kristy?

Rehefa mandany fotoana midera sy mitsaoka an'Andriamanitra kokoa isika, dia ho hitantsika fa ny filàna ho an'ny fanasitranana na fanafahana na asa fanompoana hafa dia hihena eo amin'ny fiainantsika.

Manan-danja amin'Andriamanitra isika! Tokony hanao izay hahafa-po an'Andriamanitra isika. Tokony hanompo azy isika ao amin'ny fiderana sy fiankohofana. Amin'ny fanaovana izany, isika, izay tenany, dia lasa “fahafenoan' Ilay mameno ny zavatra rehetra amin'ny rehetra.”

Efesiana 1:22,23 dia nampanaiky ny zavatra rehetra ho eo ambanin'ny tongony lzy ka nanao Azy ho Lohany manapaka ny zavatra rehetra ho an'ny fiangonana izay tenany, dia ny fahafenoan'izay mameno izao zavatra rehetra izao amin'ny rehetra.

Rehefa midera sy mitsaoka an'Andriamanitra isika, dia tsy manao ny asan'i Losifera sy ny anjeliny fotsiny ihany isika, fa asehontsika ny fahareseny sy ny tsy fananany toerana intsony any an-danitra. Alaintsika baraka izy ary ataontsika ambanin'ny tongotsika. Rehefa mandihy eo anatrehan'ny Tompo isika, dia manitsaka an'i Satana ao amin'ny faharesena amin'ny alalan'ny fihetsiky ny tongotsika manokana.

Raha hianatra lalin-dalina kokoa ny amin'ny fiderana sy fiankohofana, dia vakio ilay boky hoe Fiderana sy Fiankohofana notontosain'i A.L.and Joyce Gill.

INONA NO DIKAN'IZANY AMINTSIKA

Tamin'ny alalan'ny asan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana sy tamin'ny alalan'ny tranga-javatra nifanesy, dia resy Satana! Resy avokoa ny devoly rehetra! Resin'i Jesosy avokoa izy rehetra ary nataony ho tsisy dikany! Nataony tena "aotra" ngeza be izy ireo..

- Fa maninona isika no mamela an'i Satana mitondra faharesena amintsika ankehitriny?
- Fa maninona izy no avelantsika maka ny tranontsika,ny tananantsika, ny firenentsika?
- Fa maninona no avelantsika mitondra aretina amintsika izy?
- Fa maninona isika no manaiky ny fahantrana?

Ny valiny dia tokony hianatra sy hahafantatra isika izay nomena antsika ao amin'i Jesosy Kristy. Tokony ho fantatsika fa ny fahefantsika dia efa naverina indray.

Afaka Isika

Rehefa nanoratra tamin'ny Kolosiana ny Apostoly Paoly, dia milaza izy fa isika dia:

- Nafahana
- nafindra
- novidiana
- Navela heloka

Kolosiana 1:13,14 sady nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany,Izay ananantsika fanavotana, dia ny famelana ny helotsika.

Eto ny fanjakana

Inona no fanjakan'ny Zanaka?

Rehefa nampianatra ny mpianatra hivavaka Jesosy, dia ireto ny teny nataony vavaka:

Matio 6:10 Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.

Ny fanjakan'Andriamanitra tsy zavatra ho amin'ny ho avy. Efa eto ilay izy izao. Nafahana tamin'ny fanjakan'ny maizina isika ary nafindra ho amin'ny fanjakan'ny Zanany tamin'ny alalan'ny fanavotana sy famelana ny helontsika.

Amin'ny fahalalana ny famerenana ny fahefantsika, dia afaka ny ho lasa "lehilahy sy vehivavy mahery" isikaizay manana anjara lehibe ao amin'ny "fampanandrosoana amin-kery" ny fanjakan'ny lanitra ety an-tany.

Matio 11:12 Ary hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan'ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy an-keriny.

Tohizan'i Paoly izany amin'ny famaritana mafinaritra an'i Jesosy.

Kolosiana 1:15-18 Izy no endrik'Andriamanitra tsy hita, ny Lahimatoa talohan'izao zavatra ary rehetra izao; fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy ety ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany; ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra. Ary Izy no Lohan'ny tena, dia ny fiangonana; Izy no voalohany, dia ny Lahimatoa tamin'ny maty, mba ho Lohany amin'ny zavatra rehetra Izy.

Jesosy Ilay Lohantsika

Jesosy:

- Ilay endrik'Andriamanitra
- Ilay mpamorona ny zavatra rehetra
- Ilay talohan'ny zavatra rehetra
- Ilay mihazona ny zavatra rehetra
- Ilay lohan'ny Tena, dia ny fiangonana
- Ilay fiandohana, Ilay Lahimatoa amin'ny maty

Jesosy no lohantsika. Isika no tenany. Ny fitambaran'ny mino no manome ny tenany. Amin'ny maha tenany antsika, dia voalaza isika fa voavonjy afaka tamin'ny fanjakan'i Satana ary tafafindra ao amin'ny fanjakana vaovao izay hiarahantsika manjaka amin'I Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra. Isika dia voalaza fa olona navotana ary voavela tanteraka tamin'ny fahotana rehetra.

Jesosy, ilay lohan'ny tena, dia ao an-danitra. Ny tenany sisa, anisan'izany ny tongony, dia eto an-tany. Eto an-tany no tokony hahatanterahan'ny olona ny asan'ny fanjakany tanteraka. Eto, isika no tokony hahita amin-kery ny fandrosoan'ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny ady ara-panahy mahomby.

NY TOERAN'I SATANA

Ambanin'ny Tongotr'I Jesosy

Satana dia napetrak'Andriamanitra eo ambanin'ny tongotr'i Jesosy, ary Jesosy dia notendreny ho Lohany amin'izay rehetra mahakasika ny fiangonana.

Efesiana 1:22 dia nampanaiky ny zavatra rehetra ho eo ambanin'ny tongony Izy ka nanao Azy ho Lohany manapaka ny zavatra rehetra ho an'ny fiangonana

Ambanin'ny tongotsika

Romana 16:20a Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo.

Ambanin'ny tongotry ny hafa dia toa endrika faharesena tanteraka , resy ary babo. Izany dia endrika fahefana sy fanjakana tanteraka.

Genesisy 3:15 Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotro ny ombelahin-tongony.

Ambanin'ny fahefantsika

Satana dia ambanin'ny tongotr'i Jesosy satria Jesosy nandresy azy tanteraka ary naseho fa eo amboniny lavitra sy ny devoliny rehetra . Ankehitriny Satana sy ny devoly dia tokony atao ambanin'ny tongotsika satria fantatsika ilay fahefana fa naverina tamintsika ary isika dia efa manomboka mampiasa izany fahefana izany eto an-tany.

Hanitsakitsaka

Lioka dia manome antsika sary mazava ny amin'ny toeran'i Satana. Tokony ho voahitsaka ambanin'ny tongotsika izy. Nampanantenaina koa isika fa tsy hisy hampaninona antsika.

Lioka 10:19 Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy (force et habilité mentale et physique) handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo ianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory.

Rehefa navotana ny olona, natolotra, novidiana, navela heloka ary naverina tanteraka ho amin'ny endrik'Andriamanitra ety an-tany, dia tokony, ankehitriny hanitsaka an'i Satana ao ambanin'ny tongony ary haneho fa izy dia fahavalo resy.

Rehefa hazavain'Isaia ny fiafaran'i Satana, dia ohariny toy ny voahitsaka ambanin'ny tongotr'olona iray.

Isaia 14:18-20 Ny mpanjaka rehetra amin'ny firenena samy mandry amin'ny voninahitra avokoa, ary samy ao am-pasany avy. Fa ianao kosa dia nariana niala lavitra ny fasanao, tahaka ny solofonkazo ratsy izay ariana, sady voatsindrin'ny fatin'ny voavono ianao, dia ireo voatrabaky ny sabatra, ka midina ho ao amin'ny vato ao an-davaka, tahaka ny faty hitsakitsahin'ny tongotra.

Tsy halevina tahaka ireny ianao, satria efa nanimba ny taninao sady efa namono ny olonao; tsy hotononina mandrakizay ny taranaky ny mpanao ratsy!

SERIE DE COMMANDEMENTS

Rehafa niverina tany amin'ny Rainy Jesosy, dia napetrany ny zony amin'ny maha Zanak'Olona Azy ary nalainy indray ny zony amin'ny maha Zanak'Andriamanitra Azy.

Zon'ny Olona eto an-tany

Tahaka an'Andriamanitra, tsy mampiasa ny fanjakany eto an-tany intsony Izy, satria eto, dia nomeny ny olombelona ny fanjakana rehetra.

Ny olombelona eto an-tany no tokony hametraka an'i Satana ao ambanin'ny tongony satria izay no nahariana azy mba hanao izany.

Isaia mpaminany dia manome antsika faminiana mahagaga sy mampahery.

- Amin'ny fahamarinana no hampioarena anao
- Ho lavitra anao ny fanahiana
- Tsy misy atahoranao
- Hohalavirina ny fampatahorana
- Na iza na iza hanafika anao, dia hietry
- Ny fiadiana rehetra voaforona hamelezana anao dia tsy hisy hambinina
- Ny lela rehetra izay miady aminao dia horesenao lahatra

Isaia 54:14-17 Amin'ny fahamarinana no hampioarena anao; aza manahy* ny fampahoriana, fa tsy hatahotra ianao, na ny fampahatahorana, fa tsy hanakaiky anao izany.

Na dia misy miara-mioko aza, dia tsy avy amiko izany; ary na iza na iza miara-mioko hamely anao dia ho tonga hiandany aminao kosa. Indro, izaho no nahary ny mpanefy izay mifofotra ny afo amin'ny arina ka mahavita fiasana hanaovany ny asany.

Ary izaho koa no nahary ny mpandringana mba handringana. Ny fiadiana rehetra izay voaforona hamelezana anao dia tsy hisy hambinina, ary ny lela rehetra izay miady aminao dia horesenao lahatra. Izany no lovan'ny mpanompon'i Jehovah sy fahamarinany avy amiko, hoy Jehovah.

Ny lovantsika dia zavatra izay azontsika tamin'ny fahaterahana.

Isaia naminany hoe,

Izany no lovan'ny mpanompon'i Jehovah!

FANONTANIANA VALIANA

1. Raha “ny zavatra rehetra” dia ambanin’ny tongotr’i Jesosy, maninona Satana sy ny devoly no mbola afaka manohy ny asa ratsiny eto an-tany?
2. Fa maninona Andriamanitra no mamela an’i Satana hanohy ny asany eto an-tany raha efa resin’i Jesosy izy tamin’ny nahafatesany teo amin’ny hazofijaliana sy ny fitsanganany?
3. Inona no fiovana ilaina eo amin’ny fiainanao raha tokony handeha ao amin’ny fahefana efa naverina ianao– mba haneho fa Satana efa fahavalo resy?

Lesona Fahavalo

Ny Fomba Fiasan'i Satana Ankehitriny

Inona no nitranga?

2, 000 TAONA TATY AORIANA – AMPIASAINA SATANA ILAY FAHEFANA

***2, 000 taona aty aoriana, dia mahita isika:
Olona velona tsy mahalala ny anaran'i Jesosy.***

Olona miaina amin'ny fahantrana

Olona miaina anaty fahotana

Olona miaina anaty faharesena

Olona misara-panambadiana

***Olona izay manana zanaka voafatotry ny zava-
mahadomelina***

Olona manao fanompoan-tsampy.

***Fa maninona Satana no miseho ho tahaka ny mbola
andriamanitr'izao tontolo izao?***

***Resin'i Jesosy izy ary noentiny
tamin'ny toeranan'ny tsy fisiana hery.***

Nataon'i Jesosy ny anjarany mba hanafaka antsika !

***Nanao ny anjarantsika ve isika tamin'ny
herintsika– fanjakantsika– fahefantsika?***

NY FOMBA FIASAN'I SATANA

Mangalatra, Mamono Ary Mandringana

Nandritra ny taona maro, dia tsy niova ny fanirian'i Satana.

Jaona 10:10a Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy amono ary handringana.

Halan'ny devoly loatra isika ka nomeny baiko ny miaramilany mba hangalatra, sy hamono ary handringana!" Nisy fanendrena nataony mba hangalarany ny zavatra ilaintsika amin'ny fiainana sy ny fanompoana. Nisy baiko nomeny mba hamonoana antsika amin'ny fanahy mahafarofy, fahafatesena ary famonoan-tena. Misy loza tampoka ezahin'ny atao amin'ny fiainantsika. Nanome ny

baikony Satana, “na inona miseho, dia tokony ho ringana izy!”

Raha ohatra ka tsy mahavita mamono antsika ny devoly, dia mety hoe, manao tatitra izy fa nampihisatra na nampijanona antsika izy amin’ny fanatanterahana ny asa fanompoana nomen’Andriamanitra.

Nanendry Fanahy Mahafarofy

Miezaka mangalatra ny fahasalamantsika Satana amin’ny fampiasana devoly mitondra fanahy mahafarofy.

Lioka 13:11-13 Ary, indro, nisy vehivavy izay nanana fanahy mahafarofy valo ambin’ny folo taona, ary nanjoko izy ka tsy nahatraka akory.

Ary rehefa nahita azy Jesosy, dia niantso azy ka nanao taminy hoe: Ravehivavy, afaka amin’ny rofinao ianao.

Dia nametraka ny tãnany taminy Izy; ary niaraka tamin’izay dia nitraka ravehivavy sady nankalaza an’Andriamanitra.

Jaona 5:5 Ary nisy lehilahy anankiray teo, izay efa narary nandritra ny valo amby telo-polo taona.

Mba hanavesatra, hahavery hevitra, hanenjika

Ny Apostoly Paoly dia manazava ny fanafihan’i Satana eo amin’ny fiainany sy ny fanompoany. Tena mampahery ny mahita fa ny fanafihan’i Satana rehetra hanakanana an’i Paoly tsy hahatanteraka ny fanompoany dia tsy nahomby avokoa.

2 Korintiana 4:8-9 Voageja manodidina izahay, nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy mamoy fo; enjehina, nefa tsy nafoy, potraka, nefa tsy maty

Satana dia manafika izay rehetra tsara sy mety eo amin’ny fiainantsika :

- Fanambadiana
- Zanaka
- Fianakaviana
- Namana
- Fanompoana
- Fahasalamana
- Fifaliana
- Fiadanana

NY FIAROVANTSIKA

Mahafantatra Ny Fomba Fiasan’ny Fahavalo

Ringana ny olona noho ny tsy fahampiam-pahalalana. Raha tia hanakana an’i Satana izy amin’ny tanjony, dia ny hangalatra, hamono ary handringana, dia tokony ho fantany ny fahavalo sy ny fomba fiasany.

- Satana mitondra fahafatesana– Andriamanitra mitondra fiainana.
- Satana mitondra fankahalana– Andriamanitra mitondra fitiavana.

Jesosy

- *Ndrava ny fahafatesana*

Jesosy dia ndrava ny fahafatesana ary nitondra fiainana sy tsy fahafatesana.

2 Timoty 1:10 fa naharihary ankehitriny tamin'ny nisehoan'i Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika, Izay nahafatsana ny herin'ny fahafatesana, ka ny filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana sy ny tsi-fahalòvana mandrakizay;

- *Nandrava Ny Herin'ny Demonia*

Jesosy dia ndrava ny demonia ary nanafaka antsika tamin'ny tahotry ny fahafatesana.

Hebreo 2:14-15 Koa satria manana nofo aman-drà ny zaza, dia mba nandray izany koa lzy, mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly,ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana.

- *Nanafaka Tamin'ny Fanandevozana*

Satana dia tsy nanana zo ny hihazona antsika tao amin'ny fanandevozana. Isika, tamin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy, dia novidiana indray tamin'ny fatotra fanandevozan'i Satana sy ny fanjakany.

Rehefa tonga hangalatra, hamono ary handringana Satana dia tsy tokony ho hitany vulnerable isika, tsisy fiarovana na fiambenana. Fa kosa, amin'ny alalan'ny fahafantarana ny tenin'Andriamanitra, dia tokony horakofan'ny ràn'i Jesosy isika. Tokony hijoro tsara isika miaraka amin'ny ampingan'ny finoana. Tokony miara-manambara ny tenin'Andriamanitra miaraka amin'ny Isaia Mpaminany amin'ny fahatokiana sy tsy fisian-tahotra isika.

Isaia 54:17a ny fiadiana rehetra voaforona hamelezana anao dia tsy hisy ambinina...

NY LAHARAM-PAHAMEHANA AMIN'I SATANA– MANGALATRA AMINTSIKA NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Mandranitra Ny Sabatra

Raha tsy manana ny teny ao amin'ny fo sy ny fanahintsika isika, dia tsy afaka ny handresy an'i Satana sy ny namany

amin'ny Teny isika. Tian'i Jeosy ny hananantsika “ny fahafenoina” amin'ny lafim-piainantsika rehetra. Raha tsy manana izany isika, dia tsy manana ny fahafenoina.

Tokony ho fantantsika hoe iza isika ao amin'i Kristy mba hahalalantsika fa efa nandresy tamin'ny ady isika!

Ny Fanoharana Ny Amin'ny Mpamafy– Fanambarana Ny Amin'ny Fandresena

<p style="text-align: center;">Ny Fanoharana Marka 4:3-8</p>	<p style="text-align: center;">Jesosy Manazava Ny Fanoharana Marka 4:14-20</p>
<p>Mihainoa. Indro, nivoaka ny mpamafy mba hamafy. Ary raha namafy izy, ny sasany dia voafafy teny amoron-dalana, dia avy ny vorona ka nandany izany.</p>	<p>Mamafy ny teny ilay mpamafy. Ary ireto no ilay teo amoron-dalana, dia izay amafazana ny teny, fa rehefa nandre izy, dia avy miaraka amin'izay Satana ka manaisotra ny teny izay nafafy tao aminy.</p>
<p>Ary ny sasany dia voafafy teny amin'ny tany marivo ambony vatolampy; dia nalaky nitrebona ireny, satria tsy nisy tany lalina. Fa rehefa niposaka ny masoandro, dia nalazo ireny; ary satria tsy nanam-paka, dia maty izy.</p>	<p>Ary tahaka izany koa, ireto no ilay voafafy teny amin'ny tany marivo ambony vatolampy, dia izay mandre ny teny ka malaky mandray izany amin'ny hafaliana; nefa tsy manam-paka ao anatin'ny ireny, fa maharitra vetivety foana; koa rehefa afaka izany, ka tonga izay fahoriana na fanenjehana noho ny teny, dia tafintohina miaraka amin'izay izy.</p>
<p>Ary ny sasany dia voafafy teny amin'ny tsilo; ary ny tsilo naniry ka nangeja azy, dia tsy namoa izy.</p>	<p>Ary misy hafa koa izay voafafy teny amin'ny tsilo, dia ireo no ilay nandre ny teny, fa ny fiahiahiana izao fiainana izao sy ny fitaky ny harena ary ny filàna ny zavatra hafa miditra, dia mangeja ny teny, ka tsy mamoa izy.</p>
<p>Ary ny sasany dia voafafy teny amin'ny tany tsara, ary raha naniry sy namoa, dia vokatra, fa namoa: ny sasany avy telo-polo heny, ary ny sasany avy enim-polo heny, ary ny sasany avy zato heny.</p>	<p>Ary ireto no ilay voafafy teny amin'ny tany tsara, dia izay mandre ny teny ka mandray azy dia mamoa: ny sasany avy telo-polo heny, ny sasany avy enim-polo heny, ary ny sasany avy zato heny.</p>

Betsaka no nahatakatra fa io fanoharana io dia tandindon'ny voan'ny famonjena izay afafy sy ny vokatry fitoriana filazantsara ary marina izany.

Toutefois, Jesosy dia niteny fa niresaka ny tenin'Andriamanitra Izy. Jesosy dia niteny fa rehefa mandray fahatakarana vaovao ny tenin'Andriamanitra isika, dia tonga avy hatrany Satana hangalatra izany amintsika. Mety ho tenin'Andriamanitra izay hampiharina amin'ny lafim-piainantsika rehetra izany.

Impiry ianao no efa naheno olona niteny fa rehefa avy nanana fotoana nifandraisana tamin'Andriamanitra dia misy ady foana avy eo? Tao aorinan'ny fampiofanana na fampianarana, dia ohatran'ny hoe "very daholo." Hoy Jesosy hoe Saatana no tonga mangalatra amintsika ny Teny.

Iray Amin'Ireo Zavatra Telo

Misy zavatra telo mety mitranga rehefa voafafy ny Teny:

- Afaka hangalarin'i Satana avy hatrany ny Teny raha tafintohina isika rehefa mitondra ady sy fanenjehana Satana.
- Mety ho voagejan'ny fiahiahina amin'izao fiainana izao ny Teny, na ny famitahan'ny harena na ny filàna hanota.
- Raha avelantsika ny Teny dia afaka ny hamaka sy hitombo.

Ady/Fanenjarahana

Jesosy dia nampitandrina fa "ny ady sy ny fanenjehana" dia ho avy noho ny amin'ny Teny.

Marka 4:17 ...nefa tsy manam-paka ao anatin'ny ireny, fa maharitra vetivety foana; koa rehefa afaka izany, ka tonga izay fahoriana na fanenjehana noho ny teny, dia tafintohina miaraka amin'izay izy.

Tonga avy Hatrany Satana

Fantatr'i Satana fa raha avelantsika hijanona ao am-pontsika ny fanambarana ny amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia amin'ny alalan'io teny io ihany dia afaka ny ho resy izy. Na dia manana planina sy fomba fiasa maro aza izy hitondrana faharesena eo amin'ny fiainantsika, ny laharam-pahamehana voalohany ho azy dia ny hangalatra ny teny amintsika. Hoy Jesosy hoe tonga foana izy "rehefa mahare."

Marka 4:15 Ary ireto no ilay teo amoron-dalana, dia izay amafazana ny teny, fa rehefa nandre izy, dia avy miaraka amin'izay Satana ka manaisotra ny teny izay nafafy tao aminy.

NAMPITSAHARIN'I JESOSY NY RANOMASINA

Rehefa vitan'i Jesosy ny fampianarany, dia nankeo antsambo Izy sy ny mpianany. Tsy ela akory, dia natory teo aoriana Jesosy . Dia avy eo Satana tonga niaraka tamin'ny fiahiahian'ny fiainana.

Marka 4:35-41 Ary androtrizay ihany, rehefa hariva ny andro, dia hoy Izy taminy: Andeha isika hita ho eny am-pita.

Ary rehefa nampodin'ny mpianany ny vahoaka, dia nentiny tamin'io sambokely io tamin'izao ihany Jesosy. Ary nisy sambokely sasany koa niaraka taminy.

Ary nisy tafio-drivotra mahery, ary nianjerazeran'ny alondrano ny sambokely ka nila ho feno rano.

Ary Jesosy natory teo am-bodin'ny sambokely tambonin'ny ondana; ary namoha Azy izy ireo ka nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, tsy mampaninona Anao va izao hahafatesanay izao?

Ary nifoha Izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangina, mitsahara. Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro.

Ary hoy Izy taminy: Nahoana no saro-tahotra ianareo? Tsy mbola manam-pinoana va ianareo?

Ary natahotra indrindra izy ireo ka niresaka hoe: Iza moa Ity, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy?

Ilay tafiotra izay niseho dia isan'ny “ady sy fanenjehana” izay nolazain'i Jesosy fa hoentiny i Satana ”vao voafafy ny Teny.”

Jereo ny fihetsik'ireo mpianatra. Tafintohana izy. “Mpampianatra ô ! Tsy mampaninona Anao va izao hahafatesanay izao?” Tafintohana izy ireo satria Jesosy dia natory ary tsy natahotra tahaka azy, dia nomelohin'i fa tsy niraharaha azy.

Manana Safidy Isika

Rehefa mitondra ny ady sy ny fanenjehana amintsika Satana ary mitady haka amintsika ny Teny dia manana safidy roa isika. Afaka isaorantsika ny Tompo izay niteny antsika mialoha, ka tsy hodiantsika tsy hita ny fanangolen'i Satana fa isika dia afaka mandroaka azy. Afaka ny ho tafintohina

isika, hanary ny fifaliantsika ary hamela an'i Satana hangalatra ny fanambarana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra izay nafafy tao am-pontsika.

Impiry moa rehefa tonga ny ady sy ny fanenjehana, no nanomboka niantsoantso isika ary nanome tsiny an'Andriamanitra?

- “Mpampianatra ô, tsy mampaninona Anao ve ny hahasafotry ny rano anay?
- “Andriamanitra ô, tsy mampaninona Anao ve ny hahavery ny zanako?
- “Andriamanitra ô, tsy mampaninona Anao ve ny hanafihan'ny aretina ny fiainako?
- “Andriamanitra ô, tsy mampaninona Anao ve ny tsy hahafahako mandoa ny ofan'ny jiroko?”

Rehefa avelantsika ho tafintohina isika ary manome tsiny an'Andriamanitra isika ny amin'ny tafiotra eo amin'ny fiainantsika, dia mamela an'i Satana isika hangalatra amintsika ny ilay famafazana sarobidy ny tenin'Andriamanitra.

Amin'ny Finoana

Zava-dehibe ny fihetsehana tsara amin'ny finoana raha tia hihazona ny Teny nafafy teo amin'ny fiainantsika isika ary miandry fijinjana lehibe avo telopolo heny, avo enimpolo ary avo zato heny amin'izay nafafy.

Maraka 4:40 Ary hoy izy taminy: Nahoana no sarotahotra ianareo? Tsy mbola manam-pinoana va ianareo?

Miteny Amin'ny Fahefana

Raha tokony ho tafintohina amin'ny fanafihan'ny tafiotran'ny fiainana ao amin'ny sambontsika, dia tokony hijoro tsara manohitra an'i Satana ary miteny ampahatokiana ny tenin'Andriamanitra amin'ny finoana.

Marka 4:39 Ary nifoha izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangina, mitsahara. Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro.

Malina

Na dia fahavalo efa resy aza Satana, dia hanao ny zavatra rehetra izy mba hanakana antsika tsy handeha ami'ilay fahefana nomen'Andriamanitra antsika . Tokony ho mailo isika , ho miambina, vonona handresy ny fanafihana rehetra eo amin'ny fiainantsika.

1 Petera 5:8 Mahonona tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mieronana mitady izay harapany

Ny Fiadian'Andriamanitra

Amin'ny finoana, dia tokony hitafy ny fiadian'Andriamanitra isika mba hahafahantsika mijoro amin'ny fangolen'ny devoly.

Efesiana 6:10-11 Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany. Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly.

Rehefa manao izany isika, dia ho hitantsika fa mijoro tsara isika eo anatrehan'ny devoly manoloana ny tafiotra.

Efesiana 6:13 Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin'ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra ianareo.

Ny Fahefantsika

Feno ny asan'i Jesosy! Nandresy ny devoly sy ny anjelin'ny Izy.

Ety an-tany, dia noforonony ny lahy sy ny vavy mba handeha amin'ny fahefana, ary ankehitriny, dia tokony hitsangana sy haneho isika fa ny devoly dia fahavalo resy. Tokony ho hitantsika ny fandrosoan'ny fanjakan'Andriamanitra amin-kery eto an-tany.

FANONTANIANA VALIANA

1. Araka ny Jaona 10 :10, Satana dia tonga amin'ny fianantsika miaraka amin'ny tanjona telo primaires. Lazao izany tanjona telo izany.
2. Araka ny fanoharana ny amin'ny mpamafy dia inona no laharam-pahamehan'i Satana lehibe indrindra amin'ny maha mpangalatra azy?
3. Fa maninona no zava-dehibe no hihetsehantsika amin'ny fahefana sy ny tsy ho tezitra rehefa manoloana ady sy fanenjehana?

Lesona Fahasivy

Ny Fiangonana Sy Ny Fahefana

INONA NY FIANGONANA?

Filazana Voalohany

Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny fiderana dia nifantoka manodidina ny tabernakely foana, ny tempoly, na ny synagoga. Tsy nisy “fiangonana.”

Rehefa nilaza voalohany ny amin'ny fiangonana Jesosy, dia nambarany ihany koa ny zavatra telo izay hamaritra azy ambonin'ny asany hafa rehetra. Jesosy no hanangana azy. Izy dia ho tafika mpandresy ary ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita tsy handresy azy. Hanana ny hery hifehy sy hamaha izy.

Matio 16:13-18 Ary rehefa tonga tany amin'ny faritanin'i Kaisaria-filipo Jesosy, dia nanontany ny mpianany Izy ka nanao hoe: Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona?

Dia hoy ireo: Hoy ny sasany: Jaona Mpanao-batista; ary hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Jeremia, na anankiray amin'ny mpaminany.

Ary hoy Jesosy taminy: Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza? Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.

Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra.

Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hitatsy haharesy azy

Fahamarinana Fototra

Fantatr'i Petera tamin'ny alalan'ny fanambaran'Andriamanitra fa Jesosy no Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra. Izany no fahamarinana tokony hananganana ny fiangonana.

Natsangan'i Jesosy

Ny toetra mamaritra ny fianangonana voalohany dia ny hananganan'i Jesosy azy. Tsy olona no hanangana azy, tsy ny fombafomba na ny fandaharan'ny olona.

Haharesy Ny Vavahadin'ny Fiainan-Tsy Hita

Ny toetra mamaritra azy faharoa dia ny fandreseny ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita.

Ao amin'ny dikan-teny amin'ny Baiboly hafa dia izao no voasoratra :

ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hitatsy haharesy azy.

Fanalahidy Hifehy Sy Hamaha

Manana fahefana hifehy sy hamaha ny fiangonana.

Matio 16:19 Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.

Araka izany filazana voalohany nataon'i Jesosy momba ny fiangonana izany dia misy zavatra telo izay tokony ho fantatsika.

- Ny fiangonana dia hatsangan'i Jesosy amin'ny alalan'ny fanambaran'ny Ray fa Jesosy no Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra Velona.
- Ny “vavahadin'ny fiainan-tsy hita” tsy afaka hahatohitra ny fiangonana.
- Ny fiangonana dia handray “ny fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra” ary hanana ny fahefana hifehy sy hamaha.

FAMERENANA NY FANALAHIDY

Hitantsika mazava tsara fa “ny fanalahidy” dia manambara ny amin'ny fahefana eto amin'ity tany ity. Ny fanalahidy di afaka mamaha na manidy “varavarana” izay, araka ny efa hitantsika, ny fanjakana amin'ny entité rehetra mety ho olona io, fianakaviana, rafitra iray, tanana, fanjakana iray na firenena iray.

Fanalahidy Hanjaka

Ny fanalahidin'ny fahefana no nomen'Andriamanitra ny olona rehefa namorona ny lehilahy sy ny vehivavy araka ny endriny Izy.

Genesisy 1:26 Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika ; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany.

Nangalarin'i Satana

Tian'Andriamanitra ho nampiasaina ho amin'ny tsara ireo fanalahidy ireo teto an-tany. Na izany aza, rehefa nanota Adama sy Eva, dia nomeny an'i Satana ilay fanalahidy izay tonga mba hangalatra, hamono ary handringana.

Ny fanalahidin'ny fahefana, izay teo ambanin'ny fifehezan'i Satana dia lasa fanalahidin'ny fahafatesana sy fanalahidin'ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita.

Apokalypsy 1:18 dia ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita.

Nalain'i Jesosy Indray

Ny fanalahidin'ny fahefana no nalain'i Jesosy tamin'ny devoly rehefa avy nitondra ny fahotantsika tany amin'ny lalina indrindra amin'ny fiainan-tsy hita Izy. Rehefa tonga nanokatra tamin-kery ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita Jesosy, dia naka tamin'i Satana ny fanalahidin'ny fahefana. Tsy nanana fahefana ara-dalàna intsony Satana teto an-tany.

Naverina Tamin'ny Olona

Ireo fanalahidy ireo dia ilay fahefana izay naverin'Andriamanitra tamin'ny olona amin'ny maha olombaovao azy tamin'ny alalan'ny fitsanganany sy fiakarany nankany amin'ny Ray. Satria naverina tamin'ny tompony teo am-piandohana ireo ireo fanalahidy ireo, dia tsy afaka ny ho ampiasaina ho fanalahidin'ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita intsony ireo . Fa ny fahafantarantsika izany kosa dia “fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra.”

Fanalahidin'ny Fanjakana

Matio 16:19 Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.

Amin'ireo fanalahidy ireo dia afaka manorina ny sitrapon'Andriamanitra sy ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.

Jesosy dia mampianatra ny mpianatra mba hivavaka ho an'izany fandresena izany.

Matio 6:9,10 Koa amin'izany mivavaha toy izao ianareo: **Rainay izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.**

Rehefa isika, ilay tenan'i Kristy, no mampiasa ny fanalahidin'ny fahefana nomen'Andriamanitra antsika araka ny sitrapon'Andriamanitra, dia manorina ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany isika.

NY VAVAHADIN'NY HELO (FIAINAN-TSY HITTA)

Fiangonana Eo Am-Panafihana

Rehefa nolazain'i Jesosy voalohany ny teny hoe "fiangonana" dia nambarany avy hatrany fa ny vavahadin'ny fiananan-tsy hita tsy haharesy azy.

Matthieu 16:18b ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hitatsy haharesy azy

Zava-dehibe no mahatakatra ny tian'i Jesosy holazaina rehefa niteny Izy fa ny vavahadin'ny fianan-tsy hita dia tsy haharesy ny fiangonana.

Amin'izao andro izao, ny fiheverantsika ny varavarana dia tahaka ny fidirana amin'ny fehy iray na rindrina iray. Amin'izany sary ao an-tsaintsika izany, dia sarotra ny mahatakatra mazava io andininy io. Ny ankamaroantsika dia tsy mbola nisy vavahady nanafika.

Inona Ireo Varavarana?

Tamin'ny andron'ny Baiboly, ny fanjakana sy ny raharahan'ny tanana dia natao tao amin'ireny varavarana ireny. Noho izany, "ireo varavarana" izay fiarovana ho an'ny tanana dia lasa tandindon'ny tanana na ny fanjakana na ny firenena. Solomona Mpanjaka dia naneho izany amin'ny iray amin'ny ohabolany.

Ohabolana 31:23 Ny lahy dia hajaina eo ambavahady, Raha miara-mipetraka eo amin'ny loholona.

Fahazoana Ny Varavarana

Rehefa nitahy an'i Abrahama Andriamanitra, dia naneho ny fahazoana ny vavahadin'ny fahavalo. Izay ilay fitahiana.

Genesisy 22:17 dia hitahy anao tokoa Aho ary hahamaro dia hahamaro ny taranakao, ho tahaka ny kintana eny amin'ny lanitra sy ho tahaka ny fasika

izay any amoron-dranomasina; ary ny taranakao hahazo ny vavahadin'ny fahavalony

Ny fitahiana napetraka tamin'i Rebeka ihany koa dia naneho ny fahazoana ny varavaran'ny fahavalo.

Genesisy 24:60 Dia nitso-drano an-dRebeka izy ka nanao taminy hoe: Ry anabavinay, tongava alinalina anie ianao, ary aoka ny taranakao hahazo ny vavahadin'izay mankahala azy !

Ny fahazoana ny varavaran'ny fahavalo dia midika hoe maka sy mifehy ny fanjakany. Ankehitriny dia tokony azontsika ny varavaran'ny fahavalo ao amin'ny tontolon'ny fanahy. Amin'ny fahefana, fanjakana, amin-kery, ary fiadiana amin'ny herisetra am-panahy no ahazoana ny varavarana amin-kery.

Solomona Mpanjaka dia miresaka an'izany.

Ohabolana 14:19 Ny ratsy fanahy miondrika eo anatrehan'ny tsara fanahy, Ary ny meloka dia eo am-bavahadin'ny marina.

Betsaka no mahita fa tafihan'ny devoly ary miafina ao amin'ny rindrin'ny fanahiana sy tahotra. Na izany aza, tsy satana fa ny fiangonana no tokony hipetraka eo amin'ny fanafihana.

Isika, fiangonana, dia tokony hanozongozona “ny varavaran'ny fiainan-tsy hita” ary mampanandroso amin-kery ny fanjakan'Andriamanitra eran'izao tonrolo izao.

NY FANALAHIDIN'NY FANJAKANA

Rehefa nilaza ny amin'ny fiangonana Jesosy tamin'ny voalohany, dia hoy Izy, “Homeko anareo ny fanalahidy!” Izany dia tokony hitranga amin'ny ho avy. Taty aorinan' ny fahafatesany sy ny fitsanganany, dia hoy Izy tamin'ny Ray, “Aty Amiko ny fanalahidy!”

Ny fanalahidy dia maneho ny famerenana ny fanalahidin'ny fahefan'ny olona. Ireo fanalahidy ireo no nalain'i Jesosy tamin'i Satana rehefa nalainy ny heriny sy ny fahefany izay izay fitondrany miady.

Inona ilay fanjakan'Andriamanitra izay isika no mitazona ny fanalahidy?

Jesosy, ilay “Mpanjakan'ny Mpanjaka,” dia manjaka miaraka amin'ny Ray amin'ny tontolo rehetra. Tokony eto an-tany no hanorenana ny fanjakany.

Ny fanjakan'Andriamanitra dia handrso amin-kery eo amin'izao tontolo izao rehefa hampiasain'ny lehilahy sy ny vehivavy ny fanalahidiny ara-panahy ny amin'ny fahefana izay naverina indray.

Ireo no fanalahidy izay noresahan'i Jesosy izay ho hampiasaintsika hifehezana sy hamahana. Manana fahefana isika hifehezana an'i Satana sy ny demonia ary manana ny fanalahidy sy ny fahefana isika hanafaka ny mpifatotra! Rehefa mandresy ny ady isika ao amin'ny tontolon'ny fanahy dia hiseho izany eo amin'ny tontolo ara-boajanahary, na ara-nofa.

FITSIPIKY NY FIFEHEZANA SY FAMAHAHA

Jesosy nilaza fa hanome antsika ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra ary izay fehezintsika ety ambonin'ny tany dia hifehezina any an-danitra ary izay vahantsika ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.

Inona no dikan'izany?

Fatoran'i Jesosy Ilay Mahery

Miresaka ny amin'ny famatorana ny mahery Jesosy.

Matio 12:18-19 Indro ny Mpanompoko, Izay nofidiko, Ny Malalako, Izay sitraky ny foko indrindra; Hapetrako ao aminy ny Fanahiko, Ary hitory ny rariny amin'ny jentilisa lzy; Tsy hifanditra, na hiantso mafy lzy; Ary tsy hisy handre ny feony any an-dalana;

Iza Ilay Mahery?

Ilay mahery dia Satana na ny demonia voatendriny hanapaka amin'ny fanjakana, na rafitra, na amin'ny fiainan'ny olona iray.

Niditra tao amin'ny tranon'ilay mahery Jesosy ary nofaktorany ilay mahery (Satana sy ny devoly mpanapaka).

Isika dia mifehy an'i Satana sy ny devoly mpanapaka amin'ny fitenenana amin'ny fahefana hoe,

➤ “Satana, feheziko amin'ny Anaran'i Jesosy ianao!”

Avy eo isika tokony hamatotra ilay mahery, amin'ny fitenenana am-patokiana amin'ny devoly mpanapaka hoe,

➤ “Ianao ry fanahy maloto, feheziko amin'ny Anaran'i Jesosy!”

Inona Ny Hoe Mifehy?

“Mifehy” dia midika fa mametra an'i Satana sy ny devoly mpanapaka amin'ny toe-javatra manokana amin'ny ady arapanahy izay nitondran'Andriamanitra antsika.

Ohatra, rehefa mamatotra alika amin'ny rojo vy izay mifandray amin'ny piquet, dia tsy afaka mandehandeha be ialay alika. Voafetra izy, tsy afaka mandeha lavitra mihoatra ny halavan'ilay rojo vy namatorana azy izy eo amin'ny toerana izay nametrahantsika azy. Noferantsika ny

fiantraikan'ny fanjakany. Izany no dikany teny hoe “mifehy”.

Robaina Ny Tranony

Avy eo, dia tokony horobaintsika ny tranony. Ataontsika izany amin'ny fandidiantsika ny demonia izay ambanin'ny fahefan'ily mahery mba,

➤ “Hivoaka amin'ny Anaran'i Jesosy!”

Afaka ny ho fantatsika ny maha izy ilay fanahy amin'ny alalan'ny fanomezan'ny Fanahy ny amin'ny fahafantarana fanahy amin'ny teny fahalalana. Afaka ny ho fantatsika ihany koa ny maha izy azy amin'ny alalan'ny asany izay mazava be.

Ohatra vitsivitsy:

- Fanahin'ny fanompoan-tsampy,
- Fanahy mpanelingelina,
- Fanahy maloto– fanahin'ny feno filana et perversion,
- Fanahy mahafarofy,
- Fanahin'ny fitaka,
- Fanahin'ny famonoan-tena

Mandroaka Ny Fanahy!

Amin'ny fandroahana ny fanahy dia mandroba ilay mahery isika. Rehefa foana ny tranony, lasa tsisy hery izy ary afaka didintsika hivoaka amin'ny Anaran'i Jesosy .

Lioka 11:21-22 Raha ny mahery mivonona amin'ny fiadiany no miaro ny tranony, dia tsy haninona ny fananany. Fa raha avy kosa izay mahery noho izy ka mandresy azy, dia alainy ny fiadiany rehetra izay nitokiany, ary izay azony ho babo dia zarainy.

Efa nalain'i Jesosy ny fiadian'ireo manan-kery sy manam-pahefana ary nataony niharahary izany. Niakatra ambony lavitra azy ireo Izy ary mipetraka eo ankavanany ny Ray. Toe-javatra tanteraka tany an-danitra izany.

Fahefan'ny Mino

Amin'ny maha mino antsika dia tokony hampiasaintsika ny fahefantsika sy ny fanjakantsika eto an-tany. Ankehitriny dia tokony tanterahintsika sy hamafisintsika eto an-tany izay rehetra efa vita teo univers– izay zava-niseho efa vita any an-danitra. Ety an-tany, dia tokony hifehy an'i Satana sy ny devoly amin'ny fahefana isika ary hanafaka ny mpifatotra. Tokony ho ferantsika ny fiantraikan'ny fanjakany.

Matio 16:19b izay fehezinao ety ambonin'ny tany dia fehezina any an-danitra, ary izay vahanao ety ambonin'ny tany dia vahana any an-danitra.

Rehefa manao izany isika, isika ihany koa, dia manala ny fiadian'ny manan-kery sy ny manam-pahefana ary

ataontsika an-karihary izany, amin'ny fandresena azy eo amin'ny hazofijaliana.

NY TOERAN'I SATANA

Lasa Tsisy Fiantraikany

Tamin'ny alalan'ny fitsanganany Jesosy, dia nahatonga an'i Satana tsy misi fiantraikany.

Hebreo 2:14 (Teny Velona) Koa satria manana nofo aman-drà ny zaza, dia mba nandray izany koa lzy, mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly

N'Est Plus Notre Ravisseur

Isika dia afaka amin'ny famatoran'ny tahotry ny fahafatesana.

Hebreo 2:15 ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana.

Tamin'ny fahatanterahan'ny asan'i Jesosy tao amin'ny fahafatesany sy fitsanganany am-pandresena, ny lehilahy sy ny vehivavy dia tsy afaka nohazonina ho voafatotry ny fahatahorana fahafatesana intsony. Rehefa fantatsika ny marina, dia afaka isika ary afaka tanteraka amin'ny famatoran'ny tahotra an'ilay fetsy.

Rava Ny Asa

Fa maninona no niseho ny Zanak'Andriamanitra?

➤ **Mba handrava ny asan'i Satana!**

➤ **Mba hitondra azy an-karihary!**

1 Jaona 3:8 Izay manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly.

Kolosiana 2:15 ary nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany* ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy.

NIFOHA ILAY FIANGONANA IZAY NATORY!

Rehefa tonga teto an-tany Jesosy handrava ny asan'ny fahavalo, dia napetrany ny fahefany amin'ny maha Andriamanitra Azy. Teto an-tany, amin'ny maha Adama farany Azy, dia nandeha sy nanao ny asa fanompoany tamin'ny fahefana sy ny fanjakana Izy.

Resin'i Jesosy tanteraka Satana. Lasa tsinontsinona izy ary tsy misy fiantraikany. Nataon'i Jesosy "haotra" ngeza be ilay fetsy.

Ankehitriny io fahefana sy fanjakana io no "fanalahidy" izay naverina tamin'ny olona navotana, tamin'ny finoana, izay lasa fiangonany sy tenany ety an-tany ami'izao fotoana izao.

Amin'ny maha fahavalo resy an'i Satana, ny zavatra hany tokana azony atao ety an-tany dia ny famelantsika alalana azy noho ny tsy fahafatarantsika. Avy amin'izay fanambarana ny tenin'Andriamanitra izay, dia afaka mitsangana isika ary mamatotra an'i Satana sy ny devoly mpanapaka. Afaka ny ho ravantsika ny manda avon'i Satana rehefa mamatotra ilay mahery isika ary mandroba ny tranony, rehefa didiantsika ny fanahy maloto hivoaka amin'ny Anaran'i Jesosy.

2 Korintiana 10:4 fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy

Ny fiangonana izay nolazain'i Jesosy fa hatsangany dia ngezalaha izay tafatory. Iza, dia mifoha izy mba hiasa ao amin'ny fahefana izay nomen'Andriamanitra azy ary handrava ny manda avon'i Satana izy!

FANONTANIANA VALIANA

1. Inona no tian'i Jesosy hambara rehefa nilaza Izy "fa ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita" tsy haharesy ny fiangonana?
2. Jesosy dia niteny fa tokony "hifehy" sy tokony "hamaha" isika. Hazavao ahoana no fomba hanaovanao izany baikon'i Jesosy izany.
3. Rehefa namatotra "ilay mahery" teo amin'ny mandan'i Satana iray, Jesosy dia nilaza fa misy tokony "handroba ny fananany."Iza ilay lazainy fa "ilay mahery"? Inona no dingana ahafahana "mandroba ny fananany"?

Lesona Fahafolo

Ny Fanalahidin'ny Fanjakana

JESOSY NO MANANA NY FANALAHIDY

Tadidinao ve ireo tenim-pandresena izay nolazain'i Jesosy rehefa niverina tany an-danitra Izy?

Apokalypsy 1:18 dia llay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita.

Nalain'i Jesosy tamin'i Satana ny fanalahidin'ny helo sy ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita. Vao nitondra ny fahotantsika tany amin'ny fiainan-tsy hita Jesosy , dia tsy afaka ny nohazonina ela tany Izy.

Asan'ny Apostoly 2:24 fa Andriamanitra nanangana Azy, rehefa nahafaka ny fanaintainan'ny fahafatesana, satria tsy laitr'izany hohazonina Izy.

Resin'i Jesosy ny fahafatesana!

Naverin'i Jesosy tamin'ny olona ny fahefana, ny fanapahana, ary ny fanjakana . Naveriny avokoa izay rehetra nangalarin'i Satana.

Fantatsika fa tian'Andriamanitra hiaina am-panjakana sy am-pahefana tanteraka amin'i Satana isika satria nataony sorona ny Zanany, izany no antony namoronany antsika ary tokony tanterahintsika eto an-tany.

Izay rehetra nataon'i Jesosy teto an-tany, ny fahavelomany, ny fahafatesany, ny fitsanganany dia mba hahafahantsika tafaverina indray. Nataony izany mba ahafahantsika mandeha amin'ny fahefana eto an-tany, ary mba ho mpandresy an'i Satana sy ny devoly.

NY RAN'I JESOSY- FANALAHIDIM-PANDRESENA HO AN'NY FANDRESENA

Ny Fiainana Ao Amin'ny Rà

Rehefa nahary an'i Adama Andriamanitra, dia ny fiainany manokana no nataony tao aminy. Io fiainana io dia tsy voafetra amin'ny faritra amin'ny vatan'I Adama. Nafindran'Andriamanitra tamin'i Adama ny rany. Nikoriana tsara tao amin'ny vata-tenan'i Adama iray manontolo izany.

Mosesy dia nanoratra fa ny fiainan'ny zava-manan'aina dia ao amin'ny rany.

Levitikosa 17:11a Fa ny ain'ny nofo dia ao amin'ny rà.

Le Péché D'Adam – La Mort

Tamin'ny alalan'ny fahotana, dia verin'i Adama ilay fiainan'Andriamanitra izay tao amin'ny rany. Tsy afaka naverina tamin'ny olona izay fiainana izay raha tsy tamin'ny alalan'ny planin'ny fanavotan'Andriamanitra. Mba hamerenana ny olona araka ny endrik'Andriamanitra, dia tokony hanana ny fiainan'Andriamanitra ao amin'ny rany indray izy.

Ao amin'ny planin'ny fanavotan'Andriamanitra, ny Zanany dia tokony handatsaka ny rany.

Hebreo 9 :22 Ary saika nodiovina amin'ny rà avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalàna, raha tsy misy rà latsaka tsy misy famelan-keloka.

Ny sazin'ny fahotana, izay fahfatesana, dia tokony naloa tamin'ny alalan'ny sorona tsy manan-tsiny, tamin'ny alalan'ny fahotana, ka nahavery ny fiainan'Andriamanitra tao amin'ny rany.

Notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina ary nateraky ny virijina, Jesosy dia tsy nandova ny ran'i Adama. Izy ilay tonga sorona tsy manan-tsinyizay naolotra an-tsitrapo ny fiainany tamin'ny fandatsahana ny rany tsisy tsiny.

Amin'ny Alalan'ny Ran'i Jesosy Dia Manana

➤ *Famelana Ny Fahotana Isika*

Ny fanavotana antsika dia ao amin'ny ran'i Jesosy.

Efesiana 1:7 Izy no ananantsika fanavotana amin'ny ràny, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren'ny fahasoavany

1 Petera 1:18-19 fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin'ny fitondran-tena adala, izay azonareo tamin'ny nentin-drazana, fa ny rà soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina;

➤ *Fanamarinana*
➤ *Famonjena*

Nohamarinina isika ary ny fahamarinan'Andriamanitra dia naverina teo amin'ny fiainantsika tamin'ny alalan'ny ran'i Jesosy.

Romana 5:8-9 Fa Andriamanitra mampiseho* ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy. Koa mainka aza ny hamonjeny antsika ho afaka amin'ny fahatezerana

ankehitriny, rehefa nohamarinina tamin'ny ràny isika.

Afa-po Andriamanitra tamin'ny fahamarinana tanteraka ary afaka tamin'ny fahatezeran'Andriamanitra isika rehefa tonga sorona ho antsika Jesosy ka nitondra ny sazin'ny fahotana tamin'ny fandatsahana ny rany teo amin'ny hazofijaliana.

Amin'ny fandraisana anjara amin'ny ra nalatsak'i Jesosy ihany, izay misy ny fiainan'Andriamanitra, no ahafahantsika mahazo indray ny fiainan'Andriamanitra ao amintsika.

Jaona 6:53 Fa hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona sy misotro ny ràny ianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo.

➤ *Fifandraisana*

Ny ran'i Jesosy dia hanala ny fiantraikan'ny fahotana rehetra amin'ny fiainantsika mba hahatonga ny fiainan'Andriamanitra hiverina indray.

1 Jaona 1:7 Fa raha mandeha eo amin'ny mazava isika, tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra.

➤ *Fanavotana*

Ny fanavotana sy ny famelana antsika tanteraka dia amin'ny alalan'ny ra.

Kolosiana 1:13-14 sady nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany, izay ananantsika fanavotana, dia ny famelana ny helotsika.

Tsy misy fomba na iray aza ho an'ny olona mba hahafahany ho voavela sy ho voavotra afa-tsy ny fandraisana ny soron'ny fanavotana ary ny fanomezana ny amin'ny famonjen'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.

Hebreo 9:22 Ary saika nodiovina amin'ny rà avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalàna, raha tsy misy rà latsaka tsy misy famelan-keloka.

Hebreo 9:12 ary tsy mba nitondra ran'osilahy sy ran-janak'omby lzy, fa ny ran'ny tenany, dia niditra indray mandeha ho any amin'ny fitoerana masina ka nahazo fanavotana mandrakizay.

➤ *Tsy Hisy Pentipentina*

➤ *Afaka Manompo*

Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy, dia voadio isika mba ahafahantsika manompo an'Andriamanitra.

Hebreo 9:14 mainka fa ny ran i Kristy, izay nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny ho an'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay, no hahadio ny fieritreretanareo ho afaka amin'ny asa maty mba hanompoanareo an'Andriamanitra velona.

➤ *Manana fahatokiana*

Tahaka an'i Adama, talohan'ny nanotany dia nandeha isanandro miaraka amin'ny fanatrehan'Andriamanitra, ary ihany koa tamin'ny ran'i Jesosy, ny olombelona, afaka tamin'ny fanamelohan-tena sy ny fanamelohana, dia afaka mandeha indray am-pahatokiana ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

Hebreo 10:19 Koa amin'izany, ry rahalahy. satria manana fahatokiana hiditra ao amin'ny fitoerana masina isika noho ny ran'i Jesosy,

➤ *Manana fiadanana*

Ny fiadanana sy ny fampihavanana dia afaka ny hiseho indray amin'ny alalan'ny ra.

Kolosiana 1:19-20 Fa sitraky ny Ray ho ao aminy no hitoeran'ny fahafenoana rehetra, sady lzy no hampihavanany ny zavatra rehetra aminy, ka dia ny ràny teo amin'ny hazo fijaliana no nanaovany fampihavanana - eny, lzy, hoy izaho, no fampihavanana izany, na ny ety ambonin'ny tany, na ny any an-danitra.

➤ *Miverina Amin'ny Toerantsika Teny Am-Piandohana*

Ny ran'I Jesosy no nandresy an'I Satana rehefa nivity sy namerina indray ny olona ho amin'ny fiainan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahateraham-baovao.

Satana tonga mba hangalatra, hamono ary handringana ny olona izay noharin'Andriamanitra araka ny endriny sy ny fitovizana Aminy eto an-tany. Tamin'ny alalan'ny fahotana, dia verin'ny olona ny fiainan'Andriamanitra. Tsy nanankery ny olona tamin'ny fanafihan'i Satana teo amin'ny fiainany. Tamin'ny planin'ny fanavotan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandatsahana ny ran'ny Zanany manokana, dia afaka ny ho haverina tanteraka ny olona eo amin'ny toerana teo am-piandohana tamin'ny namoronana azy sy amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy, ny olona, izay nisy fotoana tao amin'ny tsy fananana fanantenana, dia afaka ny ho tonga mpandresy indray.

➤ *Firakofana Fiarovana*

Satria ny mpisorona tao amin'ny Testamenta Taloha naka ny ran'ny zanak'ondry amin'ny fanatitra ary manipy izany eo amin'ny alitaran'Andriamanitra Izay tonga fanalana ny fahotan'ny vahoaka, dia ankehitriny ihany koa , amin'ny finoana, ny ran'ny Zanak'Ondry dia tonga firakotra fiarovana ny fividianana indray ny olona.

➤ *Fandresena*

Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy dia manana fandresena isika!

Rehefa mandeha amin'ny finoana isika, ao amin'ny famelana ary ao amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra dia afaka miteny am-pahatokiana hoe:

- “Satana, rakofan'i ran'i Jesosy aho!”
- “Ny fianakaviako sy ny fananako dia rakofan'ny ran'i Jesosy!”
- “Satana, noresen'ny ran'i Jesosy ianao !”
- “Noho ny amin'ny ran'i Jesosy dia tsy afaka mikasika ahy ianao!”

Satria Jesosy nandresy an'i Jesosy tamin'ny rany, dia isika koa afaka mandresy amin'ny alalan'ny ran'I Jesosy! Amin'ny alalan'ny fiarovan'ny rany, ny fiadiana rehetra voforona hamelezana antsika dia tsisy hambinina.

Apokalipsy 12:11a ary izy ireo naharesy azy noho ny amin'ny filazana ny zanak'ondry tamin'ny filazana ny teny vavolombelona.

Satana dia resin'ny ran'i Jesosy.

Ny fanalahidin'ny fahefan'ny ran'i Jesosy dia nomen'i Jesosy ny tsirairay amintsika izay novidiana indray tamin'ny alalan'izany ra izany. Mpandresy isika ary Satana dia resy hatrany hatrany noho ny amin'io “fanalahidy” maherin'ny rany io.

NY TENIN'ANDRIAMANITRA – FANALAHIDIM-PANDRESENA HO AN'NY FANDRESENA

Ny Sabatry Ny Fanahy

Ao amin'ny Efesiana, ny fiadiantsika handresena ao amin'ny ady dia faritana tahaka “Sabatry ny Fanahy, dia ny tenin'Andriamanitra”(6:17),izay rehefa haloaky ny vavantsika, dia tonga fiadiana lehibe manohitra an'i Satana izay tsy ananan'i Satana fiarovana. Rehefa miteny ny tenin'Andriamanitra amin'ny fahefana isika, dia mandresy an'i Satana eo amin'ny fiainantsika isika.

Apokalipsy 12:11a ary izy ireo naharesy azy noho ny amin'ny filazana ny zanak'ondry tamin'ny filazana ny teny vavolombelona.

Ny Teny Vavolombelona

Ny “teny vavolombelona” dia afaka adika hoe “Tenin’ny tao amin’ny vavolombelony.” Ny fijoroantsika vavolombelona no zavatra lazaintsika. Rehefa tsy miresaka olana intsony isika, na ny fihevitsika, na ny tahotra amintsika, ary ampahatokiana manomboka miteny izay lazain’Andriamanitra amin’ny zava-misy dia lasa mpandresy isika avy eo.

Ny Teny Dia Mitondra Fandresena

Mba hananana ny tenin’Andriamanitra tsy miala eo ambavantsika, dia zava-dehibe ny famakiansika, ny fianarantsika, ary ny fisaintsainana izany teny izany. Avy eo lasa tonga finoana tsy miala, lalim-paka amin’ny fiainantsika izany.

1 Jaona 2:13-14 Manoratra aminareo ray aho, satria efa mahalala llay hatramin'ny voalohany ianareo. Manoratra aminareo zatovo aho, satria efa naharesy ilay ratsy ianareo. Nanoratra taminareo ankizy madinika aho satria efa mahalala ny Ray ianareo.

Nanoratra taminareo ray aho, satria efa nahalala llay hatramin'ny voalohany ianareo. Nanoratra taminareo zatovo aho, satria mahery ianareo, ary mitoetra ao anatinareo ny tenin'Andriamanitra, sady efa naharesy ilay ratsy ianareo.

Nolazaina ireo tanora ireo fa mahery ary mpandresy satria ny tenin’Andriamanitra tao anatin’ny. Rehefa nilaza ny teny tam-pahatokiana izy tao amin’ny fahefana sy ny fanjakana nomen’Andriamanitra dia nandresy ilay ratsy izy.

Efesiana 6:17 Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha ary ny tenin’Andriamanitra ho sabatry ny fanahy.

Ny sabatry ny fanahy dia ny tenin’Andriamanitra.

Apokalipsy 19:13-16 Ary miakanjo akanjo voafafy rà lzy; ary ny anarany atso hoe Ny Tenin'Andriamanitra.

Ary ny antokon'ny miaramila any an-danitra dia nanaraka Ary, samy nitaingina soavaly fotsy sy niakanjo rongony madinika sady fotsy no madio.

Ary misy sabatra maranitra mivoaka avy amin'ny vavany mba hamelenany ny firenena; ary lzy hanapaka azy amin'ny tehim-by; ary lzy no

manitsaka ny famiazana ny divain'ny firehetan'ny fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha.

Ary manana anarana voasoratra amin'ny lambany sy ny feny Izy nanao hoe: MPANJAKAN'NY MPANJAKA SY TOMPON'NY TOMPO.

Fanononana Ny Teny

Jesosy dia nilaza fa ny ootra lehibe indrindra amin'ny finoana dia ilay lehilahy izay nahatakatra ny fahefana ary nahalalana ahoana ny fampiasana izany amin'ny filazana teny iray.

Matio 8:8-10 Fa namaly ilay kapiteny ka nanao hoe: Tompoko, tsy miendrika hidiranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho; fa mitenena ihany, dia ho sitrana ny ankizilahiko.

Fa izaho koa mba lehilahy manan-dehibe ihany ka manana miaramila izay feheziko; ary raha hoy izaho amin'ny anankiray: Mandehana, dia mandeha izy; ary amin'ny anankiray koa: Avia, dia avy izy; ary amin'ny andevolahiko: Ataovy izao, dia manao izy.

Ary nony nahare izany Jesosy, dia gaga ka niteny tamin'izay nanaraka Azy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho na dia tamin'ny Isiraely aza.

Fanamarinan'ny Ny Teny

Ny tenin'Andriamanitra dia hamarinin'ny famantarana fahagagana.

Marka 16:19-20 Ary Jesosy Tompo, rehefa niteny taminy, dia nampiakarina ho any an-danitra ka nipetraka eo an-kavanan'Andriamanitra

Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy. Amena

Jesosy No Teny

Ny tena Anaran'i Jesosy dia "Ny Tenin'Andriamanitra."

Apokalypsy 19:13 Ary miakanjo akanjo voafafy rà Izy; ary ny anarany atso hoe Ny Tenin'Andriamanitra.

Jaona 1:1 Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.

Tsy Afaka Miverina Tsy nisy Asany Ny Teny

Andriamanitra dia niresaka ny amin'ny herin'ny Teniny tamin'ny alalan'Isaia.

Isaia 55:11 Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy.

Andriamanitra dia miresaka ny herin'ny fanasitranana ao amin'ny Teniny tamin'ny alalan'i Davida.

Salamo 107:20 Nandefa ny teniny Izy mba hahasitrana azy Ary nanafaka azy tamin'ny longoa nianjerany.

Ny Teny izay lazaintsika amin'ny fahefana dia misy fiantraikany amin'ny fanatanterahana ny zavatra izay ankasitrahana'Andriamanitra. Ny tenin'Andriamanitra dia mampanantena antsika fa hambinina izy.

Namorona Ny Teny

Manan-kery hamorona ny teny.

Hebreo 11:3 Finoana no ahafantarantsika fa ny tenin'Andriamanitra no nanaovana izao tontolo izao, ka dia tsy izay zavatra miseho no nanaovana izao zavatra hita izao.

Manam-pahefana Ny Teny

Jesosy dia nanonona ny teny tamim-pahefana.

Lioka 4:36 Ary talanjona avokoa izy rehetra ka niresaka hoe: Manao ahoana izao teny izao! fa amin'ny fahefana sy ny hery no andidiany ny fanahy maloto, dia mivoaka ireo.

Teny Ao Anaty, Teny any Ivelany!

Tsara ny mahafantatra ny Teny, fa mandra-panatrehantsika ny zava-misy eo amintsika amin'ny fanonona ny Tenin'Andriamanitra amin'ny vavantsika dia tsy hahazo ny fandresena isika!

Jesosy dia nilaza ny teny tamim-pahefana sy tamin-kery.

Ny finoana an'Andriamanitra:

- **Mino ny Teny,**
- **Manonona ny Teny,**
- **Mahita ny Teny manatanteraka fahagagana.**

Ny fanalahidin'ny Tenin'Andriamanitra dia tsy afaka ny tsy hahomby rehefa tononontsika tsy mijanona amim-pahefana sy an-panjakana izany.

Ny fitsipika ho antsika mba hiasana amin'ny fanjakana eto an-tany izay anton'ny namoronana antsika, dia nomen'i

Jesosy antsika, fiangonana, ny fanalahidin'ny fahefana ho an'ny ady ara-panahy amin'ny fandresena . Satria fantatsika izany fanalahidy izany ary haintsika ny mampiasa azy ho amin'ny fahombiazana, dia hahita antsika velona isika amin'ny fandresena ny fanelingelenan'ny fianana. Ho hitantsika fa ilay efa nambaran'i Jesosy isika:

***Manoatra ny mpandresy isika,
Mpandresy isika ao amin'ny Anarany.***

FANONTANIANA VALIANA

1. Hazavao fa maninona ny ran'i Jesosy no tena mahomby handresena ny fanafihan'ny devoly sy ny fanahin'ny demonia.

2. Manomeza ohatra eo amin'ny fiainanao izay noho ny fanononanao ny tenin' Andriamanitra dia nanome anao fandresena lehibe.

3. Inona no Teny ao amin'ny Soratra Masina izay ho ataonao tsianjery mba hampiasainao amin'ny adina ara-panahy?

Lesona Faha Iraika ambin'ny folo

Ny Anaran'i Jesosy

NY ANARAN'I JESOSY – FANALAHIDY HO AN'NY FANDRESENA

Rehefa mapiasa ny “Anaran'i Jesosy” isika dia miteny amin'ny fahefan'i Jesosy. Rehefa miteny ao amin'izany anrana izany isika, dia mitovy fiantraika tahaka ny hoe Jesosy Izy tenany no mitsangana miteny amin'ny zavamisy. Nanome zo antsika hiteny amin'ny anarany Izy.

Famantarana No Hanaraka

Ny Finoana Ny Anarany misy famantarana hanaraka ireo izay mino ny Anaran'i Jesosy.

Marka 16:15 -18 Ary hoy Izy taminy: **Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra**

Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina

Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy, handray menarana izy; ary na dia misotro zavamahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny

Ary Jesosy Tompo, rehefa niteny taminy, dia nampiakarina ho any an-danitra ka nipetraka eo ankavanan'Andriamanitra Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niarania taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy. **Amena**

Tsy nisy punctuation teo amin'ny Grika izay fiteny fototra nanoratana ny Testamenta Vaovao. Ny punctuations izay ao amin'ny Baibolintsika dia nanampian'ny mpandika teny araka ny fomba fijeriny manokana.

Tahaka izao no famaky ny Marka 16:17,
Ireto no fahagagana izay hanaraka ireo izay nino...

Afaka no adika tahaka izao ihany koa io andalana io,

Ireto no fahagagana izay hanaraka ireo izay nino ny anarako....

Hoy Jesosy hoe zava-dehibe ny “ninoantsika” ny Anarany. Tokony ho takatsika ny fahefana izay antsika ao amin'ny anaran'i Jesosy. Tokony havoakantsika am-pahatokiana izay

fahefana izay amin'ny finoana rehefa mampiasa ny anaran'i Jesosy.

Rehefa amin'ny fahatokiana no hanononantsika sy hihetsehantsika amin'ny finoantsika ao amin'ny anaran'i Jesosy, dia handroaka ny demonia izany. Hametraka ny tanantsika amin'ny marary isika, dia ho sitrana ireny.

Zo Mahavariana

Talohan'ny fanatanterahana ny asan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana, dia tsy nisy olona nahasahy nanonona ireo anran'Andriamanitra. Masina loatra izany ka tsy tokony hotononina mafy. Tao amin'ny fitoerana masina indrindra ihany no nanoratana izany, ary ny mpisorona be ihany no nahalala izany.

Rehefa nomen'Andriamanitra ny mino ny zo hampiasa ny Anarany, dia tena tombon-tsoa lehibe izany, ary tsy tokony ho natao zavatra maivana.

Nomena Ny Fahefan'i Jesosy

Satria Jesosy dia Zanak'Andriamanitra,

➤ Nanana ny fahefana rehetra Izy tany an-danitra.

Satria Jesosy dia Zanak'Olonana,

➤ Nanana ny fahefana rehetra Izy tety an-tany.

Matio 28:18 Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany;

Rehefa mampiasa ny anaran'i Jesosy isika, dia misy fahefana tsy hay toerina sy mahery mivoaka. Ohatran'ny hoe eo amin'ny toerany isika ary mampiasa ny fahefany.

Fanomezan-dalana

Rehefa nomen'i Jesosy antsika ny zo ara-dalàna hampiasa ny anarany, dia nametraka ny fahatokiana lehibe isika mba hahaizantsika mifehy izany. Amin'ny fiteny ara-dalàna, dia nanome antsika "Fahazahoan-dalana" Izy hampiasa ny anarany.

Ao amin'ny fomba fanaovan-javatra ara-dalàna ny "fahazahoan-dalana" dia taratasy ara-dalàna izay manome olona iray ny zo sy ny tobo-tsoa hampiasa ny anaran'ny olona hafa. Rehefa nanao sonia fifanarahana ilay olona naharay ilay toro-làlana ary mampiaraka izany amin'ny taratasy iray misy ny fanomezan-dalana amin'ilay fifanarahana, dia mitovy ny fiantraikany ara-dalànaque si cette personne avait signé le contrat en personne.

Mandray Avy Amin'Andriamanitra

Rehefa nanao ny fanompoany teto an-tany Jesosy, dia nisolo toerana an'Andriamanitra Izy nanao izany.

Jaona 5:19 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka.

Ankehitriny rehefa manao ny fanompoana isika eto an-tany, dia tokony hihetsika amin'ny alalan'ny Zanaka isika. Tsy tokony hampiasa ny anaran'i Jesosy ahazoantsika ny fanirantsika manokana isika raha mbola tsy nahare sy nandray avy amin'Andriamanitra.

Mampiasa Foana Ny Anarana

Ny manandrana mampiasa ny anaran'i Jesosy mba hahatanteraka ny fanirantsika manokana fa tsy mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra aloha , dia mampiasa foana ny anaran'i Jesosy.

(Deutoronomia 5:11) Aza manonona foana ny anaran'i Jehovah Andriamanitrao; fa tsy hataon'i Jehovah ho tsy manan-tsiny izay manonona foana ny anarany.

Anarana Ambonin'ny Anarana Rehetra

Ny anaran'i Jesosy dia ambonin'ny anarana rehetra.

Filipiana 2:5-11 Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra,fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona lzy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana.

Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra,mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny ety an-tany, na ny any ambanin'ny tany,sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray.

- *Ny herin'ny devoly tsirairay dia manana anarana daholo.*
- Ny olona tsirairay dia manana anarana.
- Ny aretina tsirairay dia manana anarana.

- Ny fanangolen'ny devoly tsirairay dia manana anarana.
- Rehefa tononina ny anaran'i Jesosy, dia mandositra ny herin'ny demonia.
- Rehefa tononina ny anaran'i Jesosy, ny homan-miadana sy ny aretina hafa rehetra dia tsy maintsy milefitra.
- Rehefa voatonona ny anaran'i Jesosy, dia resy daholo ny fanangolen'ny devoly.

Ny anaran'i Jesosy dia ambonin'ny anarana rehetra. Hilefitra ny lohalika rehetra manaiky ny Tompo Jesosy rehefa tononina ny anarany.

Manaiky Izany Anarana Izany Ny Demonia

Ny demonia dia mahalala ny hery ao amin'ny anaran'i Jesosy, ary hanaiky izany anarana izany izy.

Lioka 10:17,19 Ary ny fito-polo lahy niverina tamin'ny fifaliana ka nanao hoe: Tompo ô, na dia ny demonia aza dia manaiky anay noho ny anaranao.

Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo ianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory.

Matio 28:18 Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany;

Nomena an'i Jesosy ny fahefana rehetra. Amin'ny fampiasana ny anaran'i Jesosy dia manana izany fahefana izany koa isika eto an-tany.

Mino Ny Anarana

Nahazo didy isika mba hino ny anaran'i Jesosy.

1 Jaona 3:23 Ary izao no didiny, dia ny hinoantsika ny anaran'i Jesosy Kristy Zanany sy ny hifankatiavantsika araka ny didy nomeny antsika.

Tokony hino ny anaran'i Jesosy isika ho an'ny ahazoana fiainana mandrakizay.

Jaona 3:18 Izay mino Azy dia tsy helohina*; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanaka-lahy Tokan'Andriamanitra izy.

Jaona 20:31 fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak'Andriamanitra, ary mba hanananareo fiainana amin'ny anarany, raha mino ianareo.

Afaka mahazo fahazoana antoka tanteraka ny famonjena isika satria minon y anarany.

1 Jaona 5:13 [Ny amin'ny fivavahana ary ny tsifitovian'ny zanak'Andriamanitra amin'ny ratsy fanahy] Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo.

Mangataka Amin'ny Anarany

Hampianarina isika mba hangataka amin'ny anarany

Jaona 14:12-14 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako ianareo, dia hataoko izany.

Rehefa nankany amin'ny Ray Jesosy, dia nampianatra ny mpianany hampiasa ny anarany. Nolazainy azy fa amin'izay angatahany, dia ho ataony, mba hankalazana ny Ray ao amin'ny Zanaka.

Jaona 15:16 Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamao, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona.

Jaona 16:23-24 Ary amin'izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona ianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo; mangataha, dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo.

Ampianarina isika mba hangataka amin'ny anarany

Hanao Ny Zavatra Rehetra Amin'ny Anarany

Tokony ataontsika amin'ny anaran'i Jesosy ny zavatra rehetra. Tena tombotsoa mahafinaritra!

Kolosiana 3:17 Ary na inona na inona no ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany, ka misaora Andriamanitra Ray amin'ny alalany.

Tokony heverintsika ihany koa fa ny zavatra rehetra ataontsika dia tokony mifanaraka amin'ny anaran'i Jesosy. Ny fanaovana izany dia mety mitondra fanavaozana amin'ny fomba fiainantsika.

NY APOSTOLY DIA NAMPIASA NY ANARAN'I JESOSY

Ny Apostoly sy ireo mpino voalohany ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia nampiasa ny anaran'i Jesosy tamim-pahatokiana ary nahita vokatry mahagaga.

Hery Ao Amin'ny Anarany

Asan'ny Apostoly 3:1-10 Ary Petera sy Jaona niakatra ho eo an-kianjan'ny tempoly tamin'ny ora fahasivy fotoam-pivavahana.

Ary nisy nitondra lehilahy nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny, izay napetrany isan'andro teo anoloan'ny vavahadin'ny tempoly, ilay atao hoe Itsaraendrika, mba hangataka fiantrana amin'izay niditra teo an-kianjan'ny tempoly;

nony nahita an'i Petera sy Jaona efa niditra eo an-kianjan'ny tempoly izy, dia nangataka mba homena fiantrana.

Ary Petera sy Jaona nibanjina azy ka nanao hoe: Mijere anay.

Dia nibanjina azy roa lahy tsara izy, fa nanantena hahazo zavatra taminy.

Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangana.

Ary noraisiny tamin'ny tanany ankavanana ralehilahy ka natsangany; dia natanjaka niaraka tamin'izay ny tongony sy ny kitrokeliny.

Ary niantambotra izy ka nijoro, dia nitsangantsangana ary niara-niditra taminy ho eo an-kianjan'ny tempoly, nitsangantsangana ny niantambotsambotra sady nidera an'Andriamanitra.

Ary ny vahoaka rehetra nahita azy mitsangantsangana sy midera an'Andriamanitra.

Ary fantany tsara fa io no ilay nipetraka teo amin'ny vavahady Itsaraendrika eo amin'ny tempoly mba hiantrana; dia gaga sady talanjona ny olona noho izay tonga tamin-dralehilahy.

Finoana Ao Amin'ny Anarany

Petera dia nanazava fa ny fanalahidy amin'ny fampiasana ny anaran'i Jesosy, dia ny famelana ny fahefan'izany anarana izany amin'ny fahefana.

Asan'ny Apostoly 3:12 Ary Petera, nony nahita, dia namaly ny vahoaka hoe: Ry lehilahy Isiraely, nahoana no talanjona amin'izany ianareo? Ary nahoana no mandinika anay ianareo, toa herinay na fahamasinanay no nanaovanay azy ho afa-mandeha?

Asan'ny Apostoly 3:16 Ary ny anarany no nampahatanjaka io lehilahy hitanareo sy fantatrareo io noho ny finoana ny anarany; eny, ny finoana izay azo amin'ny alalany no nahazoany izao fahasitranana tsara eto imasonareo rehetra izao.

Fanasitranana Amin'ny Anarany

Vokatry ny fanasitranana dia nosamborina i Petera sy Jaona , natao an-tranomaizina ny alina, ary nampitandreman'ireo mpitondra fivavahana mba tsy hiteny amin'ny anaran'i Jesosy intsony. Am-pahasahiana no namalian'i Petera ny fanontaniany ny amin'ily fanasitranana ka nanao hoe:

Asan'ny Apostoly 4:10 dia aoka ho fantatrareo rehetra sy ny olona Isiraely rehetra fa ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, izay nohomboanareo tamin'ny hazo fijaliana, fa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty kosa, dia lzy no itsanganan'io lehilahy io finaritra eto imasonareo.

Famonjena Ao Amin'ny Anarany

Ny fampiasan'i Petera sy Jaona ny anaran'i Jesosy ny amin'ny asa fanasitranana ilay lehilahy nalemy dia nisy akony, ka ny isan'ny mino dia nitombo teo amin'ny dimy arivo teo ho eo.

Asan'ny Apostoly 4:4 Kanefa maro tamin'izay nandre ny teny no nino, ka dia tonga tokony ho dimy arivo no isan'ny lehilahy.

Ny famonjena antsika izay sarobidy dia ao amin'ny anaramaherin'i Jesosy.

Asan'ny Apostoly 4:12 Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena.

Natahotra Ny Anarany Ny Olona

Petera sy Jaona dia nampitandreman'ny mpitondra fivavahana mba tsy hanonona izany anaranaizany intsony manomboka izao.

Asan'ny Apostoly 4:17,18 Fa mba tsy hielezan'izany intsony amin'ny vahoaka, dia aoka horahonantsika izy mba tsy hiteny amin'izany anarana izany intsony na amin'iza na amin'iza. Ary niantso azy izy ka nandrara azy tsy hiteny na hampianatra amin'ny anaran'i Jesosy intsony.

Fahazoana Antoka Ao Amin'ny Anarany

Tamin'io fotoana io dia nilatsaka tamin'i Petera sy Jaona ny Fanahy.

Asan'ny Apostoly 4:29-30 Koa ankehitriny, Tompo ô, jereo ny fandrahonany; ary omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin'ny fahasahiana rehetra, omban'ny aninjiranao ny tananao hahasitrana sy ny anaovana famantarana sy fahagagana amin'ny anaran'i Jesosy, Mpanomponao Masina.

Filipo Dia Nitory Ny Anarany

Asan'ny Apostoly 8:12 Ary rehefa nino an'i Filipo nitory ny teny soa mahafaly ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Jesosy Kristy ireo, dia natao batisa avokoa na lahy na vavy.

Nosamborina Noho Ny Amin'io Anarana Io

Paoly dia nirahina mba hisambotra izay miantso ny anaran'i Jesosy.

Asan'ny Apostoly 9:14 Ary manana fahefanay koa avy tamin'ny mpisoronabe izy hamatotra izay rehetra miantso ny anaranao.

Nofidiana Mba Hitondra Ny Anarany

Paoly dia voafidin'Andriamanitra mba hitondra ny anaran'i Jesosy eo amin'izao tontolo izao.

Asan'ny Apostoly 9:15 Fa hoy ny Tompo taminy: Mandehana, fa fanaka voafidy izy ho fitondrana ny anarako eo anatrehan'ny jentilisa sy ny mpanjaka ary ny Zanak'isiraely.

Mitory Tsisy Tahotra Ny Anarany

Asan'ny Apostoly 9:27 Fa Barnabasy naka azy ka nitondra azy ho any amin'ny Apostoly, dia nanambara taminy ny nahitany ny Tompo sy ny

nitenenany taminy teny an-dalana ary ny fahasahiany nitory ny anaran'i Jesosy tany Damaskosy.

Fanafahana Amin'ny Alalan'ny Anarany

Asan'ny Apostoly 16:18 Ary nataony tamin'ny andro maro izany. Ary sosotra Paoly, dia nitodika ka nanao tamin'ny fanahy hoe: Mandidy anao amin'ny anaran'i Jesosy Kristy aho hivoaka aminy. Dia nivoaka tamin'izany ora izany indrindra izy.

Voninahitra Lehibe Ho An'ny Anarany

Asan'ny Apostoly 19:17-18 Ary fantatry ny Jiosy sy ny jentilisa rehetra izay nonina tany Efesosy izany; dia raiki-tahotra ny olona rehetra ka nankalaza ny anaran'i Jesosy Tompo. Ary maro izay nino dia tonga ka niaiky sy nilaza ny asany.

FAMANTARANA SY FAHAGAGANA AO AMIN'NY ANARAN'I JESOSY

Rehefa mihaino sy mankatoa ny feon'Andriamanitra isika, amin'ny fahazahoana antoka dia tokony handeha ary ampinoana hampiasa ny fahefana lehibe ao amin'ny anaran'I Jesosy. Rehefa ataontsika izany, dia hahazo traikefa ny amin'ny famantarana sy ny fahagagana isika ao amin'ny fiainantsika sy ny fanompoantsika.

Asan'ny Apostoly 4:29-31 Koa ankehitriny, Tompo ô, jereo ny fandrahonany; ary omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin'ny fahasahiana rehetra, omban'ny aninjiranao ny tananao hahasitrana sy ny anaovana famantarana sy fahagagana amin'ny anaran'i Jesosy, Mpanomponao

Ary rehefa nivavaka izy, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana.

Rehefa mitohy mampiasa ny fahefana sy ny herin'ny anaran'i Jesosy isika, dia hampihorohoro izao tontolo izao ihany koa isika amin'ny fanatrehana sy ny herin'ny Andriamanitsika lehibe.

Ny fanalahidy ho an'ny fiainana kristiana feno fandresena dia hita ao amin'ny anara-maherin'i Jesosy.

Afaka mandeha amin'ilay hery voalaza ao amin'ny Asan'ny Apostoly ihany koa isika, rehefa mampiasa ny fahefana ao amin'ny anaran'I Jesosy tahaka ireo npino voalohany.

FANONTANIANA VALIANA

1. Manomeza ohatra roa avy amin'ny bokin'ny asan'ny Apostoly, izay nampiasan'ny Apostoly “ny anaran'i Jesosy.”
2. Inona no dikan'ny hoe rehefa manonona ny anaran'i Jesosy isika dia tahaka ny manana “ny herin'ny mpanome fahazahoan-dalana”?
3. Amin'ny fahaserotana atrehanao ankehitriny, mieritreritra ny hampiasa ny anaran'i Jesosy ve ianao mba hahazo traikefa amin'ny fandresena?

Lesona Faharoambin'ny Folo

Ady Am-Panahy Feno Fandresena

MPIARA-MIASA HO AMIN'NY ADY!

Herin'Andriamanitra

Satria izao azontsika tsara ny amin'ny fifandonana mandrakizay ary fantatsika ny fahefana sy ny fiadintsika mahery, dia novatsiana isika ho an'ny ady misy fandresena mahery sy victorieuse. Paoly dia nanoratra:

2 Korintiana 10:4 fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy

Betsaka no niezaka niditra tao amin'ny ady tsy niaraka tamin'ny fanambarana. Tsy takany ny fahefana izay ananany noho ny maha ao amin'i Jesosy Kristy azy.

Ho azy ireny, dia lasa mafy ny ady ara-panahy, misy tolona maharitra amin'ny fahavalo mahery. Lasa tena variana amin'ny devoly sy ny demonia loatra izy. Arakaraka ny ifantohany amin'ny devoly sy ny demonia, dia hitany hoe lehibe kokoa izy ireo, Ratsy ary mahery kokoa.

Fahavalo Resy

Isaia mpaminany dia nanoratra momban'ny ho avin'i Satana. Manome antsika sary mazava izy ny amin'izay voatendry ho azy.

Isaia 14:15-17 Kanjo hampidinina hatrany amin'ny fiainan-tsi-hita ho any ampara-vodilavaka ianao. Izay mahita anao hibanjina anao sy hihevitra anao hoe: Moa io va ilay lehilahy nampihorohoro ny tany sy nampihozongozona ny fanjakana Ary nanao izao tontolo izao ho efitra sy nandrava ny tanàny Ary tsy nandefa ny mpifatotra hody?

Ny vahoaka dia hijery ilay antsoina hoe Satana izay tsisy fanantenana, resy ary nalaina baraka. Gaga izy hijery izay noheveriny fa lehibe sy mahery. Ho hitany miditra ao amin'ny fahafaham-baraka izy. Hanontany izy hoe, “io ve le lehilahy...?” “i ove ilay lehilahy izay niresaka loatra momba azy?”

Hijery ilay natao tsinontsinona izy. Hojereny amin'ny fankahalana. Ho hitany amin'ny faharesena tanteraka.

Rehefa manana fanambarana ny amin'ny maha izy antsika ao amin'i Jesosy Kristy isika, dia tsy sahirana ny amin'ny devoly intsony isika. Fa variana hatrany hatrany amin'i Jesosy isika!

Ny devoly dia fahavalo resy. Noravana ny heriny. Nataon'i Jesosy "haotra." ngezabe izy. Nataony tsisy fiadiana izy, tsy afa-manao na inona na inona ary rakofan'ny henatra.

Lasa Tao Amin'ny Tsy Fananan-kery

Hebreo 2:14b dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly,

Tsy hoe tsy manana tombo-tsoa isika amin'ny raharahantsika amin'ny devoly sy ny demonia. Nandray ny hery izay mihoatra ny an'ny fahavalo rehetra isika.

Rehefa misitra ao amin'ny ady isika, dia ao amin'ny toerana feno fahazahoana antoka sy finoana no handresentsika. Tokony hiditra ao amin'ny ady isika amin'ny toerana mahalala ny mahaizy antsika ao amin'i Jesosy. Tsy tokony hanomana tolona amin'ny fahavalo mahery isika. Fa tokony, kosa, hiandry am-pifaliana ny fandresena amin'ny fanehoana ny zava-misy fa ny devoly dia efa resy.

- Ny devoly tsy "manan-danja."
- Jésus dia "tena manan-danja."
- Mahay manao ny zavatra rehetra isika amin'ny alalany!

Filipiana 4:13 Mahay ny zavatra rehetra aho amin'ny alalan'ilay mampahery ahy.

DINGANA MANKAMIN'NY FANDRESENA

Ny hery sy ny fahefan'ny Mino dia tsy "kilalao" mba hanatanterahatsika ny faniriansika feno fitiavan-tena. Fa tokony mifanaraka tsara amin'ny sitrapon'Anriamanitra isika.

Fiekena Fahotana

Raha te ho mpandresy isika amin'ny ady ara-panahy, dia tokony hibe-baka aloha isika ary hiaiky amin'Andriamanitra ny fahotantsika ary handrayny famelan-keloka. Ny Apostoly Jaona dia milaza amintsika ny fanaovana izany.

1 Jaona 1:9 Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina lzy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.

Fanoloran-tena

Tokony atolontsika ny fiainantsika, zato isan-jato, ho an'i Jesosy ho Tompon'ny fiainantsika.

Romana 12:1-2 Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy* mety hataonareo izany.

Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.

Fisarahana Amin'izao Tontolo Iza

Tokony hisaraka amin'ny raharahan'izao tontolo izao izay manelingelina antsika isika.

2 Timoty 2:4 Ny miaramila manafika dia tsy mba misy maningo-tena amin'ny raharahan'izao fiainana izao. mba hahafaly izay efa nifidy azy ho miaramila.

Hahafoy Ny Faniriantika

Tokony hafointsika ny faniriantika ary mba ho tarihin'ny Fanahy isika. Isika, tahaka an'i Jesosy, dia tokony hiteny hoe “Izay hitako ataon'ny Ray ohany no ataoko.”

Jaona 5:19 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka.

Nomen'Andriamanitra ny mino tsirairay avy ny fahefana amin'ny:

- fanambadiany, zanany, ary fianakaviany
- toerana hipetrahanany – ny mpifanila vody rindrina, tanana, firenena
- toerana handefasan'Andriamanitra azy hanao fanompoana

Matetika isika ao amin'ny fanahintsika dia tsy manana fahafahana ny hanolon-tena amin'ny ady manohitra ny manda avon'ny devoly amin'ny lafiny ivelan'ny lafin'ny fahefana nomenan'Andriamanitra antsika. Tian'Andriamanitra ny ahafantaran'ny mino ny fahefany ao amin'io lafiny io ary avy eo mandrava ilay manda avo.

Manana Toe-po Feno Fitiavana

Amin'ny maha miaramila, lehilahy sy vehivavin'ny finoana ao amin'ny tafik'Andriamanitra, dia tsy tokony hiavonavona sy tsy mahafinaritra isika amin'ny toe-pontsika amin'ny hafa.

Filemona 1:4-5 Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva aho, raha mahatsiaro anao amin'ny fivavahako, satria reko ny fitiavanao sy ny finoana

izay anananao ho an'i Jesosy Tompo sy ho an'ny olona masina rehetra

Tokony ho tsy azo atao na inona na inona isika amin'ny devoly sy ny demonia, fa tokony hitohy handeha amin'ny fitiavana ny olon-kafa. Nous détestons le diable, mais nous aimons les gens.

Tokony ho tadidiantsika fa ny fahefantsika amin'ny maha mino dia tsy ny hanjaka amin'ny olona, fa ny hanana fahefana amin'ny devoly sy ny demonia.

Rehefa mandeha amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny hafa isika, tsy tokony hieritreritra foana isika hoe miady amin'ny devoly.

Tsy Misy Marimaritra Hiraisana

Raha mandeha amin'ny fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra isika – tsy misy “fifangaroana” amin'ny marimaritra iraisana, fahotana na filan'izao tontolo izao amin'ny fiainantsika– Andriamanitra dia hampitandrina antsika amin'ny fomba fiasan'i Satana handavoana antsika amin'ny alalan'ny fanomezan'ny fanahy mahay mamantatra fanahy maro.

Arakaraka ny hanakakaizantsika an'Andriamanitra, dia arakaraka izay no hahamalina antsika amin'ilay ratsy, ny fihavian'ny fitaka, ny marimaritra iraisana na ny “fifangaroana”.

Tokony hampifantoka ny masontsika amin'i Jesosy isika. Raha eo amin'ny lalantsika Satana sy ny demonia– dia mila miady aminy, manohitra azy, mandroaka azy– Mandroaka ny fisainana sy ny sary an-tsaina izay tsy avy amin'Andriamanitra. Tokony averintsika amin'i Jesosy ny masontsika sady manome voninahitra ho Azy ny amin'ny fandresena.

2 Korintiana 2:14 Fa isaorana anie Andriamanitra, izay mitondra anay mandrakariva ao amin'i Kristy toy ny fanaon'izay avy nandresy, ka dia ampisehoany ny hanitry ny fahalalana Azy eny tontolo eny izahay.

Tsy Misy Manana Fahaiza-manao Amin'ny Tontolon'ny Fanahy

Ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, dia tsy planin'Andriamanitra ahatanterahan'ny ny ady ara-panahy sy ny fanafahana amin'ny fiantsoana, na fandehanana any amin'ny olona manana fahaiza-manao na “mpandroaka mahery ny devoly”. Fa kosa, tahaka ny nosoratan'ny Apostoly Jakoba, ny mino tsirairay dia tokony hanohitra an'Anriamanitra.

Jakoba 4:7 Ka dia maneke an'Andriamanitra ianareo, ary manohera ny devoly dia handositra anareo izy.

NY FIADIAN 'ANDRIAMANITRA

Andriamanitra dia nanomana fiadiana ho an'ny ady. Paoly Apostoly dia tsy nampianatra antsika mba hitafy ny fiadiantsika; nanoratra izy fa mila manao ny fiadian'Andriamanitra isika.

Rehefa nanao ny akanjo fiadiany ireo mpitaingin-tsoavaly tamin'ny vanim-potoana médiaval, sy ny fiarovan-dohany et rabattaient la visière teo amin'ny tarehiny, dia ohatran'ny nahery avokoa izy, misy sandry, ary mpiady tena loza ho an'ny fahavalo. Raha tsy mijery ny tsy fahatanterahana ao antin'ilay akanjo fiadiana, dia ohatran'ny toa mpiady lehibe avokoa izy.

Rehefa mitafy ny fiadian'Andriamanitra isika, ho an'ny devoly dia mitovy amin'Andriamanitra isika. Manaraka izany mba ahazoantsika ny fandresena dia mila miteny tahaka an'Andriamanitra isika, mandeha tahaka an'Andriamanitra, ary mihetsika tahaka an'Andriamanitra!

Ny Herintsika

Mila miasa ao amin'ny herin'Andriamanitra lehibe isika. Tsy tokony handeha hiady amin'ny alalan'ny herintsika manokana isika.

Efesiana 6:10-11 Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany.

Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly.

Ny Tolona Ataontsika

And.12 Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra

Paoly dia mampatsiahy antsika fa isika dia tsy mitolona amin'ny nofo aman-dra, fa amin'ny fanapahana, ny fanjakana, ary amin'ny herin'ny fanahy ratsy. Ny tolona misy antsika dia tsy ao amin'ny tontolo hita maso, fa ao amin'ny tontolon'ny fanahy.

Ny Fiadiantsika

➤ *Sikin'ny Fahamarinana*

➤ *Rariny Fiarovan-tratra*

➤ *Kiraron'ny Fahavononam-Panahy avy amin'ny Filazantsara*

and.13-15 Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin'ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra ianareo.

Mifahara ary, ka sikino fahamarinana ny valahanareo, ary mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra, ary kiraroy ny fahavononam-panahy avy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana ny tongotrareo.

Ny apostoly Paoly dia mamerimberina ilay teny hoe "Mifahatra". Voalohany dia miteny izy hoe rehefa tongan y andro mahory dia tokony hanohitra isika (hifahatra).avy eo izy miteny hoe, rehefa vitanareo avokoa, dia tokony hafahatra isika. Farany,dia milaza izy hoe, mifahara , avy eo mitafy ny rariny ho fiarovan-tratra, ary mikiraro ny fahavononam-panahy avy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana.

Ny marina dia ny tenin'Andriamanitra. Satria fiarovana ho antsika izany, tokony ho fantarintsika izay lazainy.

Ny rariny ho fiarovan-tratra dia ny fahamarinan'Andriamanitra. Tsy voatery ho tanteraka isika, fa takiana isika mba tsy hanana fahotana fantatra eo amin'ny fiainantsika mba ho eo amin'ny toerany izay fiarovan-tratra izay.

Ny tongotsika dia tokony hokiraroina ny fahavononam-panahy avy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana. Ny fahavononana no anjarantsika ary izany dia atao amin'ny fianarana ny tenin'Andriamanitra.

Hoy Paoly nanoratra tamin'i Timoty:

Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara* ny teny fahamarinana. (2 Timoty 2:15)

- *Ny Ampingan'ny Finoana*
- *Famonjena Ho Fiarovan-doha*
- *Ny Sabatry Ny Fanahy*

Efesiana 6:17-18 Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha sy ny tenin'Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy, ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra,

Tokony hampiasaintsika ny ampingan'ny finoana mba hamonoantsika ny zana-tsipika mirehitra alefan'ny devoly. Ny zana-tsipika mirehitra dia ny fisainana, ny fakam-panahy, ny aretina ary ny fomba fiasan'i Satana izay alefany amintsika. Tokony hovonointsika izany amin'ny alalan'ny finoana ny Teniny.

Ny fiarovan-doha amin'ny famonjena dia hanaovana rehefa mandray ny famonjena isika. Io ilay famonjena izay tsy

mipetraka amin'ny lahatra votendry ho antsika ihany, fa izay mamerina antsika amin'izay namoronana antsika rehefa noforonina araka ny endrik'Andriamanitra isika. Ny fiarovan-doha amin'ny famonjena dia nous mamela antsika hanavao ny saintsika amin'ny fanambarana feno ny famonjena antsika.

Romana 12:2a Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina.

Izay fanavaozana ny saintsika izay dia tonga amin'ny alalan'ny fanasana ny saintsika amin'ny “rano” velona dia ny tenin'Andriamanitra rehefa mamaky, mianatra na misaintsaina izany isika.

Efesiana 5:26 mba hahamasina azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny;

Nomena fiadiana hanafihana isika dia ny Sabatry ny fanahy izay tenin'Andriamanitra. Paoly dia miresaka amintsika bebe kokoa momba ny sabatry ny Fanahy ao amin'ny bokin'ny Hebreo.

Hebreo 4:12 Fa velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo.

Ny tenin'Andriamanitra no sikin'ny fahamarinantsika, kiraro ho an'ny tongotsika ary sabatra ho an'ny fanahy! Misy mampisalasala ve ny maha zava-dehibe ny fianarana ny Teny?

Vavaka Fandresena

Rehefa mitafy amin'ny finoana “ny fiadian'Andriamanitra rehetra,” isika dia tokony “hivavaka ao amin'ny fanahy amin'ny fivavahana rehetra.”

Efesiana 6:18 ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra,

Rehefa mivavaka am-pinoana ho an'ny olona masina isika, sy mampiasa ny fahefana naverina tamintsika, dia ho hitantsika mianjera ny manda avon'i Satana. Ho lasa “mafana fo amin'ny ady” ary hampandositra ny herin'i Satana isika.

Hebreo 11:33-34 izay nandresy fanjakana tamin'ny finoana, niasa fahamarinana; nahazo teny fikasana,

nanakombona ny vavan'ny liona, namono ny fidedadedan'afo, afaka tamin'ny lelan-tsabatra, raha nalemy dia nampahatanjahina, tonga nahery tamin'ny ady, dia nampandositra ny miaramilan'ny firenena hafa.

MPIARA-MIASA HO AMIN'NY ASA FANOMPOANA

Jesosy dia niteny fa tokony handeha any amin'izao tontolo izao isika hitory ny filazantsara.

Marka 16:15 Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra

Isaia mpaminany dia miresaka ny momba, ilay mitondra ny vaovao mahafaly.

Isaia 52:7 Akory ny hatsaran'ny tongotr'iry mitondra teny soa mahafaly ery an-tendrombohitra sady mitory fiadanana! Dia izay mitondra teny soa mahafaly sady mitory famonjena, eny, izay manao amin'i Ziona hoe: Mpanjaka Andriamanitrao!

Paoly dia milaza fa isika dia manaoatra ny mpandresy, ary tsis ahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra.

Romana 8:37-39 Kanefa amin'izany rehetra izany dia manaoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika. Fa matoky aho fa na fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na inona na inona amin'izao zavatra ary rehetra izao, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.

Jesosy nilaza fa hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao batisa hatramin'izao, ny fanjakan'Andriamanitra dia rombahina.

Matio 11:12 Ary hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan'ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy an-keriny.

Paoly miteny amintsika fa ny finoana no hery!

Hebreo 11:33 izay nandresy fanjakana tamin'ny finoana, niasa fahamarinana; nahazo teny fikasana, nanakombona ny vavan'ny liona,

Ho Famintinana

Feno ny asan'i Jesosy!

***Naharesy an'i Satana Izy ary naka indray ny zavatra rehetra
nalain'i Satana tamin'i Adama sy Eva.***

***Namerina ny fahefana teto an-tany Izy mba hividianana indray ny
olombelona, izay fiangonany– Ilay tafika lehibe izay Azy!***

Izao dia miankina amintsika Izy!

***Isika no tokony hitondra ny vaovao lehibe ny amin'ny
famonjena amin'ny olona rehetra.***

Tokony hampandrosontsika amin-kery ny fanjakan'Andriamanitra.

Tokony ataontsika fitoeran-tongotr'i Jesosy ny fahavalony.

***Tokony handeha amin'ny fahefana isika eto an-tany
amin'izao andro izao!***

Tenin'Andriamanitra Atao Tsianjery

Efesiana 6:12

Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra

1 Petera 5:8, 9

Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mieronana mitady izay harapany; tohero izy, ka miorena tsara amin'ny finoana ianareo, satria fantatrareo fa izany fahoriana izany dia manjo ny rahalahinareo rehetra eran'izao tontolo izao.

Jaona 10:10

Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be.

Genesisy 1:26

Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika ; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany.

Genesisy 3:15

Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotora ny lohanao, ary ianao kosa hanorotora ny ombelahin-tongony.

Hebreo 2:14

Koa satria manana nofo aman-drà ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly,

1 Jaona 3:8

Izay manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly.

Kolosiana 2:15

ary nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany* ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy.

Apokalipsy 1:18

dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita.

Efesiana 1:22, 23

dia nampanaiky ny zavatra rehetra ho eo ambanin'ny tongony Izy ka nanao Azy ho Lohany manapaka ny zavatra rehetra ho an'ny fiangonana, izay tenany, dia ny fahafenoan'izay mameno izao zavatra rehetra izao amin'ny rehetra.

Kolosiana 1:13

sady nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany,

Romana 16:20

Fa Andriamanitra ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompotsika.

Lioka 10:19

Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo ianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory.

Matio 16:18, 19

Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy.

Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.

Apokalipsy 12:11

Ary izy ireo naharesy azy noho ny amin'ny ran'ny Zanak'ondry Sy ny teny filazana Azy, Ary tsy nankamamy ny ainy intsony iry, na dia ho faty aza.

1 Jaona 2:13, 14

Manoratra aminareo ray aho, satria efa mahalala Ilay hatramin'ny voalohany ianareo. Manoratra aminareo zatovo aho, satria efa naharesy ilay ratsy ianareo. Nanoratra taminareo ankizy madinika aho satria efa mahalala ny Ray ianareo.

Nanoratra taminareo ray aho, satria efa nahalala Ilay hatramin'ny voalohany ianareo. Nanoratra taminareo zatovo aho, satria mahery ianareo, ary mitœtra ao anatinareo ny tenin'Andriamanitra, sady efa naharesy ilay ratsy ianareo.

Filipiana 2:9, 10

Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny ety an-tany, na ny any ambanin'ny tany,